# *NY FAHITANA TAO PATMO*

. . . Raha nanao an'ireo filazana Rahalahy Neville, hoe nilaza Rahalahy Moore indray andro, niresaka ny amin'ny Fanahin'ny Tompo, niditra . . . tonga tao amin'ny tranobe. Hoy izy hoe, "Tena lehibe ilay izy tao ka nihevitra aho fa efa tonga ny Fampakarana hany ka nijery manodidina aho, hitako ireo hafa nipetraka teo," hoy izy, "tsia, tsy mbola tonga ilay izy, satria raha—raha mbola eto foana izy ireo amin'izay fotoana izay dia fantatro fa mbola eto foana aho." Noho izany matetika dia maneho an'izany tsara amintsika ny Tompo.

2 Faly isika manana sakaiza maro izay hitantsika ato amin'ny tranobe. Maro loatra raha andramana ho tononina. Sendra voamariko fotsiny, miditra ny varavarana, Rahalahy Carpenter, ilay lehilahy izay nampivady ahy sy ny vadiko niaraka. Rahalahy Carpenter, efa fitahiana lehibe ho antsika eto amin'ny fiangonana izy, ary efa fitahiana iray ho antsika tahaka an'izany tao amin'ny asam-panompoana, ary mitory teny hatraiza, saiky hatraiza hatraiza. Ary faly isika manana azy ato miaraka amin'ny, oh, marobe hafa.

3 Ankehitriny dia misy fanontaniana iray hafa eto izay nomena ahy omaly hariva:

> **Rahalahy Branham, ireo virijiny dimy adala an'ny Matio 25 ve dia isaina ho ny Jentilisa sisa nanamborana? Azoko fa ireo virijiny dimy adala dia voavonjy saingy tsy maintsy handalo ny vanim-potoan'ny fahoriambe. Marina ve izany? Raha marina, dia ho inona no fitodian'izy ireo farany? Mety ho ny ondry izay nosarahina tamin'ny osy ao amin'ny Matio 25:33 sy 34 ve izy ireo?**

4 Tena teolojiana tsara arak'izay izaho . . . [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] . . . heveriko ihany koa, fa izy ireo no ilay sisa nanamborana, ilay virijiny matory dia ilay sisa nanamborana voalazan'ny Apokalypsy; avy amin'ny taranaky ny vehivavy izay mitandrina an'ireo didin'Andriamanitra sy manana ny fanambaran'i Jesosy Kristy. Ny vehivavy iray dia haka ny—ny tapa-damba iray ka hametraka azy; eny, ankehitriny, izany no anapahany ny . . . na angalany ny modeliny ary apetrany na aiza na aiza tiany, amin'ny fomba izay hanapahany an'izany. Ary avy eo izay navelany no antsoina hoe ilay sisa nanamborana, saingy izy no misafidy hanapaka azy amin'ny toerana iray amin'ny alàlan'ny fisainany malalaka manokana. Fa izay tavela eo no antsoina hoe ilay sisa nanamborana.

5 Ankehitriny, raha hahamarika ianareo, dia nisy virijiny dimy adala sy dimy hendry; izy rehetra ireo dia virijiny,

vita avy tamin'ilay fitaovana iray ihany. Fa, tamin'ny alàlan'ny fifidianana, tamin'ny alàlan'ny fifidianana no nifidianan'Andriamanitra Ny Ampakariny talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, nametraka ny anaran'izy ireo teo amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry voavono talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao; talohan'ny hany nanombohan'izao tontolo izao, Andriamanitra tao amin'ny Fisainany, satria tsy manam-petra.

6 Ary isika matetika dia mampiasa an'ilay teny, hoe "fifidianana mialoha," saingy azo antoka fa faraingo iray izany ao amin'ity taom-piangonana izay iainantsika ity. Zavatra iray lehibe nampiasaina tamin'ireo andron'ny maritiora tokoa izany, satria nino an'izany tokoa izy ireo. Saingy lasa lavitra niala amin'Izany ilay izy ankehitriny, nankany amin'ireo hevitra araka ny lalàna, ny fampianarana lalàna ao amin'ny fiangonana izay tonga . . . Izay zavatra tsara iray, satria ny rehetra tamin'izany dia lasa Kalvinista tany Angletera hany ka tsy nanana fifohazana intsony mihitsy aza izy ireo, ary tonga i John Wesley nitory ny foto-pampianarana Arameniana izay nampitovy an'izany. Hampitovy an'izany foana Andriamanitra.

7 Koa noho izany ilay virijiny adala dia ilay anankiray izay tsy nanana solika tao amin'ny fanaovan-jirony, izay inoako fa natsipy tao amin'ny aizina tany ivelany izay hisy fitomaniana, fidradradradradrana, ary fikitroha-nify. Ary raha hampitaha an'izany ianareo, na ireo naotinareo eo ambany, dia hitondra azy avy hatrany hankao amin'ilay fahoriambe izany. Ary heveriko fa izy ireo no ireo izay mijanona any aoriana ary mandalo an'ilay fahoriambe. Ary tena lesona iray eo, raha nanana fotoana nidirana tamin'izany isika. Raha ianareo . . .

8 Ankehitriny, tsarovy, efa nilaza aho tany amin'ny voalohany, eo amin'izay andrenesanareo an'ireo horonam-peo hoe, "Ireo zavatra ireo dia araka ny fomba izay inoako azy ireo fotsiny ho marina." Hitanareo? Ankehitriny, raha diso izy ireo, izaho dia—tsy fantatro hoe diso izy ireo. Izaho . . . Ary izay inoako ihany no azoko lazaina. Tsy manao fanahy iniana handratra ny fihetseham-pon'ny olona iray aho. Tsy maintsy manaisotra azy ireny fotsiny isika rehefa tonga, ary avy eo dia maka an'ilay zavatra izay efa voalaza, ka mitady azy, ary hahita raha izany marina tokoa ireo Soratra na tsia. Izany no fomba tsara indrindra hanaovana azy. Noho izany . . . Satria ao amin'ny andro iray tahaka ny iainantsika ankehitriny, ao amin'ny firenena iray izay efa nitsimponana hatrany sy hatrany ary hatrany tamin'ny alàlan'ireo karazan-javatra rehetra, eny, dia sarotra ny hanao ny olona hahazo azy marina fotsiny tokoa, toy ny hoe ao amin'ny faritra virijiny iray ilay izy. Raha miteny amin'izy ireo ianareo, dia mino an'izany izy ireo, tahaka an'izany no isehoany.

9 Fa, ankehitriny, ho tonga ny anankiray miaraka amin'*ity* hevitra ity, ary ho tonga ny anankiray miaraka amin'*ity* hevitra ity, dia manana fiangonana ara-anaram-piangonana eo amin'ny sivinjato mahery samihafa eo isika, ary ny tsirairay avy dia mifanohitra (ny fampianarany) amin'ilay hafa; ary tsy maintsy misy olona iray diso, ary olona iray marina. Noho izany ny porofo tokan'izany ankehitriny dia, dia ny mitondra an'izany miverina amin'ny Baiboly; hitanareo, mamela ny Baiboly. Ankehitriny, matetika, dia mametraka ny fandikany manokana ny olona. Fa isika kosa dia miezaka ny tena tsara indrindra izay vitantsika, tsy mametraka fandikan'olombelona eo amin'izany mihitsy. Vakio tahaka ny maha-izy Azy fotsiny Izy, ka manaova hoe, "Tahaka an'izany Izy."

10 Ary avy eo dia nahamarika foana aho, raha haka an'izay Nolazainy fotsiny ianareo, dia hanao ny zavatra rehetra hitovy marina tokoa ao amin'ny Soratra mihitsy izany. Izany dia saiky mitovy amin'ny fametrahana piozila mifamadibadika miaraka, tsy maintsy mijery an'ilay modely ianareo alohan'ny hahafahanareo manambatra tsara an'ilay piozila. Raha tsy izany ianareo, dia nilaza foana aho hoe, "Ianareo dia hanana ny . . . Ao amin'ny sarisarinareo, dia hanana ombivavy iray miraoka ahitra eo an-tampon'ny hazo iray ianareo." Noho izany ilay izy—ilay izy dia tsy mety ho marina.

11 Ary raha avelantsika fotsiny ny Fanahy Masina . . . Iza no nanoratra ny Baiboly? Ny Fanahy Masina no nanetsika ny olona ka nanoratra ny Baiboly. Noho izany raha tsy misy ny Fanahy Masina, tsy mampaninona na nampianarina tsara toy ny ahoana aza ianareo, dia tsy ho azonareo mihitsy Izy. Satria na dia Jesosy aza dia nisaotra an'Andriamanitra fa Nafeniny tamin'ny mason'ny hendry sy ny manan-tsaina Izany, fa nasehony kosa tamin'ireo zaza izay te-hianatra Izany. Ary ny tsirairay avy tamin'ireo mpianatra dia olona saiky tsy mahay sy tsy nampianarina afa-tsy anankiray, ary izany dia i Paoly. Ary nilaza i Paoly fa tsy maintsy nanadino an'izay rehetra hany fantany izy mba hahitana an'i Kristy. Noho izany dia niteny tamin'ny fiangonan'i Korinto izy, fa izy "dia tsy tonga niaraka tamin'ny fahendren'olona sy fitenenana malaza," satria tamin'izany ny—ny finoan'izy ireo dia tao amin'ny fahendren'olona, saingy tonga teo amin'izy ireo tamin'ny hery sy fanehoana ny Fanahy Masina izy, ka ny finoan'izy ireo dia nipetraka teo amin'ireo asan'ny Fanahy Masina araka ny Tenin'Andriamanitra. Ary eo no ezahantsika hanatonana tena akaiky, izao ankehitriny izao, satria alohan'ny hahataperan'ny herinandro, na amin'ny fotoana hahataperan'ny herinandro, dia ho hitanareo izany, hoe izany marina tokoa no nisy, ilay tady kely tonga nitety ny taona rehetra.

12 Misaotra anareo tamin'ny fametrahana an'ilay tabilao avo kely kokoa. Mety tsaratsara kokoa izany.

13 Ankehitriny, oh, isika . . . Maniry aho ny hananantsika an'izany mandritry ny ririnina rehetra fotsiny, noho izany dia afaka haka an'ilay Bokin'ny Apokalypsy manontolo isika ka handeha hitety an'Izany fotsiny. Misy fampianarana tsara tarehy ao anatiny ao. Ary tsaroako, heveriko fa efa roapolo na dimy amby roapolo taona lasa izay, fony mbola vaovao ny fiangonana, dia nanomboka anankiray isika . . . fiandohan'ny lohataona voalohany, ary saiky hatrany amin'ilay lohataona manaraka, namarana ny Bokin'ny Apokalypsy.

14 Ankehitriny, tsaroako ny nandraisana ny Bokin'i Joba. Oh, Rahalahy Wright! Nijanona tena ela teo amin'izany aho hany ka nanoratra sy nanontany ahy ny vehivavy iray, hoy izy hoe, "Ranadahy Branham, tsy hanala an'i Joba avy eo amin'io antontan-davenona io mihitsy ve ianao?" Eny, niezaka nanao fanamarihana iray aho, satria teo no voasakana ny zavatra rehetra, teo amin'io toerana io; hatrany amin'ny toerana izay nahatongavan'ny Fanahin'ny Tompo teo aminy, tamin'izay fotoana izay rehefa nanomboka nitselatra ny tselatra ka nierona ny kotrorokorana, dia tonga teo amin'ilay mpaminany ny Fanahy ka nahita ny fihavian'ny Tompo izy. Ary izany no tiako nokendrena, izany no antony nihazonako azy teo ambonin'ny antontan-davenona nandritry ny fotoana ela, mba—mba ahafahantsika manao an'ilay foto-kevitra. Ary fantatro fa mety mandreraka kely ilay izy, ny sasany. Izaho dia lasa mikorontan-tsaina, ihany koa, rehefa mandre olona iray milalao mihodinkodina eo amin'ny zavatra iray, toy ny hoe handroso izy ka hahatratra an'ilay izy. Saingy Andriamanitra angamba no mitarika an'io olona io ho an'ny tanjona iray ho an'izany.

15 Miverina amin'io sisa nanamborana io ankehitriny, alohan'ny hialantsika amin'ilay fanontaniana. Manantena aho fa ataoko mazava ilay izy. Io . . . Mino marina tokoa aho fa ilay sisa nanamborana dia voafidin'Andriamanitra. Izaho—mino an'izany aho, fa Andriamanitra dia nifidy an'ilay sisa nanamborana talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao; ary nifidy tamin'ny alàlan'Ny "fahalalany mialoha." Tsy ilay teny . . . Diniho ankehitriny ilay *mifidy mialoha,* hitanareo, teny kely mahalana eo anivon'ny olona izany. Hitanareo? Fa Andriamanitra, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, tao amin'ny Fisainany tsy manam-petra, dia nifidy an'ilay Fiangonana, nifidy an'i Jesosy, nifidy an'ilay Fiangonana, ary afaka nilaza mialoha tany am-piandohana an'izay hisy any amin'ny farany. Izy . . . Raha tsy manam-petra Izy, dia tsy misy na inona na inona izay tsy Fantany. Fantany ny parasy tsirairay hany hisy eto an-tany, ary impiry izy no hanapoapoaka ny masony. Ankehitriny, toy izany fotsiny no . . . ary tai-maso firy no hataony, ary firy amin'izy ireo no hataony miaraka. Izany no tsy manam-petra, izany no tsy misy fetra; ianareo—ianareo . . . tsy misy fomba hanazavana Azy fotsiny. Ary Andriamanitra, izany Izy, Andriamanitra iray tsy manam-petra.

16 Noho izany, raha mahamarika ianareo, nilaza ny Baiboly fa amin'ireo andro farany ilay antikristy izay ho tonga eto ambonin'ny tany. . .

17 Henoy tsara ankehitriny! Izany ilay kilema tokana. . . Ataoko fa afaka mahita an-tapitrisany ao amin'ny ahy izy. Fa mikasika ny Rahalahintsika sarobidy Billy Graham, indray andro, ilay toriteny malaza izay notoriany tamin'ny Alahady lasa, ary tena nieritreritra tokoa aho fa hafatra iray araka ny fotoana ilay izy. Ary. . . saingy nilaza izy fa "Satana aza dia mamitaka an'ilay Voafidy mihitsy."

18 Tsia, hoy ny Baiboly hoe, "Hamitaka ny Voafidy izy *raha* azo natao." Saingy tsy azo atao ilay izy, satria Andriamanitra no efa nifidy azy ireo talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Hitanareo? Ny Zanak'ondry. . . Jesosy Kristy no Zanak'ondry voavono hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Rehefa mametraka ao an-tSainy aza Andriamanitra, rehefa miteny an'io Teny io Izy, dia tsy afaka miova mihitsy Izany, tsy afaka ovaina Izany. Hitanareo, satria Izy—Izy dia—Izy dia tsy manam-petra, ary Ireo Teniny dia hiseho.

19 Eritrereto fotsiny, ilay tena. . . ny tany izay ipetrahantsika izao hariva izao dia ny Tenin'Andriamanitra tonga voaseho. Izao tontolo izao dia voarafitr'ireo zavatra miaraka izay tsy miseho akory aza. Hoy fotsiny Izy hoe, "Aoka hisy," dia nisy izany. Mora toy ny ahoana arak'izany no hanasitranan'Andriamanitra ny vatana marary iray, raha afaka manorina famoronana iray amin'ny alàlan'ny fitenenana an'izany fotsiny Izy. Hitanareo, Ny Teniny. Raha afaka manana finoana fotsiny mantsy isika hahitana hoe inona Ny Teniny! Tena voafatotra amin'ny tany loatra isika ary tena misavoritaka loatra ao an-tsaintsika ka isika. . . Oh, tsy fantatro. Manana fianarana maro loatra isika, tsindrona iray avy amin'ity anankiray ity, ary tsindrona iray avy amin'itsy anankiray itsy, ary—ary mitondra antsika eo amin'ny toerana iray izay nihodinany tanteraka izany. Fa raha mba afaka hanaisotra an'ilay zavatra manontolo ianareo, hiverina mba hahafantatra fa Andriamanitra Izy, ary Ireo Teniny dia tsy mety diso intsony tahaka Azy tsy mety diso. Ary raha diso ity Teny ity, amin'izay fotoana izay dia diso Andriamanitra; ary raha diso Andriamanitra eo. . . Tsy Andriamanitra Izy. Hitanareo? Noho izany. . . Ary tsarovy, tsy afaka milaza zavatra iray Izy *eto* ary zavatra hafa iray *eto;* tsy maintsy mijanona amin'ny Fanapahankeviny voalohany Izy mba ho Andriamanitra. Noho izany, isika fotsiny no ha-. . .

20 Ary mangataka zavatra anankiray amintsika fotsiny Izy, ny hino fa izay Nolazainy dia ny Fahamarinana, ary Izy no hanao an'izany hiseho. Oh, tsara tarehy toy ny ahoana! Raha nanantena zavatra tonga ho azy hitranga ianareo; matetika dia mila finoana kely bitika fotsiny izany. Tsy hanao fahagagana iray izany, fa raha hifikitra amin'izany ianareo, dia izany no hamoaka anareo;

mijanòna fotsiny amin'izany. Tahaka ny Nolazainy hoe, "Ny voan'ny voatsinampy iray, ilay kely indrindra eo anivon'ireo voa rehetra." Fa efa mba voamarikareo ve, fa tsy hifangaro amin'ny inona na inona ny voatsinampy. Tsy afaka mampifanapaka ny voatsinampy amin'ny zavatra rehetra ianareo, tsy hifanapaka izy. Ary raha manana finoana ianareo, finoana kely bitika fotsiny izay tsy hifanapaka amin'ny tsi-finoana na rafi-piangonana iray na dogma, dia mijanòna tsara fotsiny miaraka amin'Andriamanitra, mijanòna tsara amin'Izany fotsiny, fa Izany no hitondra anareo avy hatrany hitety an'ilay zavona, hamoaka anareo avy hatrany. Hia! Mijanòna fotsiny miaraka amin'izany finoana izany.

21 Ankehitriny, ny fiandohana, rehefa Andriamanitra . . . Hoy ny Baiboly, ao amin'ny Apokalypsy, hoe "Ilay antikristy, amin'ny andro farany . . . " Ankehitriny dia jereo ireto fiangonana rehetra mikambana miaraka ireto. "Ilay antikristy, amin'ny andro farany, dia hamitaka ny rehetra izay eto ambonin'ny tany dia ireo tsy manana ny anarany voasoratra ao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Oviana no napetraka teo amin'ny Bokin'ny Fiainana ny anaranareo? Talohan'ny hany nananantsika tontolo iray, dia efa voafidy handray ny Fanahy Masina ao amin'ity taona ity ianareo.

22 Mikambana amin'i Eddie Perronet aho:

> Nampifikitra ny fanahiko teo amin'ny seranan'ny fialan-tsasatra aho,
> Mba tsy hisosa eo amin'ireo ranomasina masiaka mampisalasala intsony;
> Mety mitroatra eo amin'ilay tafio-drivotra masiaka, lalina ny rivo-doza,
> Fa voaaro mandrakizay ao amin'i Jesosy isika.

23 Tsy misy na inona na inona afaka manasaraka antsika (Andriamanitra tsy afaka . . . tsy miverina amin'Ny Teniny. Ary raha tsy manam-petra Izy, ka manome anareo ny Fanahy Masina *eto*, eo am-pahafantarana fa hamotsotra anareo Izy *eto*, dia karazana fandraharahana inona no Ataony?), raha tsy voafitaka ianareo ao amin'ny fahatsapanareo, raha manana ny Fanahy Masina ianareo. Fa diniho izay nolazain'ny Baiboly, Efesiana 4:30, "Aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra, izay nanisiana tombokase anareo hatramin'ny . . . " Ilay fifohazana manaraka ve? Maneno tsara ve izany? "Voaisy tombokase ianareo hatramin'ny andro fanavotana anareo!" Mandra-pahoviana? Hatramin'ny fanavotana anareo.

24 Alaivo ny vagao iray, fatraro entana izy eo amin'ny làlamby, ary rehefa voafatratra tanteraka izy . . . Ankehitriny, tsy mbola afaka manidy an'io vagao io izy ireo, tsy maintsy mandalo ilay mpanara-maso. Ary manara-maso izy, ka mijery raha misy zavatra banga izay hihozongozona. Ilay fitoeran'entana mety . . .

Mety voafatratra feno ilay vagao, saingy raha manana toerana banga izy ao anatiny, dia tsy maintsy mamerina mameno azy indray ianareo. Ary izany ilay olana, maro amintsika no tsy manana ny Fanahy Masina; rehefa mandalo ilay mpanara-maso, dia mahita toerana banga betsaka Izy, hitanareo, noho izany dia tsy mbola hanisy tombokase an'izany Izy.

25 Nanatona ahy ny teolojiana malaza indray andro, na tsy indray andro, fa telo na efa-taona lasa izay, ka hoy izy hoe, "Te-hanontany zavatra iray aminao aho." Hoy izy, "Nino an'Andriamanitra i Abrahama, ary nisaina ho fahamarinany izany."

Hoy aho hoe, "Marina izany, marina."

Hoy izy, "Inona indray no azon'ny olona hatao afa-tsy ny mino?"

Hoy aho hoe, "Izay ihany no azony natao."

26 Hoy izy hoe, "Noho izany dia aiza no andehananao miaraka amin'io karazana Fanahy Masina io any ivelan'izany?" Ankehitriny, fantatrareo fa Batista iray izy. Dia hoy izy hoe—hoy izy hoe, "Aiza no andehananao miaraka amin'io Fanahy Masina io?" Hoy izy, "Raha mino ilay olona! Amin'ilay minitra izay inoanao, dia efa nandray ny Fanahy Masina ianao."

Hoy aho hoe, "Tsia, tsia. Ankehitriny, ianao—manao fifanoherana iray ao amin'ny Soratra ianao, tsy manohitra ny Tenany ny Soratra. Hitanao? Nanontany azy ireo i Paoly hoe, 'Efa noraisinareo ve ny Fanahy Masina *fony* ianareo vao nino?'"

Dia hoy izy hoe, "Eny . . . "

27 Hoy aho hoe, "Marina fa Abrahama ilay rain'ny finoana dia nanome . . . nahazo ny teny fikasan'Andriamanitra izy ary nino an'Andriamanitra, ka nisaina ho fahamarinany izany, saingy Nomeny azy ny tombokasen'ny famoràna ho famantarana iray fa efa nandray ny finoany Izy."

28 Ankehitriny, raha mbola tsy nanisy tombokase anareo tamin'ny Fanahy Masina mihitsy Izy, dia mbola tsy nandray ny finoanareo Azy mihitsy Izy, manana toerana sasantsasany banga ianareo. Hitanareo? Mety mino ianareo, hia, saingy misy toerana banga betsaka ao. Fa rehefa mameno tsara an'ireo toerana banga rehetra ianareo, amin'izay fotoana izay vao manisy tombokase anareo amin'ny Fanahy Masina Izy hatramin'ny andro fanavotana anareo. Izany no fanamafisan'Andriamanitra fa nandray ny finoana izay niaikenareo fa tao Aminy Izy.

29 Niaiky ny finoana i Abrahama, ka hoy Andriamanitra hoe, "Hanome anao famantarana iray Aho ankehitriny hoe ianao . . . hoe efa nandray anao Aho." Dia nanome azy famantaran'ny famoràna Izy.

30 Ankehitriny, rehefa mandray an'i Kristy ho Mpamonjy manokana ianareo ka mino Azy ary mangataka Azy mba

hanadio ny fiainanareo, ary avy eo rehefa miverina Izy miaraka amin'ny Fanahy Masina ka manome anareo an'ilay famantaran'ny Fanahy Masina, amin'izay fotoana izay dia voaisy tombokase hatramin'ny fanavotana anareo ianareo.

31 Io vagao eto io, raha banga izy . . . Rehefa avy nofenoina tanteraka miaraka izy ka hakaton'izy ireo io varavarana io ary mametraka tombokase iray eo amin'izany, ary izany dia—izany dia voaisy tombokase hatrany amin'ny fitodiany, dia hanagadra anareo mandritry ny androm-piainanareo ireo orinasan'ny làlamby raha hanimba an'io tombokase io ianareo. Tsy azo simbaina izy ireo. Voaisy tombokase hatrany amin'ny fitodiany izy; tsy misy olona afaka misintona manokatra azy eny an-dàlana ka mijery ny ao anatiny, ary mandinika azy sy mijery azy, ka manipy zavatra vitsy any ivelany, mametraka zavatra vitsivitsy amboniny ao anatiny. Tsia, tsia!

32 *Ity* fiangonana ity dia hilaza, eny, an'io dogma io hoe, "*Ity* tsy tsara, *itsy* tsy tsara." Rehefa manome anareo ny Fanahy Masina Andriamanitra, dia milamina hatreo izany! Fantatrareo izay itsangananareo, fantatrareo izay nitranga, ary voaisy tombokase manerana ny làlana hatramin'ny andro fanavotana anareo ianareo, ny fitodianareo amin'ity fivahinianana eto an-tany ity. Oh, oadray! Tokony hanao ny olona rehetra hanana finoana sy hino an'Andriamanitra fotsiny izany, hisondrotra amin'ny hery ao amin'ny Fanahy Masina fotsiny.

33 Ankehitriny, tsy nanana ny Fanahy Masina ireto virijiny ireto, (Tsaroanareo ve?) ny zavatra tokana tsy ampy tamin'izy ireo dia ny diloilo tao anatin'ny fanilony. Marina ve izany? Nilaza ny Baiboly fa ny *diloilo* no mari-pamantaran'ny "Fanahy Masina," izany no antony anosorantsika diloilo ny marary, sy ny sisa, satria mari-pamantarana iray an'ny Fanahy Masina izany. Ankehitriny, ary tamin'izay fotoana izay raha—raha tsy tonga teo amin'izy ireo ny Fanahy Masina, dia tsy nanana Azy izy ireo. Ary avy eo rehefa tonga Izy, dia hoy izy ireo hoe . . . Ankehitriny, ho an'ireo virijiny izay nanana ny diloilo, nanao hoe . . .

34 Hitanareo, tao amin'ilay taom-piangonana izy ireo; nisy sasany tamin'izy ireo tao izay olona tsara saingy tsy tao amin'ny Hazavan'ny kintana izy ireo, ny tiako lazaina, dia niaraka tamin'ny lahan-jiro nilòna tao anatin'ny diloilo. Hitanareo, ary tany ivelany izany. Maty izany, nanasaraka ny tenany izy ireo. Hoy i Paoly, tamin'ny androny hoe, "Nanasaraka ny tenany tamintsika izy ireo, toa tsy nanana an'ilay finoana." Hitanareo, ary nanalavitra azy ireo, "Nivoaka avy teo amintsika izy ireny satria tsy isantsika." Ankehitriny, nanomboka tao amin'ilay taona voalohany an'i Efesosy izany ary manohy hatrany amin'ity taona androany ity. Mitovy, ny tsirairay avy amin'ireo taona, izay nitranga tamin'izy ireo dia nivalona nankao amin'ireto taona eto ireto. Hiditra lalina ao amin'izany isika afaka kelikely.

35 Ankehitriny, mariho fa io virijiny io, na izany aza, dia niditra tao amin'izay nisy fitomaniana, fidradradradrana, ary fikitrohanify izy.

36 Mamelà ahy hilaza an'izao, ry sakaizako sarobidy malala; satria mazàna ao amin'ny fiangonana eto, rehefa tonga eto aho, dia tonga fotsiny eto ka manao asam-panasitranana sy mivavaka ho an'ny marary, ary any ivelany manerana ny firenena any ho any. Fa izao no fotoana, efa niteny taminareo ela be aho, apetraho ao am-paosinareo ny fieritreretanareo. Ankehitriny dia tiantsika—tiantsika ny ho tonga ka hahitsy fo sy marina amin'ny hafa, satria eo amin'ny andro farany isika. Hia!

37 Ankehitriny, eo no tsy nahombiazanareo Nazareana sarobidy sy Mpivahinin'ny Fahamasinana eo ambanin'ny fanamasinana. Hitanareo? Ankehitriny, efa fantatrareo ve fa niaina hatreo amin'io toerana iray io ihany mihitsy i Jodasy Iskariota? Nino ny Tompo Jesosy ho Mpamonjy i Jodasy, nanaiky Azy ho Mpamonjy. Ary nohamasinina koa izy. Nohamasinina izy, ao amin'i Jaona 17:17, rehefa hoy Jesosy hoe, "Ray, manamasìna azy ireo amin'ny Fahamarinana, Ny Teninao no Fahamarinana." Ary Izy no Teny. Eny àry!

38 Ao amin'ny Matio 10, dia nomena hery hanasitranana ny marary izy ireo, hanangana ny maty, hamoaka devoly. Ary izy ireo dia nandeha tany amin'ny ampahany rehetra an'ny—an'ny firenena ka nandroaka devoly, ary niverina nifaly sy nihiakiaka ary nidera an'Andriamanitra. Dia niteny tamin'izy ireo Jesosy hoe, "Aza mifaly satria manaiky anareo ny devoly, fa mifalia satria voasoratra eo amin'ny Bokin'ny Fiainana ny anaranareo." Marina ve izany? Ary niaraka tamin'izy ireo i Jodasy, niaraka tamin'izy ireo i Jodasy, saingy herintaona sy enim-bolana talohan'ny hany nanohomboana an'i Jesosy izany.

39 Ankehitriny, avy eo rehefa tonga teo amin'ny Pentekosta ilay izy, mba handraisan'i Jodasy ny Fanahy Masina sy ny sisa, dia nasehony ny lokony. Izy—nandà an'i Jesosy izy, ary lasa mpamadika Azy. Ary teo marina tokoa no nahatongavan'io fanahy io; niakatra tamin'ny alàlan'i Luther, Wesley, nitondra an'io fiangonana io nankao amin'ny fanamasinana niaraka tamin'ny fiainana virijiny (olona mangarangarana, madio, masina, tsara, tsara indrindra izay hany nihaonananareo), saingy ilay izy rehefa tonga eo. . . rehefa tonga eo amin'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo sy ny fandraisana ny Fanahy Masina, ny Nazareana, Mpivahinin'ny Fahamasinana, Metodista Afaka, amin'izay fotoana izay dia manao hoe, "Ny devoly izany." Ary eo no ho eo mihitsy no itenenanareo ratsy ny Fanahy Masina ka manala ny tenanareo mandrakizay; "Fa na iza na iza miteny teny iray manohitra ny Zanak'olona dia havela, fa na iza na iza miteny manohitra ny Fanahy Masina dia tsy havela mihitsy."

40 Tsarovy, niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ireo mpianatra rehetra. Maty teo amin'ny hazo fijaliana Jesosy Kristy, niteny

tamin'ny fiteny tsy fantatra. Ah-ham. Noho izany raha tsy afaka hifanaraka amin'izy ireo ianareo eto, ho mpisakaiza amin'izy ireo eto, dia ahoana ny any? Ho azy ireo. . . Raha devoly izy ireo, dia toy izany koa izy ireo. Noho izany dia hitanareo ve hoe taiza no nanehoany ny lokony? Indro tonga io virijiny io, madio tahaka ny sisa tamin'izy ireo, fiainana madio. Haka an'ireo fiangonana tamin'ny fanao fahiny Nazareana, Mpivahinin'ny Fahamasinana aho, izay nino marina tokoa ny fanamasinana, tsy afaka mametraka fanondro iray eo amin'ny fiainan'izy ireo ianareo; madio arak'izay maha-izy azy ireo. Zavatra tsara iray ny hiainantsika rehetra tahaka an'izany. Marina izany, tokony hiaina ianareo.

41 Ankehitriny, fantatsika fa manana mpaka tahaka betsaka isika ao amin'ireo Pentekotista. Marina izany. Fa raha mbola mahita dolara iray sandoka foana ianareo, dia fantatrareo fa vita avy tamin'ny anankiray tsara izany, anankiray tena izy. Marina izany. Ary misy—misy ny Fanahy Masina iray tena izy, Anankiray tena izy izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ary maneho an'ireo famantarana sy fahagagana, ary efa hatrany amin'ny Pentekosta izany. Noho izany dia tsy maintsy manana an'ireo mpaka tahaka isika. Tsy maintsy manana an'ilay vehivavy ratsy izay tsy tsara isika, mba hanao vehivavy iray tena izy hamiratra. Tsy maintsy manana andro alina isika, aizina mainty, mba hanehoana fa be voninahitra ilay hazavan'ny masoandro. Marina izany. Ary tsy maintsy marary ianareo, mba hankasitraka ny fahasalamana tsara. Ary lalàna iray an'ny momba sy manohitra izany; ary izany dia—ary efa izany foana ilay izy, ary ho izany foana, raha mbola misy foana ny fotoana.

Ankehitriny, noho izany, dia teo no nitondran'ny fiangonana ny tenany.

42 Ankehitriny, tsy nilaza ve Jesosy fa "Amin'ny andro farany," ao amin'ny Matio 24, "dia tena hifanakaiky hitovy ireo fanahy roa hany ka hamitaka an'ilay tena Voafidy izy raha azo natao"? Ah-ham. Fa izay voafidy hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao no manana Fiainana Mandrakizay. Fiainana Mandrakizay, tsy afaka miala amin'Izany ianareo. Izany dia Mandrakizay tahaka an'Andriamanitra, tsy afaka mitsahatra hisy intsony ianareo tahaka an'Andriamanitra tsy afaka mitsahatra hisy. Marina izany. Satria ampahan'Andriamanitra ianareo, zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra ianareo, efa novaina ny fiainanareo ary ampahan'Andriamanitra ianareo, manana Fiainana Mandrakizay ianareo. Oh, tiako Izy. Ary ianareo?

43 Ankehitriny, nanome ahy naoty iray ny olona anankiray eto, fanontaniana kely iray fotsiny. Tsy haka fotoana be loatra isika ankehitriny hamaliana an'izany. Ary tsarovy, isaky ny mametraka fanontaniana kely iray ianareo, dia hiezaka

ny tsarako indrindra aho hamaly azy raha vitako. Saingy fanontaniana lehibe iray ity:

> **Misy olona iray te-hahafantatra raha tsy mety ho an'ny vehivavy ny mijoro vavolombelona, na mihira, na manome hafatra amin'ny fiteny tsy fantatra, mandika an'ireo hafatra, na faminaniana iray, ao am-piangonana.**

44 Tsia, tsy hoe tsy mety izany, izany dia . . . raha mbola tonga ao amin'ny toerana ao amin'ny lamina foana izany. Hitanareo? Ao amin'ny lamina ny fiangonana, ary rehefa fotsiny ihany . . . Ny tena fomba, marina hanaovana azy dia ho an'ireo izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra sy ny sisa, omena alohan'ny hafatra avy eny amin'ny polipitra ireo hafatr'izy ireo, fa tsy mandritr'io fotoana io mihitsy; satria mihetsika avy eo amin'ny toerana anankiray fotsiny ny Fanahy Masina amin'ny fotoana iray, araka ny nitenenan'i Paoly an'izany. Fa nomena fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana ny vehivavy, ary nomena fanomezam-pahasoavan'ny fiteny tsy fantatra sy fandikana, ary ny zavatra rehetra afa-tsy ny ho mpitory teny. Tsy tokony ho mpitory teny izy ireo. Noraràna tsy hitory teny izy ireo ao am-piangonana, marina izany, maka an'ilay toerana, na ho mpampianatra na inona na inona ao amin'ny fiangonana. Fa raha ny amin'ireo fanomezam-pahasoavana, dia manana an'ireo rehetra ireo ny vehivavy, afaka miandraikitra anankiray na ny iray amin'ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy sivy ireo araka ny Korintiana Voalohany 12, ary tsy eo ambanin'ny fanandevozana hoe tsy tokony hivoaka eo amin'ny toerany ny hafany. Hitanareo, miandry ny fotoany ny hafatra tsirairay.

45 Raha misy anankiray izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ka tsy misy mpandika, dia aoka izy hihazona ny filaminany mandra-pisian'ny mpandika iray. Hitanareo? Ary ireo hafatra ireo mazàna dia omena mialoha indrindra ny fivoriana. Avy eo ilay mpaminany . . . na ilay mpitory teny, izay mpaminanin'ny Testamenta Vaovao iray, mpitory teny iray, rehefa mandroso izy, dia manomboka mihetsika amin'ny alàlany Andriamanitra, hitanareo. Avy eo rehefa mahavita izy, amin'izay fotoana izay dia manomboka ireo hafatra, iray hafa; avy eo, mialoha indrindra. Ao amin'ny lamina izany isan'andro, isan'andro. Fa manana zò ny vehivavy iray.

46 Ny manaraka, ho tiako fotsiny, ny haka fotoana kely eo ampamaliana an'ity, dia hamaky ny lohateny aho:

> FINOANA TELO NO MANOMBOKA MANDIKA NY BAIBOLY ANANKIRAY. Washington, Oktobra ny faha-15. Katolika, Protestanta ary Jiosy mahay niasa ho ekipa iray no nanomboka fandikana iray niraisana an'ny Soratra izay mety hanaporofo ho ny fitsipiky ny Baiboly nandrasana ela.

47 Misy zavatra sasantsasany amboniny ato izay tiako hianarana kely alohan'ny hanaovako ny filazana an'izany.

Amin'ny teny hafa, dia hitanareo marina tokoa izay resahantsika, izay lazain'ny Soratra marina tokoa fa hiseho amin'ireto andro ireto, hoe ireo zavatra ireo dia hikambana miaraka ary hanao sary iray ho an'ny bibidia. Marina tokoa. Efa nandraman'izy ireo izany, ary miasa eo amin'izany, ary ankehitriny dia manana an'ilay fanararaotra tsara indrindra izay hany nananany izy ireo mba hanolorana an'izany, satria eo an-tànan'izy ireo mihitsy izany. Ary izany ilay tena antony itondrako an'ireto hafatra ara-paminaniana ireto, satria heveriko fa araka ny fotoana izany.

48 Ary raha misy olona izay afaka miverina isan-kariva, dia hiezaka ny hanomboka aloha isika ka hivoaka aloha. Ary raha tsy vitako ilay lohahevitra, amin'izay fotoana izay dia hilaza aho ny ampitso maraina. Raha tsy vitantsika ny votoatin'ny 19, ny andininy faha-9 hatrany amin'ny faha-20 androany hariva, dia hanomboka amin'ny folo ora isika amin'ny maraina. Hampahafantarinay ianareo amin'ny fiafaran'ny fotoana, toy ny ahoana no handrosoantsika.

49 Ary avy eo rahampitso hariva eo amin'ny fiangonan'i Efesosy, manomboka, mandeha mandritry ny hariva fito: Efesosy, ny Taom-Piangonana Efesosy; sy ny Smyrna; sy Pergamosy; sy Tyatira; sy Sardisy; sy Filadelfia; ary Laodikia, ny Alahady manaraka.

50 Ary eo am-pahafantarana an'ireo firavaka lehibe ireo mipetraka eo amin'ny làlana, dia tena sarotra ny hanala ny tànako eo amin'izy ireo alohan'ny fotoana. Ny mahita azy ireo eo fotsiny, sy mahatsapa ny Fanahy mamahana eo anivon'ny olona, manao ahy te-hitsambikina haingana mihitsy izany ka—ka milaza zavatra mikasika azy ireo; saingy tsy maintsy mihazona fotsiny ary mametraka azy ireo ao amin'ny taonany sy amin'ny fotoany. Noho izany raha tsy afaka ho tonga ianareo amin'ny hariva, dia manàna antoka hahazo an'ilay horonam-peo na fomba iray izay ahafahanareo hahazo an'Izany, satria tiako handeha hatraiza hatraiza ilay izy. Ary nataoko izao satria mahatsapa ho voatariky ny Fanahy Masina hanao an'izany aho; izany no antony tokana anaovako azy. Ary izaho, raha tsy nihevitra aho fa hanampy ny fiangonana ilay izy . . . Ary ao amin'ity andro ity, tsarovy, ho tonga tsy ho ela ilay ora izay tsy ahafahantsika hanana an'ireo fivoriana ireo, ka tsy maintsy ataonareo izany ankehitriny raha mbola manana fotoana hanaovana azy isika. Hitanareo, tsy fantatsika ny fotoana hanajanonan'izy ireo an'ity, ankehitriny.

51 Ary noho izany dia hisy ny fanakambanana iray eo anivon'ireo fiangonana ary hanakambana ny tenany miaraka izy ireo, manamboatra ny lohan'ilay fiombonamben'ny fiangonana, satria efa manana tranobe goavana iray an'ny U.N. ianareo ka misy ny anaram-piangonana tsirairay ao anatiny. Ary na tsy maintsy an'ny iray amin'ireo anaram-piangonana ireo ianareo

na ho voaroaka. Ary izao no fotoana izay tokony hanehoantsika ny lokontsika sy hanana antoka fa fantatsika, tsy vinavinankevitra iray, fa mahafantatra ny HOY NY TOMPO HOE izay ijoroanareo. Efa tao amin'ny havitsiana foana ilay Fiangonana kely, izany dia vondrona kely bitika izay . . . tady kely iray, tahaka ny—ny kofehy mena iray izay mivoaka manerana ny Baiboly, saingy izany foana ilay Fiangonana. Ary tiantsika ny hahatsiaro an'izany.

52 Ankehitriny dia fanazavana kely iray fotsiny alohan'ny hamakiantsika indray. Aninkeo maraina dia naka ny Maha-Andriamanitra Faratampony an'ny Fanambaran'i Jesosy Kristy isika, izay Andriamanitra no nanambara Azy tamintsika aninkeo maraina ho ilay Maha-Andriamanitra Faratampony: ilay IZAHO IZAY IZY Lehibe (tsy IZAHO izay *nisy* na *hisy*), IZAHO IZAY IZY, isan'andro. Ary mahamarika isika ao amin'ity toko faha-1-n'ny Apokalypsy ity, an'ny Apokalypsy . . . Fanambarana ny inona ilay izy? Jesosy Kristy. Inona ilay zavatra voalohany izay Anambarany ny Tenany eto? Ilay Andriamanitry ny Lanitra. Tsy andriamanitra telo, fa Andriamanitra tokana. Andriamanitra tokana, ary tahaka an'izany no Anambarany ny Tenany ao amin'ny voalohan'ny Apokalypsy. Ary miresaka an'izany in-efatra ao amin'ny toko faha-1 mba tsy hisian'ny fahadisoana iray. Ny zavatra voalohany tokony ho fantatrareo, hoe: Izy dia tsy mpaminany iray, Izy dia tsy a—andriamanitra kely iray, tsy andriamanitra ambanimbany kely Izy, Andriamanitra Izy! Andriamanitra Izy. Ary noho izany dia nivoaka ny Fanambarana, ary mbola manohy an'Izany isika izao hariva izao ary manohy raha mijery ny maha-olona fito sosona Azy an'ny Vatany isika.

53 Ary, oh, enga anie hanampy antsika Andriamanitra raha mampianatra an'ireo Teny ireo isika. Izaho—izaho—efa nianatra an'izany aho araka ny fahitana ara-tantara, saingy miandrasa mandra-pahatongako eto amin'ny polipitra eto ho an'ny tsindrimandry. Satria tsapako fa mipetraka miaraka ao amin'ireo toeran-danitra ao amin'i Kristy Jesosy isika, ary ny Fanahinareo, ny anjaranareo, ilay lela Afo (ny Fanahy Masina) izay eo Aminareo hankeo amin'ny iray hafa, ary ny iray hafa mankeo amin'ny iray hafa, mandrehitra an'ilay Vatan'Andriamanitra lehibe Izany ary manao Azy hiredareda, ary eo ireo fanambarana . . .

54 Ankehitriny, ilay zavatra izay resahantsika, ity fanontaniana napetraka tamiko ity hoe, "Ireo vehivavy ve tokony . . . sy ny sisa?" Izany marina tokoa no nanomboka an'ilay fiangonana ho ao amin'ny fahapotehany tany amin'ny voalohany, nesorin'izy ireo teo amin'ny mpanatrika ny haja rehetra ka napetrany teo amin'ny polipitra izany. Saingy Andriamanitra no ilay Andriamanitry ny mpanatrika. Miasa ao anatin'ny olombelona tsirairay Izy, miaina ao anatin'ny fo tsirairay izay Azony idirana

Izy. Mahita an'ireo olona manana fanomezam-pahasoavana Izy ary miasa amin'ny alàlan'izy ireo. Ankehitriny, raha tsy afaka mahazo azy ireo eo amin'ny zavatra anankiray ny devoly, amin'izay fotoana izay dia tonga izy ka manao làla-malalaka goavana iray an'ny tsinontsinona fotsiny ary mampanalavitra ny olona. Tahaka ny nolazain'i Paoly hoe, "Rehefa tonga miaraka ianareo, raha miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo rehetra, ka miditra ny tsy nianatra, tsy hilaza ve izy hoe, 'Very saina ianareo! Adala!'? Raha miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny olona iray, ary *ity* sy *ity* any ivelan'ny lamina, sy ny sisa, dia tsy hety izany. Fa," hoy izy, "avy eo raha maminany ny anankiray ka manambara ny tsiambaratelon'ny fo, amin'izay fotoana izay dia hilaza izy ireo hoe, 'Momba anareo marina tokoa Andriamanitra.'" Fa raha miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny anankiray amin'ny alàlan'ny fanambarana iray ka manome ny dikan'izany, zavatra iray mampiorina ny fiangonana, amin'izay fotoana izay dia voaorin'izany ilay fiangonana manontolo. Raha misy zavatra iray izay hiteny ka Andriamanitra no miteny amin'ny fiteny izay tsy misy na inona na inona fantatsika ary hanome an'izany ho an'ny anankiray sy handika an'izany amin'ny alàlan'ny anankiray hafa, sy hilaza zavatra anankiray izay mitranga marina tokoa arak'izay voalaza, amin'izay fotoana izay dia manana ny Fanahin'ny Tompo eo anivonareo ianareo. Ary, oh, ndao isika hiezaka mafy ho an'izany, ry sakaiza; ndao isika—ndao isika hihazona an'izany afo izany hirehitra.

55 Ankehitriny, mialoha indrindra ny hanokafantsika ny . . . ity fitsipika lehiben'ny Soratra ity, dia manontany aho raha ho be loatra raha afaka hitsangana fotsiny isika ka hanova ny toerantsika fotsiny mandritry ny minitra vitsy raha mivavaka isika.

56 Ry Andriamanitra Tsitoha izay nitondra ny Tompo Jesosy avy tamin'ny maty indray ka naneho Azy taminay (taorian'ny sivinjato sy arivo taona) ho Andriamanitry ny Lanitra tsy mety diso, misaotra Anao izahay noho ity sy nohon'Ny Fanatrehany miaraka aminay isan'andro ao amin'ny dianay isan'andro. Ary tena faly izahay ny mahafantatra fa ao amin'ity oran'ny fifanjevoana ity izay tsy ahafantaran'izao tontolo izao izay hatao, mangady lavaka ao amin'ny tany izy ireo, ary manisy manda ny tenany amin'ny fangarontsimenitra, saingy, O Andriamanitra, tsy afaka miafina amin'ny fahatezeran'Andriamanitra izy ireo. Anankiray ihany no misy—fanafody anankiray, Tompo, ary tena faly izahay fa nanaiky an'Izany: "Rehefa mahita ny Rà Aho dia handalo anareo Aho." Oh, faly toy ny ahoana izahay ny amin'izany fiarovana ampy tanteraka izany izao hariva izao an'ny Ràn'ny Zanak'ondrin'Andriamanitra, ilay Mpisoronabe, mitsangana ao amin'ny Voninahitra izao hariva izao manao fanelanelanana eo amin'ny fiaikenay. Tena faly izahay manana Azy miaraka aminay izao hariva izao, ilay Mpiteny lehibe, ilay Fanahy Masina

lehibe, ilay mpanome-hosotra lehibe, ilay mpanome-Fiainana lehibe.

57 Ary ankehitriny, Tompo Andriamanitra, raha niantso an'ireto olona ireto hiaraka eto ambanin'ity tafo ity aho izao hariva izao, ary mivory eto izahay ho ilay fiangonana na ampahan'izany, dia tsy mivory amin'ny anaran'ity tabernakla ity izahay na amin'ny anaran'ny isam-batan'olona iray, fa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Aoka ny Fanahy izay nitondra ny Vatany sy ny Fisainany, ka nifehy Azy, ho tonga ato anatinay izao hariva izao ka handika ny Teny ary hitory ny Teny, ka hanome an'Izany ho an'ny fonay noana raha miandry Azy izahay. Fa mangataka an'izany amin'Ny Anarany izahay sy ho an'ny Voninahiny. Amena. (Mahazoa toerana.)

58 Ankehitriny ho anareo izay manana ny Baibolinareo, mamadiha ao amin'ny toko 1 an'ny Apokalypsy ary manomboha amin'ny andininy faha-9; ireo pensily sy taratasinareo, ary hiezaka aho ny hanome anareo an'ireo daty kely sy ny sisa raha mandroso aho.

59 Ankehitriny, ity tokoa dia. . . Aninkeo maraina dia karazana toriteny amboniny, nametraka fototra teo amin'ny Maha-Andriamanitra, an'ny Fanambarana; Andriamanitra voambara ao amin'i Kristy. Firy no mino an'Izany? Voambara tao amin'i Kristy Andriamanitra, Jehovah voambara tao amin'i Kristy. Ankehitriny aiza no tokony hahavoambara an'Andriamanitra? Ao amin'Ny Fiangonany, miaraka amin'ny Olony, ao anatintsika. Ilay Fanahy iray ihany, ireo asa iray ihany, ilay fanehoana iray ihany, ilay fitiavana iray ihany, ilay famelàna iray ihany, ilay fahari-po iray ihany, fahatsarampanahy, faharetana, fiadanana, famindrampo, izay rehetra tao amin'i Kristy dia ao amin'ilay Fiangonana. Tsarovy, hazòny ao an-tsaina izao: ny naha-Andriamanitra rehetra dia Narotsany tao amin'i Kristy (Izy no fahafenoan'ny Maha-Andriamanitra ara-batana), ary izay rehetra naha-Kristy dia Narotsany tao amin'ilay Fiangonana. Andriamanitra eo ambonintsika, Andriamanitra miaraka amintsika, Andriamanitra ao anatintsika. Ilay triniten'Andriamanitra, Andriamanitra voaseho ao amin'ny fanao telo samihafa: Ray, Zanaka, Fanahy Masina.

60 Ny Fanambarana no naneho fa tsy andriamanitra telo Izy, sady tsy voatapaka ao amin'ny tapany telo Izy. Fa Izy no Andriamanitra tokana izay Andriamanitra tamin'ny andron'ny maha-Ray, Izy no Andriamanitra tamin'ny andron'ny maha-Zanaka, Izy no Andriamanitra amin'ny andron'ny fizarampotoan'ny Fanahy Masina, ilay Andriamanitra iray ihany. Tsy telo samihafa, tsy olona telo, tsy maha-olona telo. Olona tokana Izy, maha-olona tokana. Tsy mety ho maha-olona ianareo raha tsy olona iray. Hoy ny olona sasany hoe, "Tsy olona telo Izy, fa maha-olona telo Izy." Tsy afaka mizara an'izany ianareo;

satria raha maha-olona iray Izy, dia olona iray Izy; tsy maintsy ho olona iray mba hanao maha-olona iray. Noho izany dia Olona iray Izy, maha-olona iray; ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay; Alfa, Omega; Izy izay nisy, izay misy, ary ho avy. Oh, Izy dia ny REHETRA fotsiny. Tiako izany.

61 Diniho ny Natiorany, ny Fiainany, ireo Asany. Tokony ho voaseho ato amin'ity tabernakla eto ity izany, tahaka azy tamin'ny Androny fotsiny. (Tsy milaza an'izany ho fanaratsiana; Andriamanitra no mahafantatra an'izany.) Tsy eto ihany, fa manerana an'izao tontolo izao. Faly aho fa izany ilay izy. Noho izany dia fantatsika izay ijoroantsika satria manana an'io Fanahy iray io ihany isika ao anatintsika, mihetsika miaraka amintsika ary maneho fa eto Izy. Ilay izy dia tsy isika, ilay izy dia Izy; tsy afaka manao an'ireo zavatra ireo isika, ilay izy dia Andriamanitra. Ankoatr'izany, ao amin'ny tontolo siantifika, dia namela ny Sariny ho azo Izy. Miaraka amintsika, ao anatintsika, manodidina antsika, eo ambonintsika, amin'ny alàlantsika, miasa ao anaty sy ivelantsika. Oh, mahafinaritra toy ny ahoana!

62 Nihira an'ilay hira kely izy ireo fahiny hoe:

> IZAHO IZAY IZY izay niresaka tamin'i Mosesy, tao amin'ny roimemy nirehitr'afo,
> IZAHO IZAY IZY no Andriamanitr'i Abrahama, ilay Kintan'ny Maraina sy Mamiratra.
> IZAHO IZAY IZY ilay Raozin'i Sarona; oh, avy taiza no lazainareo fa Nihaviako?
> Fantatrareo ve ny Raiko, na afaka miteny Ny Anarany ve ianareo?
>
> Oh, ataonareo ho iza Aho, na avy taiza no lazainareo fa Nihaviako?
> Fantatrareo ve ny Raiko, na afaka miteny Ny Anarany ve ianareo?
> IZAHO NO Alfa, Omega, ny fiandohana hatramin'ny fiafarana,
> IZAHO NO famoronana manontolo, ary Jesosy ilay Anarana.

63 Oh, mahagaga toy ny ahoana, ilay Fanambarana! Ankehitriny, tsarovy, tsy afaka mahazo an'Izany amin'ny alàlan'ireo teolojiana ianareo, tsy tahaka an'izany no Ahatongavany. Ho tonga araka ny fanambarana iray irery ihany Izany. Batisan'ny rano, mampiasa ny Anaran'i Jesosy Kristy, dia afaka omena araka ny fanambarana irery ihany. Jesosy sy Andriamanitra izay ilay Olona iray ihany dia afaka ho tonga fotsiny ihany araka ny fanambarana. Ny Baiboly manontolo dia miorina eo ambonin'ny fanambarana. Ilay Fiangonana manontolo dia miorina eo ambonin'ny fanambarana. Hoy Matio 17 hoe, "Fa hoy Aho hoe, 'Eo ambonin'ity vatolampy ity (ny fanambarana ara-panahy) no Hanorenako ny Fiangonako, ka ny vavahadin'ny helo tsy haharesy Azy.'" Nihaika ny olona rehetra

isika haneho amintsika, na aiza na aiza, tantara na Soratra, izay nisy olona hany natao batisa tamin'ny anaran'ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina" ankoatry ny fiangonana Katolika hatramin'ny andron'i Martin Luther. Avy eo ny fiangonana Protestanta, izany dia . . .

64 Ary ny ratsy rehetra . . . Henoy, raha miditra ao amin'ireo taom-piangonana isika. Ny ratsy rehetra izay tao amin'io fiangonana voalohany io, dia nandadilady nitsofoka tao amin'ilay anankiray manaraka. Nanohy nandeha fotsiny hany ka niafara tao amin'ny apostazy tanteraka ilay izy tamin'ny farany tao amin'ny andro farany. Manohy mandadilady ao amin'ny fiangonana tsirairay fotsiny ny ratsy rehetra, ny isma kely tsirairay izay nanomboka. Tahaka ny ao amin'ny Genesisy, ilay voaloboka, nanomboka nitombo, nitady ny làlany nanerana an'ilay fiangonana izany ary mifarana ao amin'ireo andro farany. Tsy mahagaga raha hoy ny Baiboly hoe, "Sambatra ireo izay afa-miala amin'izany andro izany." Eny, tompoko, izay afa-miala amin'ireo zavatra rehetra ireo.

65 Ankehitriny dia angataho Andriamanitra mba . . . raha mbola miresaka mikasika ny Apokalypsy isika, angataho Izy mba hanome anareo ny fanambarana an'Ity. Satria amin'ny alàlan'ny fanambarana irery ihany no azo fantarina Izany, ary amin'ny alàlan'ny fanambarana irery ihany no ahafahanareo ho voavonjy. Manana fahalalana ny amin'Izany ianareo, ara-tsaina, saingy tsy afaka ny ho voavonjy ianareo raha tsy voambara taminareo Izany. "Tsy misy olona afaka miantso an'i Jesosy ho ilay Kristy, fa amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina irery ihany." Izany no lazain'ny Baiboly. Tsy misy olona afaka milaza fa Jesosy no Kristy raha tsy efa nandray ny Fanahy Masina izy. Mety milaza izy hoe, "Ny pasitera no miteny an'izany, ny Baiboly no miteny an'izany." Fahamarinana ireo. "Ny fiangonana no miteny an'izany." Marina izany. Fa tsy mahafantatra samirery ianareo raha tsy ny Fanahy Masina no nanambara an'Izany *taminareo,* ary Izy no lasa ao *anatinareo*. "Tsy misy olona afaka miantso an'i Jesosy ho ilay Kristy, fa amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina irery ihany." Tsy amin'ny alàlan'ny fahalalana, tsy amin'ny alàlan'ny ara-tsaina.

66 Ahoana no hanaovan'izy ireo Baiboly iray izay . . . Miezaka manery Azy, manao Azy hety amin'ny Jiosy, Katolika, sy Protestanta, nefa samihafa tahaka ny andro amin'ny alina izy ireo. Nihevitra aho fa nahafantatra tsaratsara kokoa noho izany ireo Jiosy; ataoko angamba fa izao mihitsy no ora hahatongavan'izany, izay tsy maintsy hidiran'ny rehetra ao amin'io apostazy lehibe io. Noho izany, ary ireo zavatra rehetra dia tsarovy fotsiny, tsy afaka mampijanona an'izany isika, fa ny zavatra tokana azontsika hatao dia ny manipy an'ilay Hazavana any, angamba manolotra ny tenantsika ho maritiora iray ka mandeha, noho izany dia izany no fomba tokana azontsika

anaovana an'izany. Fa maro no tsy maintsy hanao an'izany. Ary noho izany dia tahaka an'izany no nanaovana ny Baiboly sy ireo zavatra izay idirantsika. Raha tsy mitandrina aho, dia hiditra ao amin'izany.

67 Ankehitriny, ny zavatra voalohany eo amin'ny Bokin'ny Apokalypsy, izany dia manomboka amin'ny hoe Izany no Fanambaran'i Jesosy Kristy, iza Izy. Ankehitriny, Jesosy Kristy no Andriamanitra Tsitoha. Fantatsika izany. Firy no mino an'izany? manaova "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena!"—Mpand.] Izy no Andriamanitra Tsitoha, ary manana Anarana anankiray Izy. Io Anarana io no anarana tokana nomena eto ambanin'ny Lanitra izay tsy maintsy hahavonjy anareo, Jesosy Kristy. "Nahoana izy ireo no matahotra an'Izany eo amin'ny dobo?" izany no tsy mety azoko. Ah-hah. Hitanareo? Izany dia satria io fanahy io no nandady niditra tany aoriana tany tao amin'ny Taonan'i Smyrna; ary nitondra ny tenany nanohy niditra hatrany amin'ilay taona maizina lehibe, ka nanao an'izany ho foto-pampianarana iray, ary nivoaka niaraka tamin'izany mihitsy ao amin'ity andro farany ity. Ankehitriny, diniho fotsiny ny tantara sy ny Baiboly raha mandeha isika mandritr'ity herinandro ity, ahoana no—ahoana no anehoany an'ireo zavatra ireo.

68 Ankehitriny ny zavatra manaraka. Nomen'i Kristy an'i Jaona izany, tamin'ny alàlan'ny anjely iray, mba homena an'Ireo (inona?) fiangonany, mba hanambara an'Izany amin'ireo Fiangonany. Ary ireo kintana fito teny an-Tànany dia ireo iraka fito an'ireo fiangonana fito. Ary ny olona tsirairay izay hany hahazo Hafatra iray, no hahazo azy, ilay Hafatra marina iray ihany izay nanomboka tany amin'ny voalohany.

69 Ary betsaka, rehefa miditra ao amin'ireo toerana lalina ireo isika, mba hahita hoe toy ny ahoana no nampidiran'Andriamanitra an'ireo zavatra ireo, mahagaga ilay izy. Hanao anareo hikiakiaka fotsiny izany. Izaho dia, teo am-pamakiana azy, ary avy eo dia nandeha nihodinkodina vetivety ka nitomany, nandeha niverina ary nipetraka indray, avy eo dia nandeha nihodinkodina vetivety. Tena faly fotsiny aho nahafantatra hoe: Ahoana no mba tena namindran'Andriamanitra fo tamintsika mba hamela antsika hahita an'io zavatra io ao amin'ny ora izay iainantsika? Nahoana, izany dia tahaka ny nolazain'i Jesosy hoe, "Nivarotra ny rehetra nananany ny lehilahy iray mba hividy diamondra anankiray." Mivarotra an'izao tontolo izao ianareo, ireo zavatr'izao tontolo izao, ary ny zavatra rehetra izay an'ny zavatra hafa rehetra, mba hahazo an'Ity. Marina izany, apetraho eo amin'Ity ny vatofantsikareo manontolo. Ny vatofantsiky ny fanahy no hahitana ny Fanambaran'Ny Teniny.

70 Ankehitriny, na iza na iza mamaky Azy dia sambatra. Marina ve izany? Ary nilaza isika aninkeo maraina, raha tsy afaka

mamaky ianareo, fa na iza na iza mandre Azy vakiana, dia sambatra. Ankehitriny, Izany dia manomboka amin'ny fitahiana iray ho an'ireo izay hipetraka mihitsy aza ka hihaino Azy vakiana, ary ozona iray ho an'ny olona rehetra izay hiezaka hanampy zavatra iray eo Aminy na hanaisotra zavatra iray avy Aminy. Noho izany raha manambara mazava ny Baiboly fa Jesosy no ilay Andriamanitra Tsitoha, amin'izay fotoana izay dia lozan'izay hanaisotra an'izany avy ao. Hia. Fanambarana iray izany. Na iza na iza hanampy zavatra . . . Izany no fitsipika fenon'ny—ny Apokalypsy; izany no Bokin'Andriamanitra farany, Ireo Teniny farany, Ireo fa- . . . Ary ny fanambarana rehetra izay tonga mifanohitra amin'Izany, dia avy amin'ny faminaniana sandoka; tsy Andriamanitra izany, satria ity no Fahamarinana.

71 Ary, tsarovy, ity no boky tokana ao amin'ny Baiboly izay nosoniavin'i Kristy, Izy tenany. Eritrereto izany! Ilay boky tokana, dia ny fanambarana ny Tenany. Ilay boky tokana izay Nametrahany ny Tombokaseny eo amboniny, sy nametrahany an'ireo Fitahiany sy ireo Ozony. Fitahiana ho an'ireo izay handray Azy, ny ozona ho an'ireo izay tsy handray Azy.

72 Ankehitriny—ankehitriny dia tonga eo amin'ny nosin'i Patmo isika ankehitriny mba hanombohana, ny andininy faha-9. Voalohany, dia tiantsika ny hilaza fa izany dia . . . Ny lohatenin'ity dia: *Ny Fahitana Tao Patmo*. Izany dia niseho tamin'ny A.D., teo anelanelan'ny A.D. 95 sy 96. Ilay toerana dia tao amin'ny nosin'i Patmo. Ny toerana misy azy dia telopolo maily avy eo amin'ny morontsirak'i Azia Minora, andrefana, mifanandrify amin'ny fiangonan'i Efesosy, ao amin'ny Ranomasina Egée voahodidin'ny Mediteranée. Izany no toerana misy azy.

73 Eritrereto! Ankehitriny, nosy kely iray izay mipetraka eo amin'ny telopolo maily avy eo amin'ny morontsirak'i Azia Minora, ao amin'ny Ranomasina Egée. Mifanandrify indrindra amin'ny fiangonan'i Filadel- . . . na ny fiangonan'i Efesosy, izay nomena ny Hafatra voalohany, izay i Jaona no pasitera tamin'izany fotoana izany. Amin'ny teny hafa, raha mijery any aoriana any atsinanana dia nijery mahitsy nankany amin'ny fiangonany izy, avy teo amin'izay nisy azy. Ary ny Hafatra voalohany dia ho an'ny fiangonany, izay naneho taom-piangonana iray. Eny àry, ny fahitana dia nomena an'i Masindahy Jaona ilay masina, izay pasiteran'ny fiangonana tao Efesosy tamin'izany fotoana izany.

74 Inona no toeran'ity nosy ity tamin'izany? Taiza no nisy azy, ary toerana inona? Eny àry, izy dia fantatra ao amin'ny tantara ho nosy be vato feno menarana, maingoka, androngo, sy ny sisa. Telopolo maily manodidina izy, ary feno vato. Izy dia nampiasaina, tamin'ny andron'i Jaona, tahaka ny Alcatraz iray. Toerana iray izay nanaovan'ny fanapahana Romana sesitany an'ireo olo-meloka, ireo tena olo-meloka ratsy, mba tsy

ahafahan'izy ireo hitazona azy ireo ao am-ponja sy ny sisa, dia napetrak'izy ireo tao amin'io nosy io izy ireo mba ho faty; namela azy ireo hijanona tao mandra-pahafatiny.

75 Fanontaniana: Ny antony nahatonga an'i Jaona tany? Lehilahy masina iray, lehilahy marina iray, lehilahy tsara laza iray, tsara toetra, tsy tao anatin'ny olana mihitsy, nahoana no tany ity lehilahy ity? Hoy ny Baiboly hoe, "Nohon'ny Tenin'Andriamanitra sy ny filazana an'i Jesosy Kristy."

76 Manana an'ilay foto-kevitra isika ankehitriny. Ny nosin'i Patmo, tao amin'ny Ranomasina Egée, telopolo maily avy eo amin'ilay morontsiraka, telopolo maily manodidina eo ho eo, be vato, feno androngo sy maingoka sy ny sisa, ary nampiasaina ho tranon'ny tranomaizina iray (mitovy amin'i Alcatraz). Raha manana gadra iray izay tsy azon'izy ireo hazonina ao amin'ny tranomaizina eto izy ireo, izy ireo . . . noho izany ny olo-meloka iray mampahatahotra tahaka an'izany, dia apetrak'izy ireo any Alcatraz izy.

77 Ary ankehitriny dia nentin'izy ireo ity olo-masina Jaona ilay masina ity . . . ilay farany amin'ireo mpianatra, ary ilay hany tokana izay maty tamin'ny fahafatesana ara-boajanahary. Jaona, talohan'ny nandehanana nankany amin'ilay nosy, dia nampangaina ho "mpamosavy," ary nampangotrahana tao anatin'ny barikan'ny menaka nandritry ny efatra amby roapolo ora, fa tsy nahamay azy. Tsy afaka mampangotraka ny Fanahy Masina hiala amin'ny olona iray ianareo . . . ? . . . Nampangotraka azy nandritry ny efatra amby roapolo ora tao anatin'ny barikan'ny menaka, tsy nisy ratra iray. Ary voalaza, ny antony izay—izay nomen'ireo Romana, hoe, "Mpamosavy iray izy, ka izy no namosavy an'ilay menaka." Izany no azon'ilay fisainana ara-nofo eritreretina! Ankehitriny, hitanareo, rehefa miantso antsika izy ireo hoe "mpamaky fisainana, sy mpanao hatsarana, ary Belzeboba," dia hitanareo ve hoe avy aiza izany fanahy tranainy izany? Fa hitanareo ve hoe avy aiza ilay tena Fanahy? Ireo taom-piangonana izany. Hitanareo? Efatra amby roapolo ora, nampangotrahana tao anatin'ny menaka mahamay, mangotrakotraka, nefa tsy nikasika azy mihitsy aza. Oh, toy ny ahoana no namefen'Andriamanitra azy tao Aminy tamin'Ny Fanahiny Masina. Tsy mbola tapitra ny asany.

78 Napetrak'izy ireo tao amin'ilay nosy nandritry ny roa taona izy. Ary raha mbola nanao azy ho irery tamin'ny tenany tany Andriamanitra, dia nanoratra ny Bokin'ny Apokalypsy izy arak'izay nambaran'ilay Anjelin'ny Tompo taminy. Ary avy eo vantany vao vita izany, dia niverina tao an-tanindrazana izy ary nitandrina an'ilay fiangonana tany Efesosy. Ary maty izy ka nalevina tany Efesosy, Jaona ilay masina.

79 Oh, foto-kevitra iray toy ny inona ankehitriny! Eny àry, ilay fiangonana teo ambanin'i Jaona tamin'izany, na teo ambanin'ny fanenjehana lehibe, manoratra ny andininy faha-9 i Jaona hoe:

> *Izaho Jaona, izay rahalahinareo koa*. . . amin'ny fahori-. . . *sy namanareo amin'ny* fahoriana, *sy amin'ny fanjakana sy ny faharetana ao amin'i Jesosy Kristy, dia tao amin'i nosy izay antsoina hoe Patmo, nohon'ny tenin'Andriamanitra, sy nohon'ny filazana an'i Jesosy Kristy.*

80 Amin'ny teny hafa, dia nandray ny Tenin'Andriamanitra izy ka nanaporofo an'Izany, hoe Izany no Tenin'Andriamanitra, ary niverina tamin'ny alàlany Kristy ka nanambara fa marina ny azy. Eo ianareo izao. Ny Tenin'Andriamanitra tonga voaseho tao aminy, nanaporofo fa mpanompon'Andriamanitra izy. Tamin'izay fotoana izay dia tsy afaka nandà an'Izany izy ireo, noho izany dia tsy maintsy niteny taminy izy ireo fa izy dia "mpamosavy." "Namosaviany ilay menaka ka tsy nandratra azy ilay izy, ary namosaviany ny olona ka tsy sitrana izy ireo, ary mpanao hatsarana iray izy izay tsy afaka. . . Karazana olona ratsy iray, ary ratsy fan-. . . fanahy maloto iray." Ary izany no antony nametrahan'izy ireo azy tany, nihevitra fa mampidi-doza izy raha ho eo anivon'ny fiaraha-monina. Fa nanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra fotsiny ihany izy, ary nanana tanjona iray teo ambanin'io toerana rehetra io Andriamanitra.

81 Tsy afaka nampiasa azy Izy, ary ireo fanenjehana rehetra sy ny sisa, satria tonga ireo olo-masina hoe, "Oh, Rahalahy Jaona, inona no hataonay mikasika an'*ity*? Ary inona no hataonay?"

82 Mpaminany iray i Jaona, fantatsika izany. Ary noho izany dia nametraka an'ireo fanontaniana ireo izy ireo, noho izany dia nanao an'ilay Fanapahana Romana fotsiny Andriamanitra mba haka azy sy hametraka azy tany tao amin'ilay nosy. Ary hoy Izy, "Ankehitriny, avia, ry Jaona, te-haneho aminao zavatra iray izay hitranga Aho." Ilay farany amin'ireo apostoly, tsy nisy nanoratra Azy intsony afa-tsy i Jaona. Noho izany dia napetrak'izy ireo teo amin'ny nosy Patmo izy nanomboka tamin'ny A.D. 95 hatramin'ny A.D. 96. Ary izy no nanoratra Azy, ka hoy izy hoe:

> *Izaho. . . dia rahalahinareo, sy namanareo amin'ny fahoriana,. . .*

83 Ankehitriny, tsy niresaka ny amin'ilay Fahoriana Lehibe izy. Tsy ilay Fahoriana Lehibe io, ary tsy tonga amin'ilay Fiangonana. Ilay Fahoriana Lehibe dia tonga amin'ny Jiosy, fa tsy ilay Fiangonana. Noho izany dia tsy ilay Fahoriana izany, ilay Fahoriana Lehibe.

84 Ankehitriny ny andininy faha-10:

> *Tao amin'ny Fanahy tamin'ny andron'ny Tompo aho, ka nahare taoriako* ny. . . *feo,. . . an'ny trompetra iray,*
>
> *tao amin'ny Fanahy tamin'ny andron'ny Tompo aho,. . .*

85 Ankehitriny, tsy afaka manao na inona na inona tsara ianareo raha tsy miditra ao amin'ny Fanahy aloha; tsy afaka mampiasa anareo Andriamanitra. Ianareo dia—ianareo dia—ianareo dia—ianareo dia . . . Ireo ezakareo rehetra dia—dia foana raha tsy ataonareo ao amin'ny Fanahy aloha izany. "Raha hihira aho, dia hihira ao amin'ny Fanahy. Raha hivavaka aho," hoy i Paoly, "dia hivavaka ao amin'ny Fanahy." Ary avy eo raha misy zavatra izay tonga amiko izay tsara rehetra, dia tsy maintsy voambara amiko izany amin'ny alàlan'ny Fanahy ary voamarin'ny Teny (tonga voaseho amin'ny alàlan'ireo vokatra entiny).

86 Ankehitriny ohatra, amin'ny teny hafa, raha milaza aho hoe, Jesosy Kristy dia nampanantena ao amin'Ny Teniny fa raha hibebaka aho, hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, dia handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina aho. Ny zavatra voalohany hataoko dia ny mibebaka. Voambara tamiko fa marina izany. Avy eo dia atao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, avy eo ireo vokatra dia: Handray ny Fanahy Masina aho.

87 Raha marary aho, ka Izy no nampanantena fa raha hino aho ka haka an'ireo loholon'ny fiangonana hanosotra diloilo ahy, hivavaka ho ahy, dia ny vavaky ny finoana no hamonjy an'ilay marary. "Tompo, mino aho. Manaraka an'ireo Toro-hevitrao aho, aoka hivavaka ho ahy ny loholona iray, hanosotra diloilo ahy." Milamina hatreo izany, manohiza fotsiny, izany rehetra izany—tapitra izany rehetra izany.

88 "Oh," hoy ianareo, ianareo "tsy mahatsapa fahasamihafana iray, na izany aza." Jesosy dia tsy teraka, rehefa namono Azy talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao Andriamanitra, rehefa Izy no—Izy no Zanak'ondrin'Andriamanitra, voavono talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Fa tao amin'ny fisainan'Andriamanitra Manokana, dia efa maty Izy. Tsy mbola teto aho tamin'izany, na ianareo koa; fa tao amin'ny bokin'Andriamanitra, raha efa mba teo ny anarantsika, dia efa voapetraka talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao izany.

89 Rehefa milaza zavatra iray Andriamanitra, dia tsy maintsy miseho Izany. Noho izany rehefa mahatanteraka an'ireo fitakian'Andriamanitra ianareo, tsarovy fotsiny, dia haneho ny Tenany Andriamanitra ka hikarakara ny sisa amin'izany, mandrosoa fotsiny ianareo, asa vita iray izany. Oh, tsy mahafinaritra ve izany? Oh, oadray, eritrereto! Teneno fotsiny Andriamanitra . . . Ary hoy Andriamanitra hoe, "Ianao manaova an'*ity,* ary Izaho hanao an'*ity*." Eny, raha izaho mandeha manao an'*ity,* dia Izy no tsy maintsy hanao an'*itsy*.

90 Ankehitriny, hoy ny devoly hoe, "Hitanao, mangataka andro Izy."

Tsy manao fahasamihafana mihitsy izany. Nivavaka i Daniela indray mandeha ary izany dia iraika amby roapolo

andro talohan'ny hany nahatongavan'ilay Anjely teo aminy, saingy tsy kivy izy, fantany fa ho avy Izy na ahoana na ahoana, noho izany dia niandry fotsiny izy mandra-Pahatongany teo. Izany ilay hevitra. Oh, izany rehefa manana finoana ianareo. Ankehitriny dia tsy maintsy miala amin'izany isika, hanana asam-panasitranana haingana mihitsy isika, sa tsy izany? Marina izany. Hia, ny amin'ny finoana. Fa tehanana asam-panasitranan'ny fanahy isika, mba hanasitrana an'ilay ao anaty, satria izany no haharitra, manana Fiainana Mandrakizay ianareo. Tsy manjavona na miha-antitra ny Fiainana Mandrakizay, mijanona izany, mijanona tsy miova.

91 Ankehitriny, niditra tao amin'ny Fanahy izy talohan'ny nisehoan'ny zavatra iray. Ny zavatra voalohany nataony, dia tao amin'ny nosy nantsoina hoe Patmo izy (ireo zavatra rehetra izay nataony ireo), ka hoy izy hoe, "Nahare feo iray aho," sy ireo zavatra hafa rehetra ireo. Fa talohan'ny nisehoan'ny zavatra iray, dia tao amin'ny Fanahy izy. Ary raha mahamarika an'izany ianareo ao anatin'ny Baibolinareo, dia Fanahy sora-baventy, Fanahy Masina. Amena! Niditra tao amin'ny Fanahy izy. Oh, heveriko fa mahafinaritra fotsiny izany:

> *Tao amin'ny Fanahy tamin'ny andron'ny Tompo aho,. . .*

92 Tamin'ny andro inona? Ny andron'ny Tompo. Ankehitriny, misy fifamaliana iray lehibe eo. Ndao alamintsika fotsiny izany, mandritry ny iray minitra fotsiny.

93 Ankehitriny, araka ny nolazaiko aninkeo maraina, ny sasany dia nilaza fa ny fanambarana, an'ny Masindahy Matio 17, dia "Petera." Hoy ny fiangonana Katolika hoe, "Nanorina Ny Fiangonany teo ambonin'i Petera Izy; izy no papa voalohany." Ahoana no nahafahany ho papa iray nefa nanambady? Hitanareo? Ary nanao hoe, "Nandeha tany Roma i Petera, nalevina tany." Noho izany dia iteneno toerana iray aho, tantara na aiza na aiza, izay mba nandehanan'i Petera tany Roma. Hitanareo? I Paoly no nandeha, fa tsy i Petera. Eny àry.

94 Noho izany dia hitantsika fa ireo isma rehetra sy ny sisa ireo, dia nandadilady nitsofoka fotsiny. Hitanareo? Fa, ary ny olona amin'izao andro izao dia . . . na aiza na aiza alehanareo, izy ireo . . . Misy fiangonana malaza anankiray manana fantsika iray izay teo amin'ny Tànany. Fantatrareo ve hoe fantsika firy no ananan'izy ireo, ireo fantsika tena izy, amin'izao andro izao izay teo . . .? Sivy ambin'ny folo. Manana an'ireo taolana izy ireo, izy ireo manana—manana ampahan'ireo akanjo izy ireo, ary kasihana sy karakaraina. Fa isika tsy—tsy manana an'ireo zavatra ireo isika, tsy mila an'izany isika. Velona Kristy! Ao anatintsika Izy, fa tsy fantsika iray, na ampahana hazo fijaliana, na ampahan-taolana, na zavatra iray. Izy no Andriamanitra velona, velona ao anatintsika ankehitriny, maneho ny Tenany. Zavatra ho an'ny fahatsiarovana tokana ihany no ananantsika,

izany dia ny Sakafo harivan'ny Tompo, fahatsiarovana ny Fahafatesany. Fa raha ny amin'ny Kristy Izy tenany, dia miaraka amintsika sy ao anatintsika Izy. Ary izany no zavatra izay tiantsika ahevaheva (ny voninahitry ny Fanahy Masina) eo amin'izao tontolo izao. Ahevahevao Izany mandra-pielin'ny Hazavana. Eny àry.

95 Ankehitriny, ny. . .Noho izany, hitanareo, nandray ny ilany hafa an'ilay làlana isika. Fantatrareo fa niezaka ny ho izany foana aho, ary ny Tompontsika dia nanambara an'izany foana tamiko; misy ny tendro farany anankiray, sy tendro farany hafa, saingy eo afovoan'ilay làlana mihitsy no misy ny Fahamarinana. Efa voamarikareo ve Isaia, izay Nilazany fa hisy làlambe iray? Isaia 35. Ary tsaroanareo hoe toy ny ahoana no nihiran'ireo rahalahintsika Nazareana an'izany hira izany fahiny, fantatrareo, "*Ny Làlamben'ny Fahamasinana. Làlamben'ny Fahamasinana*." Ankehitriny, raha hamaky tsara ny Baibolinareo ianareo, dia tsy milaza ilay izy hoe "ny làlamben'ny fahamasinana." Izao no voalaza hoe, "Hisy làlambe iray sy *làlana iray*, ary izany dia hantsoina hoe," tsy ny làlamben'ny fahamasinana, fa "*ny làlan'*ny fahamasinana." *Ary* dia fanohizan-teny iray izay mamarana ny fehezan-teninareo. Hitanareo? "Hisy làlambe iray *ary* làlana iray, ary izany dia hantsoina hoe *ny làlan'*ny fahamasinana," fa tsy làlamben'ny fahamasinana.

96 Hitanareo, ny làlana iray dia voaorina, *làlana iray*. . .Ny làlana tsara iray dia voaorina, ny ampahany avo indrindra dia ny afovoany, satria mamela ny loto rehetra ho voasasa mankany amin'ireo ilany roa izany. Izay ilay izy. Rehefa manatona marina tokoa an'i Kristy ny olona iray, dia manana ny masony mifantoka eo amin'i Kristy izy. Raha ara-pihetseham-po kely izy, dia ho fanatika iray. Raha mangatsiaka kely izy, dia ho eo amin'ity ilany ity ka ho voatangom-bazaha iray fotsiny, eo amin'io ilany io; hitanareo, ny fahaizany. Fa ilay zava-dehibe dia eo afovoan'ilay làlana mihitsy, miaraka amin'ny Fanahy ampy ao anatinareo, mihazona anareo hafana sy hihetsika. Amena! Ary mahafantatra betsaka ny hihazona ny tenanareo eo ambanin'ny fankatoavana ny Fanahy, hihetsika arak'izay ihetsehan'ny Fanahy fotsiny; tsy aloha na aoriana, arak'izay ihetsehan'ny Fanahy fotsiny.

97 Hoy ny fiangonana Katolika hoe, "Ny fanambarana dia i Petera."

Hoy ny fiangonana Protestanta hoe, "Izany dia Kristy."

Fa ny Baiboly dia mampianatra hoe, "Izany dia ny Fanambarana izay Nomeny (Andriamanitra no nanome azy) ny amin'i Kristy."

"Ianao no Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra velona."

"Sambatra ianao ry Simona, zanak'i Jonasy, fa tsy ny nofo aman-drà no nanambara an'izany taminao, tsy olona, seminera, na monastera iray, na inona na inona, no nampianatra anao an'Izany. Fa Ny Raiko izay any an-danitra no nanambara an'izany taminao. Ianao no Petera, eo ambonin'ity vatolampy ity no Hanorenako Ny Fiangonako, ka ny vavahadin'ny helo tsy haharesy Azy."

98 Ankehitriny dia tonga eo amin'ny toerana iray hafa isika eto izay ananan'izy ireo hevitra roa samihafa. Ankehitriny, mety ho diso aho; raha diso aho, dia hamela ahy anie Andriamanitra. Fa tsy hifanaraka amin'ireo Adventistan'ny andro Fahafito aho izay milaza fa, "Izany dia ny andro fahafito izay naha-tao azy, ilay andron'ny Tompo." Ireo rahalahy Adventistan'ny andro Fahafito, ary maro amin'izy ireo, dia mihambo fa ny andro sabata no nantsoiny hoe andron'ny Tompo. Ny fiangonana Kristiana dia miantso an'izany, ny andron'ny Tompo hoe, "Ny—ny Alahady, ilay andro voalohany." Ary mahamarika isika matetika fa—fa ilay fiangonana Kristiana dia mbola, amin'izao andro izao, ireo olona Protestanta, manondro an'izany hoe "Ny andron'ny Tompo, Alahady." Tsy ara-tsoratra izany. Ny Alahady no andro voalohan'ny herinandro ao amin'ny Baiboly, fa tsy andron'ny Tompo. Ary tsy ny andro fahafito koa izany, sabata. Tsy mety ho ny anankiray amin'ireo andro ireo izany satria nila roa taona i Jaona mba hanoratana ny Apokalypsy. Andro inona izany? Efa nisy maro tamin'ireo andro fahafito sy andro voalohany ireo efa lasa.

99 Ny Baiboly, ny Apokalypsy dia nosoratana nanomboka tamin'ny A.D. 95 ka hatramin'ny 96, roa taona. Izany no andron'ny Tompo. Ny andron'ny Tompo dia izay voalaza marina tokoa, ary izany no izy. Nentina tao amin'ny Fanahy hatrany amin'ny andron'ny Tompo i Jaona. Izao dia ny andron'ny olona, fa ho avy ny andron'ny Tompo. Manerana an'ireo Soratra dia ho hitantsika fa tao amin'ny andron'ny Tompo izy, nakarina tao amin'ny Fanahy ary nentina hatrany amin'ny andron'ny Tompo. Amena! Marina izany. Hitanareo, tao amin'ny andron'ny Tompo izy. Miresaka ny amin'ny andron'ny Tompo ny Baiboly. Ho tonga eo amin'izany isika afaka kelikely, ireo Soratra maro.

100 Ny zavatra voalohany, ny andro sabata, araka ny resahantsika, ny andro sabata dia tsy ny mitandrina andro anankiray. Tsy manana didy hitandremana ny Sabotsy ho sabata iray isika. Tsy manana didy hitandremana ny andro voalohany ho sabata iray isika, ao amin'ny Testamenta Vaovao. Nilaza ny Baiboly, ao amin'ny Hebreo ny toko faha-4 hoe, "Raha Jesosy no nanome azy ireo fitsaharana, dia tsy mba ho nilaza andro hafa iray Izy taorian'izany." Marina izany. Fa mbola misy fitsaharana iray, na fitandremana sabata iray, ho an'ny olon'Andriamanitra. Satria isika izay nino, ihany koa, dia

niditra tao amin'ny Fitsaharany; nitsahatra tamin'ny asantsika isika tahaka an'Andriamanitra nitsahatra tamin'ny Azy.

101 Diniho! Oh! Deraina ny Tompo. Manomboka mahatsapa ho tena tsara fotsiny aho, lasa any ivelan'ny tenako aho.

102 Mariho, tamin'ny andro sabata. Nanao ny tany tao anatin'ny enina andro Andriamanitra, ary ny andro fahafito dia niditra tao amin'ny fitsaharana iray Izy ary tsy niverina nanorina tontolo intsony. Avy eo dia Nomeny ny olona izany ho fahatsiarovana iray. Satria tsy afaka hitandrina an'izany ianareo ankehitriny, satria rehefa mitandrina ny sabata ianareo eto, ilay ilany hafa an'izao tontolo izao dia Alahady indray amin'izay fotoana izay. Hitanareo? Koa izany no naneho fa ho an'ny vahoaka iray izany, elanelam-potoana iray ho an'ny Isiraely. Fa avy eo dia mbola misy fitandremana sabata iray ho an'ny olon'Andriamanitra.

> *Fa isika izay*. . .*nino* mba *hiditra ao amin'*Ny *fitsaharany*,. . .*na dia ireo asa aza*. . .(manonona ny Hebreo aho, ny toko faha-4). . .*na dia* efa *vita talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao aza ireo asa*.
>
> *Fa* nilaza *izy ao amin'ny toerana anankiray*. . . *arak'izao*,. . .*ny andro fahafito* . . .
>
> Ary *izao indray koa, izy dia* nametra *andro anankiray, milaza ao amin'i Davida*,. . .(ianareo izay mandray naoty an'izany, Hebreo 4)
>
> *Izao indray koa, izy dia* nametra *andro anankiray, milaza ao amin'i Davida hoe, Anio, na dia efa ela aza; izany dia* re, Raha *hihaino* ianareo. . .na *voalaza,* Raha *hihaino ny feony* ianareo, *dia aza manamafy ny* fonareo.
>
> *Fa raha Jesosy* no efa *nanome azy ireo* ny *fitsaharana*, (andro). . .*tsy mba ho* nilaza *andro hafa izy* taorian'izany.
>
> Fa *mbola misy*. . .*fitsaharana iray* (na fitandremana sabata iray). . .

103 Ny teny hoe "fitsaharana." *Sabata* dia teny hafahafa iray ho antsika, izay midika hoe "fitsaharana." Teny Hebreo iray izany izay midika hoe andro "fitsaharana", andro sabata; tsy miasa, mitsahatra.

> *Fa raha Jesosy* no efa *nanome azy ireo fitsaharana*,. . . *tsy mba ho*. . .*nilaza andro hafa izy*.
>
> Fa *mbola misy*. . .*fitsaharana iray* (na fitandremana sabata iray) *ho an'ny olon'Andriamanitra*.
>
> *Fa* isika izay efa *niditra tao amin'ny fitsaharany*,. . . isika dia mitsahatra *amin'*ireo. . .*asantsika*, tahaka *an'Andriamanitra nitsahatra tamin'ny azy*.

104 Tsy miverina amin'izany intsony isika amin'ilay andron'ny herinandro manaraka ka hanomboka an'izany indray, efa niditra tao amin'ny Fitsaharana iray isika. Miresaka an'ireo fahasambarana Jesosy, hoy Izy hoe, "Efa renareo izy ireo nilaza tamin'ny andro fahiny hoe, 'Aza mamono olona.' Izaho milaza aminareo hoe, na iza na iza, tezitra amin'ny rahalahiny tsy misy antony, dia efa namono sahady. Efa renareo voalaza, ireo tamin'ny andro fahiny hoe, 'Aza mijangajanga.' Izany no didy. Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe, na iza na iza mijery vehivavy iray ka mitsiriritra azy dia efa nijangajanga taminy tao ampony." Marina ve izany?

105 Noho izany ireo zavatra rehetra ireo dia fahatsiarovana, famantarana fotsiny, fahagagana, miandry an'ilay tena fotoana ho tonga. Ankehitriny, rehefa vitan'i Jesosy izany, Matio 11, (ireo fahasambarana), dia hoy Izy hoe:

> *Mankanesa aty Amiko, ianareo rehetra izay* miasa fatratra, reraka, *ary mavesatra entana, fa Izaho hanome anareo fitsaharana* ho an'ny fanahinareo.
>
> *Ento ny ziogako eo* amiko, *ary mianara amiko; fa malemy fanahy sy manetry tena Aho*. . .(marina ve izany?)
>
> *Mankanesa aty amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy. . .mavesatra entana, fa Izaho hanome anareo fitsaharana* ho an'ny fanahinareo. ("Raha efa niasa fatratra ianareo indray andro, folo andro, dimy taona, dimy amby telopolo taona, dimampolo taona, sivifolo taona, ka reraka sy sasatra ianareo, dia mankanesa aty Amiko, Izaho hanome anareo Fitsaharana. Izaho no hanala an'io vesatry ny fahotana rehetra io hiala aminareo, ary hiditra ao anatinareo, ka hanome anareo fitsaharana sy fahafaham-po tanteraka.")

106 Ankehitriny, inona io fitsaharana io? Ndao—ndao halamintsika kely fotsiny ilay izy, hahita hoe inona izany. Hoy ny sasany amin'izy ireo hoe, "Nahoana, mandehana mikambana amin'ny fiangonana." Tsia! "Apetraho eo amin'ny boky ny anaranareo." Tsia! "Eny, karazana batisan'ny rano anankiray." Tsia! Ndao halamintsika ilay izy ka hahita hoe inona izany. Tianareo ve ny hanao an'izany eto mihitsy raha mbola miandry isika? Ho hitantsika hoe taiza no nandehanan'i Jaona. Tao amin'ny karazana andro inona no nidirany?

107 Rehefa maty Jesosy teto an-tany, ka vita ny Asany, dia niditra tany ho any Izy.

108 Ankehitriny dia ndao isika hiverina amin'ny Isaia ny toko faha-28, ary ny andininy faha-8. Mino aho fa izay ilay izy, ankehitriny, Isaia 28:8. Ary ndao isika hamaky, Isaia 28, ilay mpaminany izay miresaka roa ambin'ny folo sy fitonjato

taona talohan'ny nitrangan'ilay izy. Ankehitriny, firy no tehahafantatra hoe inona ilay *sabata* marina, ilay fitsaharana marina? Ity ilay izy. Ankehitriny, eto no iresahan'ilay mpaminany azy, ka hasehoko anareo hoe aiza no isehoany. Diniho, Isaia 28:8:

> *Fa ny rehetra* . . . (maminany ny amin'ireto andro ireto ilay mpaminany)
>
> *Fa feno lò sy loto ny latabatra rehetra,* (ireo olona mandray ny fandraisana, izay mifoka sy misotro sy mandainga ary mangalatra) . . . *hany ka tsy misy* toerana madio.
>
> Iza *no hampianariny fahalalana*? . . .

Iza no azonareo ampianarina fahalalana amin'izao andro izao?

109 Firy no nandre an'i Billy Graham androany? Toriteny nahafinaritra iray no notoriany, hoe ahoana fa afaka nino lainga iray ny olona ary manohy eo amin'io lainga io fotsiny ka—ka manamarina ny tenany mihitsy aza ary mihevitra fa nanao izay marina izy ireo. Ny vahoaka Amerikana dia mandray, hoy izy, ka manao hoe, "Ny fanatatavanan'ny lehilahy hendry, sy ny sigaran'ny lehilahy mpifoka," mandray ny anankiray amin'ireo laingan'ny devoly, ary raha tokony hanao azy ho adala iray, na inona izy na inona, mifoka zavatra tahaka an'izany dia miezaka manao azy ho lehilahy hendry iray. Adala iray izy na dia ny mifoka an'izany fotsiny aza, nefa ny . . . nefa feno fahafatesana sy homamiadana ary ny zavatra hafa rehetra ilay izy, fa mbola misintona an'izany midina mankao amin'ny avokavony foana izy. Adala iray izy. Tsy ny—tsy ny—ny fanatatavanan'ny lehilahy hendry, ary tsy misy ny zavatra tahaka an'izany. Ny lehilahy hendry iray dia tsy mampiasa an'ilay karazan-javatra.

110 "Tsy misy fiainana raha tsy ao amin'ny Oertel's 92," na zavatra tahaka an'izany. Tsy misy Fiainana any ivelan'i Kristy, izany no tena Fiainana marina. Inona no manao an'ireo lehilahy sy vehivavy hisotro an'io karazan-javatra io? Satria miezaka manome fahafaham-po an'io hetaheta ao anaty izay napetrak'Andriamanitra ao mba hangetaheta Azy io izy ireo, ary miezaka manome fahafaham-po an'izany amin'ireo zavatr'izao tontolo izao. Ary izany no antony ananantsika an'ireo zavatra ireo. Izany no antony ihetsehan'ny olona tahaka an'izany, satria izy ireo miezaka manala an'io hetaheta an'Andriamanitra izay ao anatin'izy ireo io, dia omen'ny devoly fahafatesana izy ireo raha tokony ho Fiainana.

> . . . *feno lò ny latabatra rehetra* . . .

111 Ireo mpitondra fivavahana, ny zavatra hafa rehetra, dia miresaka an'izany hoe, "Mety tsara ny manana famalifaliana kely iray madio." Tsy misy ny zavatra tahaka an'izany!

> Iza *no hampianariny fahalalana? ary* ho *an'iza no hataony*. . .*mahazo foto-pampianarana? ireo izay nesorina tamin'ny nono ve, sy nitsaha-nono*. (Ankehitriny dia tsy zazakely intsony isika.)
>
> *Fa didy no tsy maintsy anampy didy, didy anampy didy; fitsipika anampy fitsipika, fitsipika anampy fitsipika; kely eto, ary kely etsy:*
>
> *Fa amin'ny molotra miambakambaka sy* fiteny hafa *no hitenenany amin'ity vahoaka ity.*
>
> *Izay nilazany hoe, Ity no*. . .(inona? fitandremana sabata ve!). . .*no fitsaharana* izay *hanaovanareo ny reraka*. . .("Mankanesa aty Amiko ianareo rehetra izay reraka sy mavesatra entana.") . . .*hanaovanareo ny reraka hitsahatra; ary ity no* famelombelomana*: nefa tsy nihaino ianareo*.

112 Oviana io no nitranga? Roa ambin'ny folo sy fitonjato taona taty aoriana rehefa nipetraka teo ambonin'ny olona ireo molotra miambakambaka tamin'ny Andron'ny Pentekosta ka feno ny Fanahy Masina izy rehetra ary nanomboka niteny tamin'ny fiteny hafa ary, ny Fanahy Masina no nifehy ny fiainan'izy ireo, ka nitsahatra tamin'ireo zavany arak'izao tontolo izao. Noho izany dia niditra tao amin'ny Fitsaharana iray niaraka tamin'i Kristy izy ireo. Hoy i Paoly, ao amin'ny Hebreo ny toko faha-4 hoe, "Isika izay efa niditra tao amin'ny Fitsaharany dia nitsahatra tamin'ireo fanao rehetra arak'izao tontolo izao tahaka ny nataon'Andriamanitra tamin'ny andron'ny Famoronany, niditra tao amin'ny Fitsaharany Izy, ary miditra miaraka Aminy isika rehefa tapitra ireo asantsika arak'izao tontolo izao." Io no tena Sabatanareo, marina.

113 Noho izany dia nakarina i Paoly ka niditra tao amin'io Fanahin'ny Sabata io, ary nentin'ny Fanahy Masina hatrany amin'ny andron'ny Tompo.

114 Nahoana isika no manana ady? Nahoana isika no manana olana? Nahoana ny firenena no manohitra firenena? Tonga Jesosy, ilay Andrian'ny Fiainana, fa novonoin'izy ireo Izy.

115 Afaka herinandro vitsy, na izao ankehitriny izao mihitsy aza, dia misy ireo rennes sy Santa Clauses sy—sy ireo lakolosy mikorintsana ary ireo karazan-javatra rehetra mihantokantona, izay fombam-pivavahana mpanompo sampy. Fitsipika iray an'ny fiangonana Katolika izany. Mandoa vidiny lehibe ny olona sy mifanakalo fanomezana ary ireo zavatra tahaka an'izany, mpanompo sampy! Krismasy dia androm-pivavahana iray.

116 Sady izay koa, Kristy dia tsy teraka tamin'ny faha-dimy amby roapolon'ny Desambra koa. Tsy mety ho izany Izy. Raha efa mba tany Jodia ianareo, dia feno oram-panala ireo havoana, ratsy mihitsy noho ny eto. Teraka tamin'ny Aprily rehefa miseho ny natiora rehetra.

117 Ankehitriny, saingy izany no fombafomban'izy ireo. Ary nahoana—nahoana isika no manao an'ireo zavatra ireo? Satria manaraka an'ireo fombafomban'olona isika raha tokony ho ireo didin'Andriamanitra. Ireo . . . Ny zavatra tahaka an'izany dia tsy misy dikany, saingy manao andro iray ara-barotra avy amin'izany fotsiny izy ireo. Fahafaham-baraka izany, henatra ho azy ireo ny manao zavatra tahaka an'izany. Fombam-pivavahana mpanompo sampy iray! Oviana no nisy nidiran'i Santa Claus tamin'i Jesosy? Oviana ny bitron'ny Paska iray na akohovavy na . . . nolokoina tamin'ny karazana ranomainty na zavatra iray, na karazana bitro fotsy kely iray no nisy nidirany tamin'ny fitsanganan'i Jesosy Kristy? Tsy hitanareo ve hoe ahoana ilay tontolo ara-barotra . . . ?

118 Izany no antony ivarotan'izy ireo an'ireny bokin'ny rock-and-roll ratsy, sy sary maloto, sy ratsy ireny, ary ireo zavatra tahaka an'izany, dia satria maniry mafy ny hadalana tahaka an'izany ny natioran'ny olona. Izany dia satria misy zavatra tsy mety ao anatin'ny fo, tsy mbola niditra tao amin'io Fitsaharana niaraka tamin'Andriamanitra io mihitsy izy ireo ka nitsahatra tamin'ireo zavatra ireo. Rehefa miditra ao amin'io izy ireo ka mandray ny Fanahy Masina, amin'izay fotoana izay dia tapitra amin'izy ireo izao tontolo izao sy ireo zavatr'izao tontolo izao.

119 Nitondra azy Andriamanitra. Oh, tsy mino aho fa nentina tahaka an'i Paoly izy, ankehitriny, nankao amin'ny lanitra fahatelo ka nahita zavatra. Eny àry, ny Fanahy Masina sarobidy dia nanao herinandro vitsy lasa izay, teto, namela ahy hahita . . . Amin'ny teny hafa, natahotra fahafatesana aho, ka naka ahy hiakatra ny Fanahy Masina ary naneho tamiko hoe inona ilay izy. Efa nandre an'ilay fijoroana vavolombelona ianareo. Tamin'izay fotoana izay rehefa niverina aho, "Noho izany, ry fahafatesana, aiza ny fanindronanao?" Nentina mba hahita an'izay nisy fotsiny tany ankoatry ny lamban'efitra. Namela ahy hiverina Izy mba hiteny aminareo fa any ankoatra dia tsy angatra na fanahy isika, lehilahy sy vehivavy isika, tanora, tsy maty intsony, tsy lasa marary intsony, any ankoatry ny voaly fotsiny. Tsy afaka manao na inona na inona aminareo intsony ny fahafatesana afa-tsy ny misintona anareo mankao amin'io Toerana io.

120 Ankehitriny, nentina avy teo amin'ny nosy Patmo i Jaona, tao amin'ny Fanahy, hatrany amin'ny andron'ny Tompo. Andron'ny olona izao, miady ny olona, saingy ho avy ny andron'ny Tompo izay hahalasa an'ireto fanjakana ireto ho fanjakan'ny Tompontsika sy an'Ny Kristiny, avy eo dia hisy ilay Arivo taona lehibe. Ny andron'ny Tompo, ilay andron'ny Fihaviany, ny Fitsarany, izany no ho andron'ny Tompo.

121 Andron'ny olona izao, izany no antony amelezan'izy ireo anareo manerana sy anaovany an'izay tiany atao aminareo, saingy hisy ny fotoana iray . . . Miantso anareo . . . miantso anareo izy ireo ankehitriny hoe, "holy-roller sy fanatika," saingy ho

tonga ny fotoana iray, hitanareo, izay tsy hanaovan'izy ireo an'izany. Hikiakiaka sy hidradradradra ary ho lavo eo antongotrareo izy ireo. Nilaza ny Baiboly, ao amin'ny Malakia 4, fa handeha eo ambonin'ireo lavenona mihitsy aza ianareo rehefa avy dorana izy ireo; tsy hisy havela amin'izy ireo na ny fakany na ny sampany. Izany marina tokoa no lazain'ny Baiboly hoe, "Ny marina hanitsaka ny lavenon'ny ratsy fanahy." Marina tokoa izany. Tsy hisy fakany na sampany tavela amin'izy ireo, tsy misy na inona na inona hiverina. Ary ho vita ny amin'izy ireo. Ankehitriny dia andron'ny olona izao (fanaon'ny olona, asan'ny olona, fiangonan'ny olona, hevitry ny olona), fa ho avy ilay andron'ny Tompo.

122 Ankehitriny, dia tao amin'ny Fanahy tamin'ny andron'ny Tompo izy. Eny àry, ary ny zavatra voalohany henony rehefa tao amin'ny Fanahy tamin'ny andron'ny Tompo izy . . . Ankehitriny mandray ny andininy faha-10 isika:

> *. . . tao amin'ny Fanahy tamin'ny andron'ny Tompo, ary* izy *nahare . . . ny . . . feo, tahaka . . . trompetra iray,*

123 Ndao isika tsy hamela fanoharana iray handalo, ankehitriny. Raha tsy maintsy haka azy isika rahampitso, dia afaka maka azy, hitanareo. Aoka hisy olona iray hanara-maso ny famantaranandro, mba tsy hanatara ahy izy.

124 Eny àry, ankehitriny, " . . . dia tao amin'ny Fanahy tamin'ny andron'ny Tompo." Tsarovy ankehitriny, ny zavatra voalohany tsy maintsy ataonareo dia inona? Midira ao amin'ny Fanahy. Ahoana no mba hahatongavan'ireto fanambarana ireto eo aminareo? Midira ao amin'ny Fanahy. Ahoana no mba hahazoanareo ny Fanahy Masina? Midira ao amin'ny Fanahy. Midira ao amin'ny Fanahy!

125 Fony ianareo mpanota iray ka nandeha nankany amin'ny fandihizana, dia niditra tao amin'*izany* fanahy izany ianareo. Oh, oadray, nanomboka nitehaka ny tànanareo sy nanapoapoaka ny tongotrareo ianareo, ary nihorakoraka, ka nanipy ny satrokareo teo amin'ny gorodona, ary nandeha nanodidina sy nanodidina, nihetsika kidaladala. Tao amin'ny fanahin'izany ianareo. Azonareo eritreretina ve ny lehilahy iray, izay sakaizandihy, nandeha nankao amin'ny fandihizana iray, manao hoe, "Eny, ary manana fotoana tena tsara ianareo rehetra, heveriko."

"Oh!" hoy izy ireo. "Ianao mpitàn-jiro, mivoaha miala eto!" Hitanareo?

126 Mandeha any amin'ny lalao baolina ianareo, misy olona iray mahatafiditra baolina, na zavatra hafa, mipetraka ary mijery, ka manao hoe, "Eny, ataoko fa tena tsara izany." Tsia, tsy sakaizan'ny baseball iray ianareo, ianareo tsy tena . . . tsy ao anatin'ny fanahin'ny baseball ianareo. Rehefa mahatafiditra baolina ny olona iray, dia mitsangana ianareo ary mihorakoraka hoe, "Fioo! Oadray! Mandresy!" Raha manala ny satroky ny

olona amin'ny lohany ianareo tahaka an'*izao,* dia tsy misy olona milaza teny iray mikasika an'izany.

127 Noho izany ao am-piangonana rehefa miditra ao amin'ny Fanahy ianareo, mitsangana ary mihorakoraka hoe, "Voninahitra! Haleloia! Deraina ny Tompo!"

Mitodika ny olona iray, manao hoe, "Holy-roller." (Oh, Rahalahy Wood . . .)

128 Hametraka fanontaniana iray aminareo aho. Raha holy-rollers isika satria manao an'izany, amin'izay fotoana izay dia *unholy*-rollers izy ireo any. Aleoko ho holy-roller iray (Ary ianareo?) toy izay unholy iray. Oadray! Izany tokoa! Ireo unholy-rollers.

129 Ankehitriny, tao amin'ny Fanahy izy. Niditra tao amin'ny Fanahy izy, noho izany dia nanomboka niseho ireo zavatra. Ary avy eo rehefa niditra tao izy, dia nandre trompetra iray. Ankehitriny, ny trompetra iray dia milaza ny fanatonan'ny zavatra iray foana. Ohatra rehefa tonga ianareo . . . Ny— manatona ny mpanjaka iray, dia hitsoka trompetra izy ireo. Rehefa manatona Jesosy, dia hitsoka trompetra iray Izy. Marina ve izany? Rehefa nandroso i Josefa, dia nitsoka trompetra iray izy ireo. Ary misy zavatra manatona ankehitriny, niditra tao amin'ny Fanahy i Jaona ka nandre trompetra iray izy. Nandre trompetra iray izy, ary nitodika mba hijery an'izay taoriany rehefa nandre an'ilay trompetra izy; taorian'ny nidirany tao amin'ny Fanahy.

130 Angamba nandihy izy, nitsambikina, nihazakazaka nanodidina an'ilay nosy. Nanana fotoana tsara iray izy, tao amin'ny Fanahy izy. Noho izany, ary izy . . . Mety toa manimbazimba izany, saingy tsy tahaka an'izany no tiako ilazana azy, hitanareo. Afaka izy! Izany dia . . . eny, mety nanao an'izany izy. Mino aho fa nanana fotoana tsara iray izy tao amin'ny Fanahy, nidera an'Andriamanitra fotsiny, satria izany marina tokoa no nitranga rehefa nilatsaka teo amin'izy ireo voalohany ny Fanahy. Rehefa nilatsaka teo amin'izy ireo ny Fanahy Masina, dia nivembena tahaka ny lehilahy sy vehivavy mamo izy ireo, ary nihetsika toy ny hoe mamo, ary niboredidredika. Ary nian- . . . nanohy tahaka an'izany hany ka hoy ny olona hoe, "Feno divay vaovao ireto olona ireto." Tahaka an'izany no nihetsehan'izy ireo tamin'ny voalohany, noho izany dia tonga indray ny Fanahy, nihetsika tahaka an'izany angamba izy. Hitanareo? Tsy misy na inona na inona vaovao mikasika an'ity—ity zavatra ity, ity no fivavahana iray an'ny *andro-fahiny*. Hia.

131 "Tao amin'ny Fanahy tamin'ny andron'ny Tompo." Ankehitriny, henontsika izany. Ankehitriny inona? Ankehitriny, inona no nataony? Nentina avy tany amin'ilay nosy izy ankehitriny, tao amin'ny Fanahy, hatramin'ny andron'ny Tompo.

Ary vantany vao niditra tao amin'ny andron'ny Tompo izy, dia nandre trompetra iray. Inona izany? Izany dia Olona iray manatona. Manatona ny Anankiray lehibe. Maneno ny trompetra, tonga ny Olona iray! Nijery izy! Haleloia! Trompetra:

> *Nanao hoe, Izaho no Alfa sy Omega, ny voalohany sy ny farany*:. . .(tsy filazana ny ampahany faharoa na ny ampahany fahatelo, fa ilay Ampahany tokana). . .*Izaho no* sady *Alfa no Omega,*. . .("Alohan'ny Hanehoako zavatra aminao, dia Tiako ny mampahafantatra anao hoe iza Aho!")

132 Ilay lehibe indrindra amin'ireo fanambarana rehetra dia ny Maha-Andriamanitra, ny Maha-Andriamanitra Faratampony an'i Jesosy Kristy Tompontsika. Tsy afaka ho tonga eo amin'ny fototra voalohany ianareo raha tsy mino an'izany, mivoaka. . . Izany no nolazain'i Petera hoe, "Mibebaha, ary avy eo dia jereo ilay Maha-Andriamanitra. Aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ho famelàna ny fahotanareo, ary avy eo dia vonona hiditra ao amin'ny Fanahy ianareo." Ny zavatra voalohany tokony ho fantatrareo dia ny Maha-Andriamanitra an'i Kristy. "Izaho no Alfa sy Omega! Izaho no A hatramin'ny Z, tsy misy intsony Ankoatrako. Izaho no tany amin'ny voalohany, Izaho no ho any amin'ny farany. Izaho no Izy izay nisy, izay misy, ary ho avy, ny Tsitoha." Eritrereto Izany! Izany no nolazain'ilay trompetra.

133 Mitandrema tsara ry Jaona! Efa niditra tao amin'ny Fanahy ianao, hisy zavatra ho voambara aminao. Inona izany? Naneno ny trompetra iray, ny zavatra voalohany, "Izaho no Alfa sy Omega." Ny voalohany amin'ireo fanambarana rehetra. (Oh, ry mpanota, miondreha, mibebaha ankehitriny alohan'ny hahatara loatra ny fotoana.) "Izaho no Alfa sy Omega." Izany no zavatra voalohany Nampahafantariny azy, iza moa Izy. (Iza io manatona io? Jesosy Mpanjaka ve io? Andriamanitra Mpanjaka ve? Fanahy Masina Mpanjaka ve?) Hoy Izy hoe, "Izaho no rehetra amin'Izany! Izaho no A hatramin'ny Z. Izaho no fiandohana sy fiafarana. Izaho no Anankiray Tsy mety maty, Mandrakizay!"

134 Lavidavitra kely fotsiny dia mahita Azy ao amin'ny mahaolona fito sosona Azy isika, diniho Izy amin'izay fotoana izay. "Izaho no fiandohana sy ny fiafarana. Izaho no Alfa sy Omega, ny voalohany sy ny farany. Efa nisy Aho talohan'ny nisian'ny voalohany iray; ary aoriana dia tsy misy farany intsony, mbola ho eo foana Aho," amin'ny teny hafa. "Ny voalohany sy ny farany!"

> . . .*ary, Izay hitanao, dia soraty ao amin'ny boky iray, ka alefaso*. . .any *amin'ireo fiangonana fito izay any Azia; any Efesosy,*. . .*Smyrna,*. . .*Pergamosy,*. . . *Tyatira,*. . .*Sardisy,*. . .*Filadelfia, ary* any *Laodikia.*

135 Eny àry, ny voalohany amin'ireo fanambarana rehetra dia ny Maha-Andriamanitra Faratampony an'i Jesosy Kristy. Tsy

maintsy fantatrareo hoe iza Izy rehefa mandre an'ilay Feo ianareo. Eny àry, ilay Feo iray ihany izay naneno teo amin'ny Tendrombohitra Sinay, ilay Feo iray ihany izay naneno teo amin'ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy, ilay Anankiray ihany, "Anankiray tahaka ny Zanak'olona."

136 Diniho ankehitriny ao amin'ity andininy manaraka ity. Eny àry:

*Dia nitodika aho*. . . (Ny toko faha-12 ankehitriny.)

137 Havelantsika hipetraka tsara mandritry ny iray minitra fotsiny ireo fiangonana ireo, satria io herinandro manontolo ho avy io dia eo amin'ireo fiangonana ireo. Hitanareo, noho izany dia hodinganintsika fotsiny izany.

138 Fa hoy Izy hoe, "Ireto . . . Handidy anao Aho handefa an'ity Hafatra izay Asehoko anao ity." Iza izany? "Izaho no voalohany sy ny farany. Izaho no Anankiray Faratampony. Izaho no Anankiray Tsitoha. Ary tonga Aho hiteny aminao fa hanome anao Hafatra iray ho an'ireo fiangonana fito Aho. Tiako ianao hanoratra an'Izany, ataovy vonona Izany." Hitanareo? "Ary ireo fiangonana fito izay any Azia." Ankehitriny, izy ireo no fiangonana tany tamin'izany niaraka tamin'ny natiora tao amin'izy ireo izay naneho an'ireo taom-piangonana ho avy.

139 Ankehitriny:

*Dia nitodika aho mba hijery an'ilay feo izay niteny* teo *amiko. Ary rehefa nitodika, dia nahita fanaovan-jiro volamena fito aho;*

140 "Fanaovan-jiro volamena fito." Ankehitriny, izany dia ny . . . Ny fandikana King James, izay ananareo angamba na koa ny Scofield na—na angamba ny Thompson Chain, na ny iray amin'izy ireo, dia tsy marina eo. Tsy milaza izy hoe fanaovan-jiro, izany dia milaza hoe fipetrahan-jiro; fitoeran-jiro, mino aho, no teny mety, marina voalaza ao amin'ny fandikana tany am-boalohany. Hitanareo, amin'ny teny hafa, ireto fanaovan-jiro volamena ireto dia ireo fiangonana fito. Milaza Izy lavidavitra kely eo, ireo fi- . . . ao amin'ny andininy faha-20 eto hoe, "Ireo fanaovan-jiro fito izay hitanao dia ireo fiangonana fito." Noho izany, hitanareo, raha labozia iray ilay izy, dia ho levona tsy ho ela ary ho faty, afaka kelikely fotsiny. Fa tsy labozia ilay izy, ilay izy dia—dia fitoeran-jiro. Manao azy ho fitoeran-jiro iray izany. "Rehefa nitodika dia nahita anankiray tahaka ny Zanak'olona aho nitsangana teo afovoan'ny . . . ny afovoan'ireo fitoeran-jiro fito."

141 Ankehitriny—jereo ankehitriny. Ho faty tsy ho ela ny labozia, ho levona izy, tsy hisy intsony ny aminy, afaka ora vitsy dia ho faty izy. Fa ny fitoeran-jiro iray, ny fitoeran-jiro iray dia tahaka an'ity, . . .

142 Eto, ndao isika—ndao isika haka Soratra iray eto, ndao—ndao alaintsika ny Zakaria 4:1, noho izany dia afaka maka avy

ao amin'ny Zakaria an'izay ilaintsika angamba isika eo. Zakaria 4:1, ary mino aho avy eo fa angamba ao amin'ity isika dia afaka hi—hisintona miaraka an'izay ilaintsika. Tsy afaka mahita an'ny Zakaria ao amin'ny Zefania aho, sa tsy izany? Eny àry. Eny àry. Saiky tonta tanteraka ny Baiboliko antitra. Zakaria 4:1, henoy tsara ankehitriny, manana sary iray tsara tarehy ianareo eto:

*Ary ilay anjely . . .*

143 Ilay mpaminany, ankehitriny, sivy ambin'ny folo sy dimanjato taona talohan'i Kristy fotsiny:

> *Ary niverina ilay anjely izay niresaka tamiko, ka* namoha *ahy, toy ny olona izay nofohazina avy tamin'*ny *torimaso,* (Ankehitriny dia tao amin'ny fahitana iray ilay mpaminany.)
>
> *Ary hoy* izy *tamiko hoe, Inona no hitanao? Dia hoy aho hoe, Nijery aho, ka indro fanaovan-jiro iray . . .* (Ankehitriny, izany dia ilay teny iray ihany izay nadika hoe *fitoeran-jiro*.) *. . . tena volamena, niaraka tamin'ny fitoeran-diloilo teo ambony . . . teo amin'ny tampony,* (Izany ilay fanilo.) *. . . ary ny fanilony fito teo amboniny, ary ireo fantsona fito ho an'ireo fanilo fito, izay eo an-tampony:* (Hitanareo, ireo taom-piangonana iray ihany izay tonga. Hitanareo?)
>
> *Ary ireo hazo oliva roa eo akaikiny, . . .* (Ankehitriny, karazana inona . . . Inona no nodoran'izy ireo tao anatin'ireo fanilo ireo tamin'ny andron'ny Baiboly? Misy olona iray mahafantatra ve? Diloilo. Karazana diloilo inona? Diloilon'oliva.) *. . . hazo oliva roa . . .* (Inona izany? Ny Testamenta Vaovao sy Taloha; misy roa mitsangana eo akaikiny.) *. . . anankiray* eo *ankavanan'ilay fitoeran-diloilo, ary ilay iray hafa eo amin'ny ilany ankavia.*
>
> Ary *namaly aho ka niteny tamin'ilay anjely izay niresaka tamiko, nanao hoe, Inona ireo, ry tompoko?*
>
> Ary *ilay anjely izay niresaka tamiko namaly ka nanao tamiko hoe, Tsy fantatrao ve hoe inona—inona ireo? Dia hoy aho hoe, Tsia, ry tompoko.*
>
> Dia *namaly izy ka niteny tamiko, nanao hoe, Izao no tenin'ny* TOMPO tamin'i *Zerobabela, manao hoe, Tsy amin'ny* hery, tsy *amin'ny* fahatanjahana, *fa amin'ny fanahiko, hoy ny* TOMPON*'ny maro.* (Hamerina an'i Jerosalema Izy.)

144 Ankehitriny, inona ilay fanaovan-jiro? Fitoeran-jiro iray izany. Ary mariho hoe tsara tarehy toy ny ahoana. Eto, rehefa nitodika izy, dia nahita an'io Anankiray tahaka ny Zanak'olona io eto nitsangana teo afovoan'ireo fitoeran-jiro volamena fito, izay midika an'ireo taom-piangonana fito ho avy. Ary ny fantsona tsirairay, na—na ny fitoeran-jiro, dia mamikitra eo

amin'ilay fitehirizan-diloilo goavana lehibe. Ary ao no mivoaka mankao amin'ny fanilo kely hafahafa iray io diloilo io izay napetraka miaraka amin'ny lahany iray ao anatiny ary ilay lahany dia mihantona midina mankao amin'ny diloilo. Ary raha mbola . . . Mandraraka diloilo eo an-tampon'ilay tongony izy ireo, izay mameno an'ilay fantsona goavana lehibe, sy ilay sampana goavana, ary mandalo ao amin'ireo fantsona izany, tahaka an'izao. Ary ilay fanilo miaraka amin'ny lahany mihantona midina, io—io fantsona ao anatin'ny . . . manohy mirehitra, andro aman'alina. Tsy nila nandrehitra azy mihitsy ianareo, tsy maty mihitsy izy; manohy mandraraka diloilo ao anatin'ilay fantsona lehibe fotsiny izy ireo. Ary ireo fitoeran-jiro izay mivoaka tahaka an'izao ireo, dia nanana an'ireo fanilo nipetraka teo an-tampon'izy ireo. Ilay lahany avy eo amin'ny jiro dia mandeha midina eto, misintona ny ainy avy eto. Oh, toy ny inona no fahasamihafan'izany amin'ny labozia iray. Samihafa toy ny ahoana! Fitoeran-jiro iray izany, ary misintona diloilo izy.

145 Ankehitriny, ireto fitoeran-jiro ireto, ny afo izay teo ambonin'ireto fitoeran-jiro ireto ao amin'ny Testamenta Taloha. Rehefa nandrehitra jiro anankiray izy ireo, dia tsy afaka nandrehitra an'ilay jiro manaraka tamin'ilay afo iray ihany izay nananan'izy ireo teny an-tànany. Nandrehitra jiro anankiray izy ireo, avy eo dia naka an'izany ary nandrehitra an'ilay jiro hafa, avy eo dia nametraka azy. Ary nandrehitra an'ity jiro ity, ary avy eo dia naka ka nandrehitra an'ity jiro ity tamin'ilay afo iray ihany izay nanombohan'izy ireo tamin'ny voalohany. Oh, manantena aho fa tsy mandalo eo ambonin'ny lohanareo izany. "Jesosy Kristy ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay," ilay afo iray ihany (Fanahy Masina) no mandrehitra ny tsirairay avy amin'ireo fiangonana nanerana an'ireo taona mihitsy.

146 Tsy nilaza ve Jesosy ao amin'ny Masindahy Jaona 15 hoe, "Izaho no voaloboka, ianareo no sampana"? Ankehitriny, Izy no ilay tena Voaloboka, isika no sampana. Ankehitriny, tsy mitondra voa ilay voaloboka . . .

147 [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] . . . ka afaka maka hazom-boasary iray ianareo, ohatra hoe voasary iray, ary ianareo afaka maka ta—taho iray avy eo—avy eo, eny, hataoko hoe, hazo pamplemosy iray, ka manatriatra toerana kely iray eo amin'ilay hazo voasary ka mametraka an'io pamplemosy io ao anatiny, haniry izy. Raha mandeha eo ianareo ka maka tahom-boasary makirana iray ka mametraka azy ao anatin'ny hazo voasary iray, dia haniry izy. Na maka ampongabendanitra iray, ka maka an'izany. Na hazom-boasary iray, na mandarina na voasary ala, na ny iray amin'ireo hazom-boasary ireo, ka apetraho ao anatin'io hazo io izy ireo, fa hisintona an'ilay aina avy amin'io hazo voasary io izy; saingy tsy hitondra voasary. Hitondra pamplemosy izy, hitondra voasary ala izy, hitondra

voasary makirana izy, saingy mivelona amin'ilay aina avy ao amin'ilay tena voaloboka izy, fa raha mba hamoaka voaloboka hafa io voaloboka io . . . sampana iray hafa, dia ho ilay aina iray ihany izay tao anatiny izany, hitondra voasary iray izy. Satria, tany amin'ny voalohany, dia ain'ny hazo voasary iray no tao amin'ny fakany, fa ireo hafa dia afaka mivelona avy amin'izany raha mbola natioran'ny hazom-boasary foana ilay izy. Saingy tsy afaka mitondra ny voan'ilay tany am-boalohany izy, satria tsy avy amin'ny tany am-boalohany izy.

148 Tahaka an'izany ny fiangonana. Nanatriatra an'ilay Voaloboka izy ireo ary nanao grefy tao amin'ireo Presbyterana, Metodista, Batista, sy ny sisa tahaka an'izany. Mitondra voa Batista izany, voa Presbyterana, voa Metodista, fa raha izany no mba . . . mamokatra voaloboka hafa iray io hazo io, dia ho ilay karazana voaloboka iray ihany izay Novokariny tamin'ny Andron'ny Pentekosta izany: ilay Voaloboka tany am-boalohany! Hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra izy ary hanana ny hery sy ireo famantaran'i Kristy nitsangana ao anatiny. Nahoana? Satria mivelona amin'ilay fitehirizana ara-boajanahary izay nambolena azy izy. Raha ny marina, dia tsy nambolena tao izy, teraka tao izy! Deraina ny Tompo! Oh, oadray! Tsy nieritreritra an'io anankiray io aho tamin'izany.

149 Hitanareo, ireo hafa dia natao grefy tao; nanao grefy azy ireo tao amin'ilay hazo izy ireo, noho izany dia mitondra ny karazan'ny voany manokana izy ireo. Tsy afaka mandray an'*Ity* izy ireo. Tsy mino an'*Itsy* izy ireo, satria tsy nahafantatra na inona na inona mikasika an'Izany mihitsy. Fa raha teraka tao amin'io Aina iray ihany izay nivoaka avy tamin'io hazo io izy ireo, dia izany no zavatra tokana azon'izy ireo entina, dia ilay Ain'ilay fantsona tany am-boalohany.

150 Ireto fantson-jiro ireto dia nety tsara daholo tao amin'io fitoeran-diloilo goavana be io, fihazonana goavana be anankiray, ary sivy samihafa . . . na fipetrahan-jiro fito samihafa no nivoaka avy tao aminy. Ary rehefa nivoaka izy ireo, ny tsirairay avy tamin'ireo hazavana dia nisintona ny ainy avy tamin'ilay fitehirizana lehibe. Ary ny hazavany dia satria nanana ny laboziany nalòna tao anatin'io barika lehibe io izy. Oh, sary iray tsara tarehy toy ny inona an'ny iray amin'ireo kintana fito (izany no naneho an'io) miaraka amin'ny fiainany mirehitra amin'ny Fanahy Masina eto. Ary izany . . . Amin'ny finoana no irehetany amin'ny Fanahy Masina, ary ny fiainany dia labozia iray, na tsy labozia iray, fa lahany iray izay milòna ao anatin'ny Fanahy Masina (ao amin'i Kristy), ary amin'ny alàlan'io lahany io no isintonany ny Ain'Andriamanitra mba hanome Hazavana ho an'ny fiangonany. Oh, sary iray toy ny inona an'ilay mpino marina! Karazana Hazavana inona no omeny? Ilay karazana Hazavana iray ihany izay nisy rehefa nampirehetina ilay labozia voalohany.

151 Rehefa nanomboka ny taom-piangonana voalohany, dia Efesosy izany. Paoly, ilay anjelin'io fiangonana io, iray amin'ireo kintana. Misy kintana fito izay midika hoe anjely fito, "iraka" fito. Amin'ity herinandro ity dia afaka maka ny Soratra sy ny tantara aho ka hanaporofo aminareo fa ny tsirairay avy amin'izy ireo dia marina ao amin'ny anjely tsirairay, ary ny anjely tsirairay dia nanana an'ilay Hazavana iray ihany. Marina izany. Ary eo anelanelan'ireo taona ireo mihitsy avy eo, no ho tonga io Anankiray lehibe io.

152 Mariho, ankehitriny dia misintona avy amin'io barikan-Diloilo lehibe io izy ireo, ilay Hazavana...ilay aina dia milòna ao anatin'i Kristy. Maty ianareo, ary ny fiainanareo dia miafina ao amin'i Kristy amin'ny alàlan'ny...na miafina ao amin'Andriamanitra amin'ny alàlan'i Kristy, ary voaisin'ny Fanahy Masina tombokase. Tsy misy fomba mihitsy hampanalavitra anareo avy eo. Ahoana no ahafahanareo manao an'izany? Tsy misy olona afaka hikasikasika anareo. Arehitry ny Fanahy Masina ny tendron'ny fiainanareo; oh, mandoro, manome Hazavana. Aiza no milòna ilay tendro hafa an'ny fiainanareo? Ao amin'i Kristy. Maty ianareo ary voaafina ao amin'i Kristy, ny Fanahy Masina, no misakana an'izany eo mba ahafahanareo...tsy ahafahan'ny devoly hikasika anareo. Amena! Afaka misiotsioka sy manao tabataba izy. Na dia ny fahafatesana izy tenany aza tsy afaka mikasika anareo, "O ry fahafatesana, aiza ny fanindronanao? Aiza ny fandresenao? Isaorana anie Andriamanitra izay manome antsika ny fandresena amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy Tompontsika."

153 Ny faran'ity andininy ity, ndao vakiantsika izany:

> ...*Ary rehefa nitodika, dia nahita fanaovan-jiro volamena fito aho;*
>
> *Ary teo afovoan'ireo fanaovan-jiro* volamena *fito nisy anankiray tahaka...ny Zanak'olona,...*

154 Oadray! Efa voamarikareo ve? Ireo kintana, fanaovan-jiro, fanilo. Inona no dikan'izany? Inona no dikan'io? Hoe ilay fizaram-potoana izay iainantsika dia andro alina, ireo labozia sy jiro ary kintana dia midika hoe alina. Ary inona no ataon'ny kintana iray? Mampitaratra ny hazavan'ny masoandro izy mandra-piverin'ny masoandro. Isaorana anie ny Anaran'ny Tompo! Ary ny mpitoritenin'Andriamanitra marina dia tsy mampitaratra jiro fanao am-paosy iray, tahon'afokasoka iray, akofa mirehitra iray; mampitaratra an'ireo taratra volamena an'i Kristy amin'ilay Fiangonana izy, hoe "Izy no tsy miova, ary velona Izy, ka mamiratra eo amiko Izy." Amena! Izany ilay Hazavana izay ampitarafiny. Mampitaratra ny hazavan'ny masoandro ny kintana, hitanareo, noho izany dia mampitaratra ny Hazavan'ilay Zanak'Andriamanitra isika. Manao an'ilay zavatra iray ihany izay Nataony, manome Hazavana. Karazana hazavana inona? Ny hazavan'ny Filazantsara amin'izy ireo.

155 Ankehitriny dia ndao isika handinika Azy lavidavitra kely fotsiny, raha maka ny sisa amin'ity andininy faha-13 ity isika:

> *Ary eo afovoan'ny* (izany hoe ilay ampovoany) *an'ireo fanaovan-jiro* volamena *nisy anankiray tahaka . . . ny Zanak'olona, niakanjo akanjo lava hatrany antongotra, ary* nisikina *fisikinam-bolamena teo amin'ny tratra.*

156 Ankehitriny ity no porofo amboniny hoe ity fotopampianarana ity dia marina mikasika ny hoe andron'ny Tompo izany. Efa voamarikareo ve Izy? Tsy mpisorona iray Izy nandritr'ity fotoana ity, tsy mpanjaka iray koa Izy, mpitsara iray Izy. Mariho, ny mpisorona iray, ny mpisoronabe iray, rehefa niditra tao amin'ilay toerana masina izy na niditra mba hitandrina, hiasa, dia namatotra ny tenany teo amin'ny valahany izy. Namatotra ny sikiny teo amin'ny valahana, nidika fa teo ampiasana izy; tsy namatotra an'izany teo amin'ny sorony mihitsy. Fa eto dia tonga Izy, mivoaka miaraka amin'ny sikina voafatotra eo amin'ny tampony, miaraka amin'ny samboady eo amin'ny Sorony; misikina eo amin'ny tratra, ny nono, miaraka amin'ny fisikinam-bolamena iray, misikina eo amin'ny ambony. Inona izany? Mpisolovava iray, mpitsara iray. Ilay mpitsara miaraka amin'ny samboadiny eo amin'ny sorony, misikina eto ambony eto, fa tsy eo ambany tahaka ny mpisorona iray. Hitanareo, izany no maneho fa tsy tao amin'ny Asam-pisoronany Izy ankehitriny, nandeha hatrany amin'ny andron'ny Tompo i Jaona ka nahita Azy tonga amin'ny maha-mpitsara.

157 Mino ve ianareo fa mpitsara iray Izy? Ndao isika hamaky ny Masindahy Jaona 5:22, haingana mihitsy, ho hitantsika raha mpitsara iray Izy na tsia. Masindahy Jaona 5:22:

> *Fa ny Ray tsy* mitsara *olona, fa* efa *napetrany tamin'ny Zanaka ny fitsarana rehetra:*

158 Marina ve izany? Izy no mpitsara, ilay Mpitsara Faratampony. Ary maneho i Jaona fa tsy tao amin'ny andron'ny Faminaniany Izy, tahaka ny mpaminany iray, tsy tao amin'ny andron'ny maha-mpanjaka Azy koa Izy, fa tao amin'ny andron'ny Tompo amin'ny maha-Mpitsara iray Izy. Ankehitriny, firy no mahafantatra fa ny mpisorona manao ny sikiny, ny tadiny manodidina ny valahany dia nidika fa tao amin'ny asa izy? Ny olona rehetra izay mamaky an'ireo Testamenta, izay mahafantatra ny Testamenta Taloha, dia mahafantatra an'izany. Rehefa misikina eto ny mpisorona iray, dia ao amin'ny asa izy, mpanompo iray izy. Fa nisikina teto ambony teto Izy, mpitsara iray.

159 Ndao isika hamaky lavidavitra kely:

> *. . . fisikinam-bolamena . . .* izay *. . . teo amin'ny tratra . . .*

160 Marina izany, eto ambony *eto*, Izy no Mpitsara.

Hamaky ny voninahitra fito sosona an'Ny Tenany isika. Oh, oadray! Manao ahy hikiakiaka ity alohan'ny ahatongavako eo amin'izany. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Mariho! Oh, tena zavatra iray mahafinaritra ity. Henoy fotsiny:

Ary *ny Lohany . . .*

161 Diniho ankehitriny, manana zavatra fito Izy, izay lazainy eto: ny Lohany, ny Volony, ny Masony, ny Tongony, ny Feony, . . . Zavatra fito izay Lazainy eto, ny voninahitra fito sosona an'i Jesosy Kristy. Mamelà ahy hamaky an'Izany:

> *Ny lohany sy ny* volony dia *fotsy* tahaka *ny volon'ondry, ary fotsy tahaka ny oram-panala; . . . ny masony dia . . . ny* lelan'*afo;*
>
> *. . . ny tongony tahaka . . . varahina manganohano, toy ny hoe* ilay izy dia nodorana *tao anatin'*ny *lafaoro afo; ary ny feony . . . ny feon'ny rano be.*
>
> *Ary* tao . . . *Ary nanana kintana fito izy teny an-tànany: ary avy teo amin'ny vavany* misy *sabatra maranitra roa lela: ary ny tarehiny dia* tahaka *ny masoandro* mamiratra *amin'*ny *heriny.*

162 Fahitana iray toy ny inona! Inona no hitany teto? Ilay Zanak'Andriamanitra nomem-boninahitra, ary maripamantarana iray. Ankehitriny, aoka isika—aoka ho vonona fotsiny isika ankehitriny.

163 Oh, oadray, nihevitra aho fa amin'ny sivy izao, vao amin'ny valo fotsiny izao. Tsy mbola nanomboka akory aho. Eny àry. Tsara izany. Ankehitriny, miala tsiny amin'ireto rahalahy mitsangana ireto, manao ahy hikorontan-tsaina ny mahita azy ireo mitsangana, hitanareo, satria fantatro fa marary ny ranjon'izy ireo. Raha nanana fomba iray fotsiny aho rahalahy, zavatra iray izay azoko natao, dia azo antoka fa ho nataoko izany. Ankehitriny, tiako ho azonareo tsara ity. Ary mitsangàna vetivety ary hamaly soa anareo betsaka anie Andriamanitra, izany no fivavako.

164 Ankehitriny—mariho ankehitriny, ny zavatra voalohany, mahamarika isika ankehitriny, ny Lohany sy ny Volony dia fotsy tahaka ny volon'ondry. Ny Lohany sy ny Volony dia fotsy tahaka ny volon'ondry. Ankehitriny, tsy midika izany fa antitra Izy, no nahatonga an'io. Tsy izany no anton'ilay izy. Tsy hoe Izy antitra no mahatonga an'io. Izy dia . . . Izany dia nohon'ny Traikefany sy ny fahaizany ary ny Fahendreny. Satria Mandrakizay Izy, ary ny Mandrakizay dia tsy manana taona. Azonareo ve?

165 Ndao isika hamadika aloha, ary isika dia—hanao sary Azy eto tahaka an'izao isika, ka hahita hoe inona Izy. Ankehitriny, ndao isika hamadika ao amin'ny Daniela 7:9, mandritry ny iray minitra fotsiny, mahita an'ilay sary iray ihany ianareo ao amin'ny Daniela rehefa tonga Izy tahaka . . . eto tamin'ny andro Fahagola. Ary saiky ny olona rehetra, mpahay Baiboly, dia

mahafantatra marina tokoa hoe mandroso mankaiza isika izao ankehitriny izao. Daniela 7, ary ny andininy faha-9; hanomboka eo amin'ny faha-8 aho:

> Ary *nodinihiko ilay* tandroka, *ka, indro, nipoitra ny*. . .*tandroka kely hafa iray, teo anoloany—teo anoloany dia nisy an'ireo tandroka telo voalohany nipoitra avy teo amin'ny fakany: ary, indro, tao amin'io tandroka io dia* nisy *maso tahaka*. . .ny *olona, sy vava miteny zavatra mihoa-pampana.*
>
> Ary *nijery aho* mandra-*pametraka an'ireo seza fiandrianana*,. . .

166 Henoy ankehitriny. Henoy tsara, ankehitriny. Afaka mandre ahy tsara mihitsy ve ianareo any aoriana? Manaova "Amena," raha afaka ianareo. Nanontany ny vadiko ery aoriana ery aho. Heveriko fa ity fanamafisam-peo eto ity dia. . .ity no tena mandeha eto, sa tsy izany? Ankehitriny, mikiakiaka mafy loatra aho eto, heveriko, eo amin'ity anankiray ity.

167 Eny àry, ankehitriny Daniela 7:9:

> Ary *nijery aho* mandra-*pametraka an'ireo seza fiandrianana, ka nipetraka ny Fahagolan'ny andro, ka ny* fitafiany *dia fotsy tahaka ny oram-panala, ary ny volon-dohany* dia *tahaka*. . .*volon'ondry madio:* (Fahagolan'ny andro.) . . .*ny seza fiandrianany dia tahaka* ny *lelan'afo, ary ny kodiany* dia *afo mirehitra.*
>
> Ary *afo*—ony *afo no nivoaka sy nandeha avy teo anatrehany:* ary arivo *arivo no nanompo azy, ary folo*. . . *alinalina no nitsangana teo anatrehany:* ary *nipetraka ny fitsarana, ka novelarina ireo boky.*

168 "Volo fotsy!" Ny rehetra. . .ny olona rehetra dia mahafantatra fa ireo mpitsara tranainy tamin'ny andro fahiny izany. Ohatra ireo mpitsara Anglisy dia nitondra solovolo fotsy toy ny oram-panala fahiny. Firy no mahatsiaro an'izany? Ireo mpitsara tranainy fahiny dia nitondra solovolo fotsy satria izy ireo dia. . .Ary eto Izy, maneho indray fa tao amin'ny andron'ny Tompo i Jaona, nahita Azy amin'ny maha-mpitsara izy. Amena! Tsy amin'ny maha-mpisorona, tsy amin'ny maha-mpanjaka, tsy amin'ny maha-mpaminany, fa amin'ny maha-mpitsara. Ny Ray (Izany dia Masindahy Jaona 5:22) dia nametraka ny fitsarana rehetra teo Aminy. Ary mpitsara Izy ankehitriny, tonga mba hitsara ny firenena. Oh amin'io andro io no ahitanareo Azy tahaka an'izany! Ny Volony dia fotsy tahaka ny oram-panala, nahita Azy nanatona ny Fahagolan'ny andro i Daniela. Diniho Izy mampifangaro an'ireo anankiroa ireo miaraka. Eny àry:

> . . .ary *nipetraka ny fitsarana, ka novelarina ireo boky.*
>
> Ary *nijery aho avy eo nohon'ny*. . .Ary *nijery aho avy eo nohon'ny feon'ireo—ireo teny mihoa-pampana izay*

*ilay tandroka*. . .(Tsia, eo amin'ny toerana tsy izy aho, sa tsy izany?)

169 Daniela 7:9, hia, eto isika izao:

. . .*ary ny kodiany*. . .

Ary *ony afo no nivoaka* nandroso *ary tonga*. . .*avy teo*. . .*aminy:* ary an'*alinalina no* tonga sy *nanompo azy*,. . .

Ary *nijery aho avy eo nohon'ny feon'ireo teny mihoapampana izay notenenin'ilay tandroka:* ary *nijery aho avy eo* mandra-*pamono an'ilay bibidia, ka ny vatany* dia *nolevonina, ary natao teo amin'ny—ny* lelan'afo *mirehitra*. (Ahm!)

*Raha ny amin'ny sisa amin'ireo bibidia, izy* rehetra *dia nanana ny fanapahany nesorina:* (izany dia ireo hery sy fanjakana Jentilisa rehetra izay hianjera) *kanefa nohalavaina ny fiainan'izy ireo mandra-pahalanin'ny vanim-potoana sy fotoana iray.*

Ary *nahita aho tamin'ny* fahitana *tamin'ny alina, ka, indro, nisy anankiray tahaka ny Zanak'olona* tonga tao amin'ny. . .*rahon'ny lanitra*,. . .(Ahoana no nahitantsika Azy tonga aninkeo maraina, ao amin'ny andininy faha-3? Tonga tao amin'ny rahon'ny lanitra, ilay Zanak'olona.) . . .*anankiray tahaka* ny *Zanak'olona* tonga tao amin'*ny rahon'ny lanitra, ary nanatona ny Fahagolan'ny andro* izy*, ary izy ireo nitondra azy* nanakaiky *teo anatrehany.*

*Ary nomena azy* ny *fanapahana, sy voninahitra, sy ny fanjakana,* ka *ny olona rehetra, firenena*,. . .*fiteny, dia hanompo azy:* io *fanapahana io dia fanapahana mandrakizay, izay tsy ho tapaka, ary ny fanjakany* dia. . .*ny fanjakany dia tsy ho rava.*

170 Manatona ny Fahagolan'ny andro izay fotsy tahaka ny volon'ondry ny volony. Ary nitodika i Jaona ka nahita anankiray tahaka ny Zanak'olona nitsangana teo afovoan'ireo fanaovanjiro volamena fito, niaraka tamin'ny volo fotsy toy ny oram-panala, ilay Mpitsara! Tsy nisikina nanodidina ny valahana, fa nisikina nanodidina ny tratra, eto ambony eto, mpitsara iray! Miaraka amin'ny samboadin'ny mpitsara eo amin'ny Sorony, Izy dia nitsangana niaraka tamin'ny sikina volamena iray, madio, masina, voadio, izay nihazona ny Fahamarinany. Ny Fisaronany! Voasarona tanteraka hatrany amin'ny tongotra Izy. Diniho ilay fanehoana fito sosona an'ny Tenany sy ny voninahiny.

171 Ankehitriny, mino aho, ny andininy faha-14:

*Ny* volony. . .*Ny lohany sy ny* volony dia *fotsy* tahaka *ny volon'ondry, fotsy tahaka ny oram-panala; ary ny masony dia*. . .*ny* lelan'*afo;*

172 Loha, volo; "ireo maso dia tahaka ny lelan'afo." Eritrereto izany! Ireo maso izay pahin'ny ranomason'olombelona fahiny, ankehitriny dia lasa lelan'afo. Mitsangana amin'ny fahatezerana Izy eo tahaka ny mpitsara tezitra iray. Nahoana no nandà Azy ianareo? Oh, ry mpanota, eritrereto io! Eritrereto izany, ry mambram-piangonana matimaty! Eritrereto izany, ry Katolika, Batista, Presbyterana, Pentekotista! Eritrereto izany, ry Katolika! Tsy maintsy nandeha nankany amin'ny pentekosta i Maria virijininareo ka nandray ny Fanahy Masina, ary nivembena sy nihetsika tahaka ny vehivavy mamo iray. Tsy maintsy nanana an'izany ilay tena renin'i Kristy talohan'ny namelàna azy nankany An-danitra. Ahoana no hahatongavanareo vehivavy any amin'ny zavatra ankoatr'izany? Eritrereto izany, ry lehilahy, ny tsirairay avy aminareo!

173 Ny volony, sy ireo masony izay pahin'ny ranomason'olombelona fahiny, kanefa tiako ianareo hanamarika zavatra mikasika an'ireo maso ireo. Raha mbola teto an-tany Izy, dia pahin'ny ranomaso tahaka ny olona iray izy ireo, satria nitomany Izy teo amin'ny fasan'i Lazarosy. Marina! Feno fangorahana; ny maha-olombelona Azy. Voatafy Izy, Izy no Andriamanitra voatafy tao anatin'ny maha-olombelona, mba hanaisotra ny fahotana. Kanefa tao ambadik'io maha-olombelona io, dia nanana zavatra iray Izy Taoriany izay afaka nijery avy hatrany ny tao anatin'ny fon'ny olona ary nahafantatra ny rehetra mikasika azy. Nahoana? Nisy zavatra Taoriany, kanefa voatafy tao anatin'ny nofo mety maty Izy.

174 Saingy tsy fantatr'izy ireo hoe iza izany. "Raha tsy mino ianareo," hoy Izy, "fa Izaho no Izy, dia ho faty ao amin'ny fahotanareo ianareo." Marina izany. "Raha tsy manao an'ireo asan'Ny Raiko Aho, amin'izay fotoana izay dia aza mino Ahy; fa raha manao an'ireo asan'Ny Raiko Aho, amin'izay fotoana izay dia minoa an'ireo asa raha tsy mety mino Ahy ianareo." Oh, toy ny ahoana no Niezahany nitondra ny Hafatra tamin'izy ireo, ny fanambarana. Afaka nijery avy hatrany ny tao anatin'ny fon'ny olona, nahafantatra ny rehetra mikasika azy. Toy ny ahoana no ieritreretako an'izany: Ireo maso izay nandoaka an'ireo tendrombohitra fahiny, nijery nanatrika ny fijaliana, ary afaka nitomany tahaka ny olona iray, kanefa afaka nandray ny Fanahin'Andriamanitra tao ambadik'io fahitan'olombelona teo io ka nahita ny zavatra rehetra; ireo zavatra izay nisy, ireo zavatra izay efa—efa nisy, ary ireo zavatra izay ho avy. Niteny mialoha ny farany hatrany amin'ny voalohany, izany no antony nisian'Andriamanitra tao ambadik'ireo mason'olombelona ireo. Avelao Andriamanitra hiditra ao amin'ny fiainanareo ka hifehy anareo, dia haneho aminareo an'ireo zavatra ho avy Izy. Satria tsy ianareo intsony izany, izany no Fanahy Masina ao anatin'ny fiainanareo ao mijery amin'ny alàlan'ireo maso mety maty mba hanambara zavatra.

175 Oh, voninahitra ho an'Andriamanitra! "Handatsaka Ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho, ka ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo haminany, ny zatovonareo hahita fahitana, ny lahiantitrareo hanonofy nofy." Haleloia! Indraindray dia tsy maintsy manao anareo hatory Izy mba Ahafahany mijery amin'ny alàlanareo, saingy azo antoka fa haneho aminareo matetika Izy. "Ny zatovonareo hahita fahitana, ny lahiantitrareo hanonofy nofy; eo amin'ireo Mpanompolahiko sy mpanompovaviko no Handatsahako Ny Fanahiko." Tsy hoe, "Eo amin'ireo Diakonako sy pasiterako, ary eo amin'Ny . . ." "Eo amin'izay maniry, eo amin'ny nofo rehetra, no Handatsahako Ny Fanahiko." Manontany ianareo hoe nahoana aho no mihiakiaka eo amin'izany, fa ho tonga ao anatin'ireto taom-piangonana ireto izany.

176 Oh, io Izy, ireo maso. Ary, tsarovy, indray andro any, ireo maso izay pahin'ny ranomaso ireo, hitsangana ao amin'ny fitsarana ireo maso ireo. Ankehitriny dia tahaka ny lelan'afo mandeha mandroso sy miverina manerana ny tany manontolo izy ireo, ary tsy misy zavatra mitranga raha tsy efa Fantany izany. Oh, oadray, raisim-peo izany. Mandeha mandroso sy miverina manerana ny tany mandinika ny hetsika tsirairay, mahafantatra ny eritreritra rehetra, mahafantatra ny zavatra rehetra izay ataonareo, ireo fisainan'ny fo, izay kasainareo hatao. Fantany ny rehetra mikasika an'izany. Fantany raha tia Azy ianareo. Fantany raha tsara ireo fikasanareo, hanompo Azy. Fantany ny rehetra mikasika an'izany. Ary ho inona izany rehefa mitsangana ianareo amin'izany andro izany rehefa mitanjaka eo Anatrehany ny fahotana tsirairay, ary mitsangana eo amin'ny Seza fiandrianana Fotsin'ny Fitsarana Izy?

177 Andriamanitra, afaho amin'io toerana io aho! Tsy tehahita an'io aho. Rehefa mandeha eo miaraka amin'ny afo manjelatra avy eo amin'ny Masony ny Andriamanitra tezitra iray, miaraka amin'ny fahamarinana, ilay solovolo fotsy eo amin'ny Lohany tahaka an'izao, ary ireo Masony manjelatra amin'ny afo mahafantatra ny eritreritra tsirairay an'ny fo, ary ny zavatra rehetra izay hany nokasainareo hatao. Afeno ao amin'ilay Vatolampin'ireo Taona izay nokapohina ho ahy aho! Ilay sakaiza fahiny dia zatra nihira hoe, "Rehefa mirehitra tanteraka ity izao tontolo izao ity, dia mijoroa eo akaikiko. Mijoroa eo akaikiko, ka aoka ny Tratranao ho ondako. Afeno ao amin'ilay Vatolampin'ireo Taona aho." Andriamanitra, tsy mila ny Fitsaranao aho. Izaho tsy mila Ny . . . Ny Famindramponao no tiako, Tompo. Omeo ahy ny Famindramponao, fa tsy ny Fitsaranao Marina. Omeo ahy ny Famindramponao. Tsy ireo Lalànao, tsy ny . . . Omeo famindrampo fotsiny aho, Tompo, izay ihany no azoko iangaviana. Tsy misy na inona na inona entiko eo an-tsandriko (tsy tsara aho, tsy misy dikany), eo amin'ny Hazo fijalianao fotsiny ihany no ifikirako. Tompo, izao ihany no fantatro: nisy Anankiray tonga naka ny toerako.

178 Diniho ny maha-olona fito sosona Azy an'ny Tenany ankehitriny, dia ho hitanareo izay Nataony.

> *Ny lohany* . . . dia *fotsy tahaka ny oram-panala;* tahaka ny volon'ondry, volo fotsy; *ary ny masony dia tahaka* . . . (ndao jerentsika) . . . *Ny lohany* . . . dia *fotsy tahaka* . . . *oram-panala; ary ny masony dia* . . . lelan'*afo;*
>
> *Ary ny tongony* dia *tahaka* . . . *varahina manganohano, tahaka* ny efa nodorana tao amin'ny *lafaoro;*

179 Diniho ankehitriny. Vao avy nahamarika isika teo amin'izay Nisaronany, fantatrareo. Diniho ankehitriny. Ny Lohany, ireo Masony, ankehitriny dia midina amin'ny Tongony tahaka ny varahina Izy. Diniho ilay fifanoherana eo amin'io sary eo io izay nahitan'i Jaona an'i Jesosy, sy izay nahitan'i Daniela an'ilay fanapahan'izao tontolo izao, ilay loha volamena sy ny sisa.

180 Jereo hoe inona io teo io, nitsangana teo, varahina. Inona no resahin'ny varahina? Miresaka fitsarana ny varahina, fitsarana Masina. Izany no maneho fa tonga eto amin'ny maha-Andriamanitra ny Tanjony feno, mba ho tonga nofo, ka maty ho antsika Izy ary nitondra an'ireo fitsaran'Andriamanitra, ny fitsarana Masina, ary nandray Fanjakana iray izay varahina, sy mafy, ary tsy azo hozongozonina. Tsy misy mafy kokoa noho ny varahina, ary tsy mbola nahita na inona na inona izay hanalefaka azy.

181 Fitsarana! Miresaka fitsarana Masina mandalo ny varahina. Jereo ilay menarana varahina tany an-efitra. Naneho inona io menarana varahina io? Naneho ny fahotana ilay menarana; saingy, satria varahina, dia efa nandalo teo amin'ny fahotana ny fitsarana.

182 Ankehitriny, mariho koa ireo andron'i Elia, rehefa nandà an'i Elia ho mpaminany izy ireo, io kofehy kely io, ilay taom-piangonana fahiny. Indray andro any dia hitondra aho ka haneho aminareo fa Isiraely dia efa nanana taom-piangonana fito, ihany koa, ary nanao tandindona marina tokoa an'ireto. Ary tao amin'ny taom-piangonan'izy ireo, tamin'ny andron'i Elia, dia nandà azy izy ireo ka nisy telo taona sy enim-bolana izay tsy nisy orana. Ary nilaza ilay mpaminany fahiny fa "tahaka ny varahina ireo lanitra," fitsarana Masina teo amin'ireo firenena nohon'ny fandàvana an'Andriamanitra ka nihaino an'i Jezebela.

183 Maneho fitsarana Masina ihany koa ny varahina teo amin'ny alitara izay namonoana an'ilay fanatitra, alitara varahina. Novonoina . . . Ireo fototra mihitsy dia varahina, ny fitsarana, nanitsaka ny famihazan-divay an'ny firehetan'Andriamanitra Izy ka nitondra ny fitsarantsika teo Aminy. Mamadiha ao amin'ny Apokalypsy 19:15, iray minitra fotsiny, ndao jerentsika izay Nataony. Ny Apokalypsy 19:15, ndao isika hamaky vetivety fotsiny raha afaka mahita an'izany aho. Hia, ndao isika

hanomboka eo amin'ny. . .ndao jerentsika, eo amin'ny andininy faha-12:

> *Ny masony dia. . .ny* lelan'*afo, ary teo amin'ny lohany* dia nisy diadema, *diadema maro; ary nanana anarana iray voasoratra izy, izay tsy nisy olona nahafantatra, afa-tsy. . .ny tenany.*
>
> *Ary niakanjo* ny *akanjo voalòna tao anaty rà izy: ary ny anarany* dia *natao hoe Ny Tenin'Andriamanitra.* (Ankehitriny, tsarovy, Ny Anarany dia tsy ny Tenin'Andriamanitra, Ny Anarany dia natao ho izany. Hitanareo?). . .*ny anarany* dia *natao hoe ny Tenin'Andriamanitra.*
>
> *Ary ireo tafiky. . .*ny *lanitra. . .ireo tafika izay tany an-danitra dia nanaraka azy teo ambonin'ny soavaly fotsy, niakanjo rongony madinika, fotsy sy madio.*
>
> *Ary misy sabatra maranitra iray mivoaka avy amin'ny vavany, izay hamelezany ny* firenena: *ary izy hanapaka azy ireo amin'ny tehim-by: ary izy* dia hanitsaka. . . (Inona io?). . .hanitsaka *ny famihazan-divay an'ny firehetan'*ny *fahatezeran'Andriamanitra Tsitoha.*

184 Inona no Nataony? Teo amintsika ny fahatezeran'Andriamanitra satria mpanota. Marina ve izany? Tsy misy anankiray afaka hamonjy ny tenany. Tsy misy na inona na inona azontsika hatao, isika rehetra dia "Teraka tamin'ny fahotana, notorotoronina tamin'ny heloka, tonga teto amin'izao tontolo izao niteny lainga." Ary inona no Nataony? Tonga teto an-tany Izy, Haleloia, ka nanitsaka an'ilay famihazam-boaloboka! Nararaka teo Aminy ny fahatezeran'Andriamanitra Tsitoha rehetra. "Ianao no mendrika, O ry Zanak'ondrin'Andriamanitra, satria novonoina Ianao." Naka ny fahotan'izao tontolo izao teo Aminy, ary nitondra ny fahotantsika Izy, ka nararak'Andriamanitra teo Aminy ny firehetan'ny Fahatezerany. "Ary Izy dia voalefona nohon'ny fahotantsika, notorotoroina nohon'ny helotsika, ny famaizana ho an'ny fiadanantsika no teo Aminy, ary tamin'ireo Dian-kapony no nahasitranana antsika." Tsy nisy olona iray maty tahaka an'io Lehilahy io mihitsy! Nijaly Izy hany ka nisaraka tao amin'ny Vatany ny rà sy ny rano. Ary teten-drà no nitete avy teo amin'ny Handriny talohan'ny Fahafatesany.

> *. . .ny famihazan-divay an'ny. . .fahatezerana. . . an'ny firehetana. . .an'Andriamanitra Tsitoha.*

185 Indray andro any ireo tongotra varahin'ny fahamarinana ireo (Voninahitra!), rehefa tonga amin'ny maha-mpitsara Izy, dia hanitsaka an'ilay antikristy Izy, sy ireo Fahavalony rehetra. Haleloia! Hitety ny tany miaraka amin'ny tehim-by eny an-Tànany Izy. Amena! Oh, mibebaha, ry sakaiza mpanota, raha mbola manana anjara iray hibebahana ianareo. Manandrana,

manala an'ilay izy ary mihevitra fa tantara kely iray fotsiny izay tsy hitranga izany. Hitranga izany! "Tsy afaka hitranga amiko fotsiny izany." Hitranga aminao izany!

186 Tongotra varahina, manitsaka an'ireo Fahavalony. Satria nijaly Izy ka nanitsaka ny famihazan-divay an'ny firehetan'Andriamanitra mba handoa ny fahotantsika. Nefa avy eo isika, kankana meloka, ory, mahantra araka ny mahaizy antsika, mampiakatra ny orona kelintsika ka mamaky karazana bokin'ny athé iray ary miezaka ny hihevitra fa "tsy misy Andriamanitra," ka manao hoe "tsy misy na inona na inona tahaka an'*ity,* ary tsy mety ho tonga ny fitsarana." Haka an'ireo tongotra varahina ireo Izy ka hanorotoro ny Fahavalony. Hanosihosy an'ilay antikristy Izy. Halainy ireo fiangonana mihemotra ireo ka hatsipiny any amin'ny Mandrakizay any izy ireo, any ho any ao anatin'ny afo mandevona iray izay handevona sy hamotika azy. Ary hanjaka eto an-tany Izy, Izy sy Ny Fiangonany mandrakizay. Voninahitra!

187 "Loha, fotsy tahaka ny volon'ondry," fahamarinana, traikefa, fahaiza-miteny, fahampiana, fahendrena. Azon-taona, fotsy, miteny fahendrena, antitra. Mahafantatra an'izay Ataony. Izy no—Izy no Loharanom-pahendrena. Izy no Loharanon'ny traikefa. Izy no Loharanon'ny zavatra tsara rehetra, noho izany dia Izy no voaseho ao amin'io anankiray tahaka ny Zanak'olona io, izay miakanjo miaraka amin'io volo fotsy mihantona midina io. Nahita Azy i Daniela an-jato taonany maro, fitonjato taona, ka nanao hoe, "Izy no Fahagolan'ny andro. Ary tonga tamin'ny hery ny anankiray tahaka ny Zanak'olona ka nanatona an'io Fahagolan'ny andro io, ka nipetraka ny fitsarana."

188 Ankehitriny dia te-hanontany zavatra aminareo fotsiny aho. Miresaka aminareo fiangonana matimaty aho. Nivoaka mba hitsena ny Tompo ireo virijiny folo, dimy tamin'izy ireo dia hendry, dimy adala; araka ny noraisintsika aninkeo maraina, io hazo natao grefy io. Ankehitriny, tsarovy, raha nivoaka mba hitsena an'Andriamanitra izy ireo . . . Diniho ankehitriny, hoy ny Baiboly hoe, "Novelarina ireo boky." Daniela 7:9, "Novelarina ireo boky." Izany no bokin'ny mpanota. "Ary novelarina ny boky iray hafa." Iza no tonga niaraka Taminy? Ilay Fiangonana avy tamin'ny Fampakarana. Oh! "An'alinaliny sy an'alinaliny no tonga niaraka Taminy ka nanompo Azy," Ny Vadiny, ny Ampakarina. Oh, voninahitra! Tonga niaraka Taminy ny Vadiny, ilay Fiangonana.

189 Nipetraka ny fitsarana, ary novelarina ireo boky. Ary novelarina ny boky iray hafa, dia ilay virijiny natory, ka notsaraina avy tao amin'ny boky arak'izany ny olona rehetra. Hangatahana ianareo hanome antony iray hoe nahoana ianareo no tsy nanao, ary ho inona amin'izay fotoana izay? Mahafantatra tsaratsara kokoa ianareo ankehitriny, mahafantatra tsaratsara kokoa ianareo. Mety tsy nahafantatra an'Izany ianareo tany

aloha, fa mahafantatra ianareo ankehitriny. Hitanareo? Raha saiky tsy voavonjy io marina io, dia aiza no hisy an'io olona mpanota sy tsy masina io? Ilay anankiray izay mandà, dia mahafantatra tsaratsara kokoa nefa mandà an'Izany avy eo. Aiza no hisy azy ireo? Ny Tongony tahaka ny varahina, fitsarana Masina.

190 Ankehitriny, ndao jerentsika, tsy ho ela isika dia. . . ho eo amin'ny faran'ilay pejy ankehitriny:

> . . . volo *tahaka ny volon'ondry,. . . ary ny masony dia. . .* lelan'*afo;*
>
> *Ary ny tongony tahaka—tongony tahaka. . . varahina,. . . nodorana tao anaty lafaoro; ary ny feony. . . feon'ny* rano *be.*

191 "Feon'ny rano be." Inona no asehon'ny rano? Raha tehandray naoty an'izany ianareo, dia mamadiha ao amin'ny Apokalypsy 17:15, dia ho hitanareo fa hoy ny Baiboly hoe, "Ny rano izay hitanao dia habetsahana, sy hamaroana, sy vahoaka, ary fiteny." Eny àry, "Feo." Zavatra iray mahatsiravina toy ny inona ho an'ny fanahy iray manara-driandrano eo amin'ny ranomasin'ny fiainana! Tsy misy mpanamory hitari-dàlana azy, very, mitsingevana miaraka amin'ny samonta, mandre ny fieron'ireo fivarinan-drano lehibe, ireo rian-drano. Ho zavatra iray mahatsiravina toy ny inona izany ho an'ny fanahy iray manara-driandrano. "Feon'ny rano be." Inona ny Feony? Ny fitsarana izany; ny feon'ireo mpitoriteny, tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, izay niantsoantso ny olona tao amin'ny taona tsirairay, mitsangana eo. Niantsoantso ny Feon'ny rano be, habetsahana sy hamaroana. Ny feon'ireo kintana fito eo an-Tànany ireo, ho an'ny taom-piangonana tsirairay, nitory ny batisan'ny Fanahy Masina, ny batisa amin'ny Anaran'i Jesosy, fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, ny herin'Andriamanitra, ny fitsanganan'i Kristy, ny Fihaviana Faharoa, fitsarana Masina. Mivoaka avy ao amin'ity anankiray izay tahaka ny Zanak'olona ity ny feon'ny rano be, rano be.

192 Ny tsy maintsy ho fantatra dia hoe nipetraka tao amin'ireo fivoriana ianareo ka nandre fa tokony hahitsy amin'Andriamanitra sy handray ny Fanahy Masina, ary fanahy iray manara-driandrano nandre an'io feo io niresaka tao amin'io fivoriana izay nipetrahanareo io, ary nandre an'ireo fitsaran'Andriamanitra voatory, nefa nandà an'Izany. Eo ambaninareo eo mihitsy ilay rian-drano lehibe, ireo fivarinan-drano lehibe izay hitondra anareo mankany amin'ny fiafaranareo Mandrakizay.

193 Feon'ny rano be, olona fahefatra ny Aminy. Feon'ny rano be. Ahoana no hanaovanareo an'izany nefa raisim-peo any amin'ny Voninahitra izany, rehefa raisim-peo ilay feo izao hariva izao? Raisim-peo ny feonareo. Raisim-peo ny eritreritrareo.

"Arak'izay sainin'ny olona ao am-pony, no maha-izy azy." Mariho, ny feonareo dia mafy kokoa any An-danitra noho ny . . . Ny tiako lazaina dia, ny fisainanareo dia mafy kokoa any An-danitra noho ny feonareo eto an-tany. Izany tokoa, izany izy. Mahafantatra ny fisainana sy ny eritreritry ny fo Andriamanitra, Fantany ny rehetra mikasika an'izany.

194 Hoy Izy tamin'ireo Fariseo hoe, "Ianareo mpihatsaravelatsihy, ahoana no ahafahanareo miteny zavatra tsara, nefa avy amin'ny habetsahan'ny avy ao am-po no itenenan'ny vava? Miantso Ahy hoe, 'Mpampianatra, tsara,' nefa Izaho dia mahafantatra, afaka mijery avy hatrany eo aminareo Aho ka mahita fa mpihatsaravelatsihy ianareo. Tsy izany no tianareo lazaina."

195 Oh, ho inona izany amin'io andro io rehefa mikotroka io feo avy ao amin'ny rano be io, nataon'ireo taom-piangonana maro?

196 Ankehitriny dia te-hanontany zavatra hafa aminareo aho. Mamelà ahy hilaza zavatra aminareo olona izay voavonjy, mamelà ahy hilaza an'ity aminareo.

197 Ankehitriny, ianareo fanahy manara-driandrano, ianareo mpanara-driandrano mahantra izay manara-driandrano eo amin'io fivarinan-drano lehibe any io, mitandrema tsara. Ho zavatra iray mahatsiravina izany rehefa fantatrareo fa tsy misy famonjena ho anareo amin'izany fotoana izany. Tsy azo vonjena intsony ianareo amin'izay fotoana izay, fantatrareo fa mipetraka eo anoloanareo mihitsy ny fiafaranareo. Rehefa fantatrareo fa afaka minitra vitsy dia handre an'io Feo io ianareo miteny hoe, "Mialà Amiko, ianareo mpanao meloka, hankany amin'ny afo mandrakizay izay nomanina ho an'ny devoly sy ireo anjeliny." Hahafantatra ianareo rehefa mandre an'ireo rian-drano lehibe mierona an'ireo feon'ireo fivoriana ireo, raha mandalo amin'io ianareo. Oh, zavatra iray mahatsiravina toy ny inona, nofy ratsy iray toy ny inona! Aza avela hitranga aminareo izany, ry olona. Mibebaha, aoka hahitsy amin'Andriamanitra ankehitriny, raha mbola afaka hahitsy ianareo.

198 Ankehitriny dia te-hanontany zavatra hafa iray aminareo aho. Inona no mamy kokoa ho an'ny olona iray izay mififikitra, mandrimandry eo ambanin'ny hazo maitso lalandava, mandre ny renirano manonjanonja? Oh! Izany ilay Fiangonana mipetraka ao amin'ny toeran-danitra miaraka amin'ny Feon'Andriamanitra manonjanonja moramora ary miresaka amin'izy ireo amin'izany fotoana izany. Hitanareo ve hoe inona izany? Izany dia fanamelohana iray ho an'ilay mpanota, ary fitahiana iray ho an'ilay voavonjy. Ny olona iray izay mampififikitra am-pahatokiana ny sambony eo amin'i Jesosy Kristy Vatolampy, ka mipetraka fotsiny sy mihaino, toy ny ahoana no ahafahany mitsahatra! Midìra ao amin'io fitsaharana io.

199 Toy ny ahoana no itiavako mandeha eo amin'izay misy rano mandeha. Raha mba mandeha manjono izahay na inona, dia mazàna aho ny miezaka hahita toerana iray ho ahy izay misy an'ireo rano manonjanonja, satria manao anareo hitsahatra fotsiny izany. Mandre azy miresaka fotsiny mandritry ny alina manontolo ianareo. Oh, oadray!

200 Tsy tsara tarehy ve rehefa afaka mampifikitra marina tokoa ny fanahinareo ao amin'i Kristy ianareo, ao amin'ny toerana iray tahaka an'izany hany ka afaka hipetraka tsara eo Anatrehany ianareo? Ary mandre Ny Feony miresaka aminareo hoe, "Izaho no Tompo izay manasitrana anao. Izaho no Tompo izay manome anao Fiainana Mandrakizay. Tiako ianao. Fantatro ianao talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Napetrako teo amin'ny Boky ny anaranao, Ahy ianao. Aza matahotra, Izaho ity. Aza matahotra, momba anao Aho." Noho izany dia mihira aho hoe:

> Nampifikitra ny fanahiko teo amin'ny seranan'ny fitsaharana iray aho,
> Tsy hisosa eo amin'ireo ranomasina masiaka intsony aho;
> Mety mitroatra eo amin'ilay tafio-drivotra masiaka, lalina ny rivo-doza;
> Fa voaaro mandrakizay ao amin'i Jesosy aho.

201 Tsarovy, ilay tena Feo izay miteny mamy aminareo mihitsy, no hanameloka ny mpanota. Ilay tena safo-drano izay namonjy an'i Noa mihitsy, no nandrava ny mpanota. Hitanareo ve izay tiako lazaina? Ny feon'ny rano be.

202 Diniho ankehitriny, "Volo tahaka ny volon'ondry, ary maso tahaka ny lelan'afo, tongotra tahaka ny varahina, ary feon'ny rano be."

> *Ary nanana kintana fito teny an-tànany ankavanana izy:. . .*

203 "Kintana fito." Ankehitriny dia ndao raisintsika ny andininy faha-20 eto mihitsy:

> Dia *ny zava-miafina ny amin'ny kintana fito izay efa hitanao teny an-tànako ankavanana, sy ny fanaovan-jiro volamena fito. Ny kintana fito dia anjely* fito (na iraka fito, mpitoriteny fito) *an'ny fiangonana fito: ary ny fanaovan-jiro fito* izay *efa hitanao dia ireo fiangonana fito.*

204 Mandika an'izany ho azy Izy mba ho azo antoka fa tsy misy fahadisoana. Anjely iray ho an'ny taom-piangonana tsirairay. Oh, ho tsara tarehy izany, amin'ity herinandro ity, rehefa miverina any ao amin'ny tantara isika ka maka an'ireo anjely ireo sy mahita an'ilay tena asam-panompoana izay nananan'izy ireo mihitsy. Nanana an'ilay asam-panompoana iray ihany izy

ireo. Ilay iray ihany marina tokoa nanerana ny taona rehetra tao amin'ity Fiangonana kely ity.

205 Fotoana vitsy lasa izay, hoy ny olona iray hoe, "Fantatrao, ny fiangonana Katolika, misy fiteny tsara iray, hoe, 'Izany no tena fiangonana satria nijoro nandritry ny taona rehetra izy.'"

206 Hoy aho hoe, "Tsy zava-miafina izany, satria nanana ny governemanta rehetra sy ny zavatra hafa rehetra taoriany izy, ary toy ny ahoana no nijoroany sy nisedrany an'ireo tafio-drivotra. Fa ny zava-miafina ho ahy dia ny hoe ahoana io havitsiana kely, bitika io no afaka nisedra an'ilay tafio-drivotra, izay notsofaina nisaraka, sy natsipy ho an'ny liona, sy napetraka teo ambonin'ny fitondra-marary, ary lany, sy nodorana, ary tamin'ny alàlan'ny liona. . . ary novonoina sy ny zavatra hafa rehetra, ary ahoana fa nahari-miaina an'izany izy ireo." Izany no maneho fa niaraka tamin'izy ireo ny tànan'Andriamanitra. Izay ihany. Ary hatramin'ny androany dia mbola mirehitra foana ny Hazavany. Amena! Eny, tompoko!

207 Ankehitriny, "Ny kintana fito izay teo an-Tànako ankavanana." Nanana kintana fito teo an-Tànany ankavanana Izy, izay midika hoe ireo mpitoritenin'ny taona fito. Oh, izany dia—tsara tarehy izany. Ahoana fa miverina isika ary maka an'ilay—ilay mpitoriteny izay nitondra ny Hafatra ho an'ny fiangonan'i Efesosy. Ary ilay mpitoriteny izay nitondra ny Hafatra sy nihazona an'Izany hatramin'ny fahafatesana, hatrany amin'ny fiangonan'i Smyrna mihitsy, sy hatrany amin'ny fiangonan'i Pergamosy, ny Tyatira, ary manohy manerana ny taona, hatrany amin'ity taona ankehitriny ity mihitsy aza. Ireo mpitoriteny izay nitahiry sy nitondra ny Hazavana, ary nihazona an'Izany indray tahaka an'ilay tany am-piandohana tany amin'ny voalohany, ary nitondra ny Hazavana tamin'ny alàlany.

208 "Nihazona azy ireo teo an-Tànany ankavanana Izy." Eritrereto! Ny tànana ankavanana dia tsy midika marina loatra toy ny hoe Kristy mipetraka eo an-tànana ankavanan'Andriamanitra. Izany dia tsy midika hoe manana tànana ankavanana iray Andriamanitra, satria Andriamanitra dia Fanahy iray. Fa Kristy no tànana ankavanan'ny hery. Ny olona tànana ankavananareo, ilay sakaiza—sakaiza izay mitsangana eo akaikinareo, ilay akaiky anareo indrindra.

209 Ary, tsarovy, ireo kintana fito dia teo an-Tànany ankavanana. Eritrereto fotsiny, izy ireo dia nisintona ny herinarany, ny Hazavany avy Taminy. Teo ambanin'ny Fifehezany manontolo izy ireo, teo an-Tànany ankavanana. Oh! ny mpanompon'Andriamanitra marina rehetra dia tahaka an'izany. Voatahiry teo. . . Iza no afaka handratra azy ireo? Iza no afaka handratra azy ireo? Tahaka ny niantsoantsoan'ny iray tamin'ireo anjely tany tamin'ny voalohany. Tsarovy fa ny *anjely* dia midika hoe "iraka." Hiditra ao amin'ireo zavatra

lalina kokoa ireo isika any aoriana amin'ny herinandro. Ny *anjely* dia midika hoe "iraka." Ary hoy izy hoe, "Iza no afaka hampisaraka antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra izay ao amin'i Kristy? Afaka ve ny aretina? Afaka ve ny loza? Afaka ve ny fitanjahana? Afaka ve ny sabatra? Afaka ve ny fahafatesana? Resy lahatra aho" hoy i Paoly, "fa tsy misy na inona na inona afaka hampisaraka antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra izay ao amin'i Kristy," satria voatolotra tanteraka eo an-Tànany ankavanana isika.

210 Hoy ny olona iray hoe, "Holy-roller! Holy-roller!" Tsy manelingelina azy ireo izany na kely aza. "Mpivavaka fanatika iray ianareo!" Tsy mihaino an'izany akory aza izy ireo. Voatolotra tanteraka izy ireo ary misintona ny Ainy avy eo amin'ny Sandriny ankavanan'ny hery, mampitaratra Ny Hazavany amin'ny fahamoram-panahy, sy fahatsaram-panahy, sy fahalemem-panahy, sy faharetana; ireo famantarana, sy fahagagana, ary zava-mahagaga. Avelao izao tontolo izao hiantso an'Izany hoe "mosavy," na inona na inona tian'izy ireo iantsoana, tsy manao fahasamihafana amintsika izany, satria fantatsika fa voatolotra isika ary eo an-Tànany ankavanana. Tsy mahafinaritra ve izany? Oadray!

211 Ankehitriny ndao isika handeha haingana, satria tsy tianay ny handreraka anareo. "Eo an-Tànany ankavanana, kintana fito."

212 Ankehitriny ny fanehoana fahafito sy farany ny amin'ny Tenany:

> . . .*ary mivoaka avy eo amin'ny vavany* misy *sabatra roa lela maranitra iray:*. . .

Ny tiako lazaina, izany ilay fahenina.

> . . .*mivoaka avy eo amin'ny vavany* misy *sabatra roa lela maranitra iray:*. . .

213 Ankehitriny, Feon'ny rano be, ary mivoaka avy eo amin'ny Vavany. . .Teo an-Tànany ankavanana dia nanana an'ireo kintana Izy.

> . . .*ary mivoaka avy eo amin'ny vavany* misy *sabatra roa lela maranitra iray:*. . .

214 Ankehitriny, fantatrareo ve hoe inona ny sabatra roa lela maranitra ao amin'ny Baiboly? Ndao dinihintsika fotsiny izany mba hahafantaranareo. Raiso ny Hebreo 4:2, pejy iray na roa aoriana fotsiny mihitsy dia ho hitanareo izany, hitanareo. Hebreo dia ao ambadiky ny Apokalypsy fotsiny eto; Joda, ary avy eo ny Hebreo. Ankehitriny, raiso tsara ilay izy ankehitriny. Na. . .Hebreo, ny toko faha-4-n'ny Hebreo, eo isika izao. Eny àry, Hebreo ny toko faha-4 ary ny andininy faha-12:

> *Fa ny tenin'Andriamanitra dia* velona, *sy* mbola *mahery, ary maranitra noho ny sabatra roa lela,*

*manindrona hatramin'ny fampisarahana* ny *aina sy* ny *fanahy, ary ny tonona sy* ny *tsoka, ary mpamantatra ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo.*

215 Nefa avy eo izy ireo dia miantso anareo hoe "mpamaky fisainana." Izany no Tenin'Andriamanitra tonga voaseho ao amin'Ny Fiangonany! Maranitra noho ny sabatra roa lela. Hono ho'aho, sendra nieritreritra zavatra hafa iray aho eo. Tsy fantatro na voasoratro ny Sora-. . . Raiso ny Apokalypsy 19, iray minitra fotsiny. Ndao alaintsika indray ity, heveriko fa marina izany. Izaho angamba . . . Apokalypsy 19, eo amin'ny 11:

> *Ary nahita ny* lanitra *nisokatra aho, ka indro soavaly fotsy iray;* . . . (Indro tonga indray ny fotsy, fitsarana.) . . . *ary izay nipetraka teo* amboniny *dia nantsoina hoe Mahatoky sy Marina, ary amin'ny fahamarinana* no *izy . . . itsarany sy iadiany.* (Fantatrareo hoe iza io, sa tsy izany? Eny àry.)
>
> *Ny masony dia . . . ny* lelan'*afo,* . . . (Iza Izy?) . . . *ary teo amin'ny lohany* nisy . . . *diadema;* . . . (Ah-oh. Tonga ao amin'ny fanjakana Izy ankehitriny.) . . . *ary izy nanana . . . ary—ary izy nanana anarana iray voasoratra, izay tsy misy olona mahafantatra, afa-tsy . . . ny tenany.*
>
> *Ary niakanjo akanjo nalòna tao anaty rà izy: ary ny anarany dia atao hoe Ny Tenin'Andriamanitra.*

216 Inona no nivoaka avy teo amin'ny Vavany? Inona no nivoaka? Ilay mpitaingin-tsoavaly fotsy. Ary Apokalypsy, ihany koa, 7, rehefa . . . Mino aho fa ny 8. Rehefa ilay soavaly fotsy . . . tsia, ny 6 ilay izy. Rehefa nivoaka ilay mpitaingin-tsoavaly fotsy, Izy dia nomena tsi—tsipìka iray, mba haharesy sy haharesy.

217 Ary sabatra iray no nivoaka avy teo amin'ny Vavany. Inona Izy? Ilay mpitaingin-tsoavaly fotsin'ny Apokalypsy. Mariho ilay sabatra. "Mivoaka avy eo amin'ny Vavany dia misy sabatra roa lela maranitra," ny Teny. Ary, farany, amin'ny alàlan'Ny Teniny, rehefa tonga voaseho tamin'ireo zanak'Andriamanitra rehetra Izany, dia hanitsaka ny firenena rehetra amin'Ny Teniny Izy, amin'ny alàlan'io sabatra maranitra io. Jereo izay nitranga eto, raha mandray an'izany isika:

> *Ary . . . ny tànany ankavanana . . . ary mivoaka avy eo amin'ny vavany ny sabatra roa lela maranitra iray: ary ny* tarehiny *dia* tahaka *ny masoandro* mamiratra *amin'*ny *heriny.*

218 "Sabatra roa lela maranitra iray." Inona no nivoaka avy teo amin'ny vavan'ity olona ity? Ny Tenin'Andriamanitra. Sabatra roa lela maranitra iray izany. Inona no nataon'izany? Mamantatra ny eritreritry ny fo, ireo fisainana; mandeha lalina kokoa noho ny sakafo aza, ny nofo, ireo selan-drà, mankany amin'ny taolana, midina mankany amin'ny tsokan'ny taolana, any ankoatran'izany mihitsy aza, mpamantatra ny

eritreritra sy ny fisainan'ny fo mihitsy aza. Izany no ataon'ny Tenin'Andriamanitra.

219 "Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina teo anivontsika." Ary ankehitriny dia tonga nofo ao amin'Ny Fiangonany ny Teny, monina eo anivontsika. Ireo Anjeliny eo an-Tànany, manompo. Miankina amin'Ny Fiangonany Andriamanitra. Miankina amintsika an'ity taona ity Andriamanitra mba hitondra an'ity Hazavan'ny Filazantsara ity eo amin'ny tontolo iray eo am-pahafatesana, voafatotry ny fanompoan-tsampy, nentin-drazana. Mametraka ny enta-mavesatra eo amiko sy ianareo Andriamanitra. Loza ho antsika raha maty tsy mahafantatra ny mpanompo sampy. Oh, nitondra famakiana izy ireo, soratra, sy aritmetika, sy boky kelim-pivavahana vitsivitsy, nefa tsy nanao afa-tsy andiana proselyta fotsiny izy ireo. Ny tiako lazaina dia ny Filazantsara! Ny Filazantsara dia tsy ny Teny fotsiny ihany. Paoly no niteny an'izany. Hoy i Paoly hoe, "Ny Filazantsara dia tsy tonga tamintsika tamin'ny alàlan'ny Teny fotsiny ihany, fa tonga voaseho io Teny io." Rehefa ny Teny, amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, no . . . Ny Teny dia ambolena ao anatin'ny fo izay manana ny Fanahy Masina ka mamokatra an'izay lazain'ny Teny fa Hovokariny. Ary ny Teny dia afaka mamantatra ny eritreritry ny fo! Voninahitra! Oh, oadray! Oh! Mpamantatra ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo, ny Teny izany.

220 Mivoaka avy eo amin'ny Vavany, sabatra roa lela maranitra, mamoha an'ireo mpanompo sampy. Tsy maintsy hisy zavatra hitranga indray andro any. Eny! Ny Tenin'Andriamanitra, Ny Anarany dia ny Tenin'Andriamanitra, ny Teny tonga voaseho. Jereo, hoy Jesosy hoe, "Mandehana mankany amin'izao tontolo rehetra izao," Marka 16, Ny Fiarahabany farany ho an'ny fiangonana alohan'ny Iverenany mba hanambara ny Tenany ao amin'ny taom-piangonana. Naniraka an'ilay Fiangonana Izy hoe, "Mandehana mankany amin'izao tontolo rehetra izao ka mitoria ny Filazantsara amin'ny olombelona rehetra." Inona? Mitoria ny Filazantsara. Marka 16, "Mitoria ny Filazantsara amin'ny olombelona rehetra." Inona izany? Amin'ny teny hafa, "asehoy ny herin'ny Fanahy Masina," tsy maintsy ho izany.

221 Diniho ankehitriny, "amin'ny rehetra . . . " Tsy mampianatra ny Teny fotsiny; tsy nilaza mihitsy Izy hoe, "Mandehana mampianatra ny Teny." Hoy Izy hoe, "Mandehana mitory ny Filazantsara." Tsy hoe mampianatra ny Teny, mitory ny Filazantsara. "Ary izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino an'ity Filazantsara ity; handroaka devoly amin'Ny Anarako izy ireo, hiteny amin'ny fiteny vaovao izy ireo, raha handray menarana izy ireo na hisotro zava-mahafaty dia tsy hampaninona azy ireo izany; raha mametra-tànana amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny."

222 "Dia lasa izy ireo," hoy ny Soratra, "nitory hatraiza hatraiza; niara-niasa tamin'izy ireo ny Tompo, nanamarina ny Teny

tamin'ireo famantarana nanaraka." Izany ny Filazantsara, ny Filazantsara eo am-panehoana.

223 Hatraiza no hanarahan'ireo famantarana ireo? Hatramin'ny fiafaran'izao tontolo izao, ho an'ny taona tsirairay. Misy an'io havitsiana kely io mivoaka, mihazona an'io Hazavana io. Tsy mahagaga raha hoy i Jesosy hoe, "Aza matahotra, ry ondry vitsy, fa sitraky ny Rainareo tsara ny hanome anareo ny Fanjakana." Ilay ondry vitsy; ilay havitsiana foana, fa tsy ilay maro an'isa.

224 Eny àry, ankehitriny dia andalana iray amboniny. Ary nalaintsika ny faha-20, noho izany dia ndao isika hijery eto amin'ity andininy eto ity. Ankehitriny ny faha-16:

> *Ary nanana kintana fito izy teny an-tànany:. . .*

225 Ankehitriny ndao alaintsika ny . . . ary ny . . . ny Tarehiny:

> *. . .mivoaka avy eo amin'ny vavany* misy *sabatra roa lela maranitra iray: ary ny* tarehiny *dia* tahaka *ny masoandro* mamiratra *amin'*ny *heriny.*

226 Raha mamadika ianareo ao . . . ndao jerentsika, Matio 17. Ndao alaintsika avy hatrany mihitsy izany eto raha mbola eo amin'izany isika; noho izany dia andalovantsika fotsiny izany, ary maro amin'ireo olona izay maka an'izany, mamela . . . na mandray naoty an'izany, dia havelantsika fotsiny izy ireo hamaky an'izany mba hahafantarantsika.

227 Matio 17, eny àry:

> *. . .afaka enina andro Jesosy dia* nitondra *an'i Petera, Jakoba, ary Jaona . . .*teny amin'ny *tendrombohitra avo mba hitokana,*
>
> *Ary niova tarehy teo anatrehan'izy ireo: ka ny tavany dia namirapiratra tahaka ny masoandro, ary ny fitafiany dia fotsy tahaka ny mazava.*

228 Novaina Izy. Inona no Nataony? Nampiditra ny Tenany tao anatin'ny fiovàna, nankao amin'ny andron'ny Fihaviany. Diniho ankehitriny, ora vitsy talohan'io fotsiny, dia nanao an'ity filazana eto ity Jesosy ao amin'ilay toko manaraka hoe, "Lazaiko aminareo marina tokoa, fa ny sasany mitsangana eto . . . " Firy no mahafantatra an'izay ho lazaiko? "Ny sasany izay mitsangana eto dia tsy ho lasa, tsy ho faty, mandra-pahitany ny Zanak'olona avy amin'ny Voninahitra." Marina ve izany? Ary Izy dia nitondra an'i Petera, Jakoba, ary Jaona, ireo vavolombelona telo, satria ao amin'ny Testamenta Taloha ny zavatra rehetra, ny teny kely tsirairay, dia voaorina amin'ny alàlan'ny vavolombelona telo, ary nitondra azy ireo teny an-tendrombohitra.

229 Mariho izay tonga voalohany. Oh, tsy afaka mijanona eto fotsiny mihitsy aho, tsy maintsy maka an'ity aho. Jereo! Inona no zavatra voalohany hitan'izy ireo? Nentin'izy ireo niakatra teny an-tendrombohitra Jesosy . . . na Izy no nitondra azy ireo niakatra, ary niova tarehy teo anatrehan'izy ireo Izy, niova. Ny

Fitafiany namirapiratra tahaka ny masoandro eo afovoan'ny heriny, ary niseho Taminy teo i Mosesy sy Elia. Amin'ny endrika inona no ahatongavan'ny Zanak'olona ankehitriny? Ary voalohany, hiseho, hisy an'i Mosesy sy Elia.

230 Ankehitriny, mariho, alohan'ny iverenan'i Jesosy eto an-tany. . . Ankehitriny, ity dia aloha kelin'ny fotoana, fa ny Fanahin'i Elia dia hiverina eto an-tany ka hamerina ny fon'ny zanaka ho amin'ny ray. Ny Baiboly no niteny an'izany. Nahita azy Jesosy eto, nahita azy ireo apostoly eto, ny filaharan'ny fihavian'ny Zanak'olona nomem-boninahitra. Tsy maintsy homem-boninahitra Izy ary miverina. Ny zavatra voalohany, talohan'ny nahitan'izy ireo Azy, dia iza? Elia. Avy eo iza? Mosesy; miverina i Isiraely any, ireo mpitandrina lalàna. Ary avy eo ilay Zanak'olona nomem-boninahitra. Haleloia! Hitanareo ve ny filaharan'ny Fihaviany? Ny Fanahin'i Elia, na ilay vavolombelon'ny taom-piangonana farany. Hitanareo, tonga amin'ny hery mba haneho Azy.

231 Avy eo dia ireo Jiosy efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy mba hiangona eo amin'ny Tendrombohitra Sinay, izay mahalasa ny Isiraely ho firenena iray izy tenany; ilay firenena tranainy indrindra eto amin'izao tontolo izao, ilay saina tranainy indrindra eto amin'izao tontolo izao; dia manana ny fireneny manokana, ny sainany manokana, ny tafiny manokana, ny volany manokana, ary ny zavatra hafa rehetra. Iray amin'ireo mpikamban'ny ligin'ny firenena izy ireo satria firenena iray izy ireo. Nilaza Jesosy fa tsy ho lavina mihitsy izy ireo mandra-pahatanteraky ny zavatra rehetra.

232 Ny fahagagana ny amin'ny hoe ahoana io andiana Jiosy io, nenjehina hatraiza hatraiza, sy nolavina, sy noroahina ary natosika, tahaka an'ilay Fiangonana nanerana an'ireo taonan'ny fandàvana ireo, kanefa hoy Jesosy hoe, "Rehefa hitanareo mamoaka ny tsimony ny hazo aviavy, io firenena io miverina mba ho firenena iray indray, dia antomotra ny andro, eo am-baravarana mihitsy aza. Lazaiko aminareo marina tokoa, Tsy ho lany ity taranaka ity mandra-pahatanteraky ny zavatra rehetra." Ity fisintonana ity. . . Tsy ho lany io vahoaka io. Nanandrana namono azy ireo i Hitler, nanandrana namono azy ireo i Mussolini, nanandrana namono azy ireo i Staline, ny olona hafa rehetra, saingy tsy hisy tsiny mihitsy izy ireo, na ho fongana eto an-tany, ho vahoaka iray izy ireo ary firenena iray mitsangana any. Amena!

233 Ho tonga i Mosesy sy Elia. Oh! Antenaiko fa azonareo ilay izy.

234 Eny àry, "Masoandro mamiratra amin'ny heriny," ny Tarehiny, niova, niova tarehy. Zavatra iray hafa ankehitriny, ao amin'ny Apokalypsy 21:23, raha tianareo ny handray naoty an'izany. Ao amin'ilay Jerosalema Vaovao, 21:23, Izy no Zanak'ondry izay ao amin'ilay Tanàna, izany no Hazavany,

mamiratra; satria tsy nila jiro izy ireo tao amin'ilay Tanàna, tsy hiposaka ny masoandro ao anatiny, satria ny Zanak'ondry izay eo afovoan'ilay Tanàna no ho Hazavany. Ary ireo firenena izay voavonjy dia handeha ao amin'ny Hazavan'ny Zanak'ondry! Amena! Izy no Hazavan'ny Zanak'ondry. Oh, tsy faly ve ianareo mikasika an'izany?

235 Tsy izany ihany, fa Izy koa dia, ao amin'ny fihaviana (Jaona dia nahita Azy tamin'ny andron'ny Tompo), ny Masoandron'ny fahamarinana. Ndao isika handeha ao amin'ny Malakia. Malakia, ilay mpaminany farany an'ny Testamenta Taloha. Malakia, ny toko faha-4.

236 Manana tantara kely iray ho lazaina aho mikasika ny vadiko sarobidy mipetraka ery aoriana ery. Nanome azy fotoantsarotra iray aho talohan'ny nivadianay, niezaka ny nanarina an'izany aho taorian'ny nivadianay. Ary tsy fantatro raha tehanambady indray aho na tsia, ary noho izany dia torotoro tanteraka izy. Ary nihevitra aho fa zazavavy iray tsara loatra izy ka havela handeha fotsiny, hamela lehilahy tsara iray hanambady azy izay hikarakara azy. Dia nihevitra aho fa tsy mendrika an'izany akory aza aho; ary tsy mendrika aho, ny fahatsaram-panahiny, na ahoana na ahoana. Noho izany dia torotoro tanteraka izy ka tsy nahafantatra an'izay hatao. Efa taona maro lasa izany, teo amin'ny roapolo taona lasa teo. Tena torotoro izy, nanomboka nitomany andro aman'alina izy. Ary niezaka aho ny hisaraka aminy, tsy hoe satria tsy tiako izy, fa satria tsy te-haka ny fotoany aho; satria, navelako hahita olona iray izy, olona tsara iray, satria zazavavy tsara loatra izy ka havela handeha tahaka an'izany fotsiny, nefa aho haka... handeha hiaraka aminy fotsiny sy ny sisa tahaka an'izany. Ary izaho—nihevitra aho fa tia ahy izy, ary fantatro fa tiako izy. Noho izany dia nieritreritra aho hoe, "Eny, hiezaka fotsiny aho mba...Haka daty iray hiaraka amin'ny zazavavy hafa iray aho ary hivoaka, ka hanao azy hahatsapa ratsy mikasika ahy." Saiky namono azy aho, halako mafy mihitsy ilay izy taorian'izany; torotoro tanteraka izy. Niteny taminy aho, hoy aho hoe, "Zazavavy iray tsara loatra ianao, izaho—tsy te-haka ny fotoanao tahaka an'izao aho."

237 Dia hoy izy hoe, "Saingy izaho—tiako fotsiny *ianao,* ry Bill, ary izany ilay hany tokana izay azoko tiavina." Hoy izy, "Izaho—efa tianao foana aho."

Hoy aho hoe, "Izaho—mankasitraka an'izany aho. Saingy," hoy aho, "fantatrao," hoy aho, "mpitoka-monina aho." Hoy aho hoe, "Izaho dia—hiaina tahaka ny mpitoka-monina fotsiny aho. Hitanao, izaho—tsy hanambady mihitsy aho."

238 Fa tena nifikitra teo amin'izany izy, fantatrareo, vehivavy kely mampalahelo. Ary nandeha nankeo amin'ilay—ilay tranoheva izy. Ary nandeha teo izy, ka nandohalika, ary hoy izy hoe, "Tompo, tsy fantatro izay hatao. Izaho—tsy tiako ny

tsy hankatò Anao, kanefa tiako i Bill, ary tsy fantatro izay hatao. Tompo, hanome ahy fiononana kely fotsiny ve Ianao? Hanampy ahy kely fotsiny ve Ianao? Tsy mbola nangataka an'izao Taminao mihitsy aho tany aloha teo amin'ny fiainako, Tompo, ary manantena aho fa tsy tokony hangataka Aminao intsony indray," hoy izy hoe, "fa raha hanampy ahy fotsiny Ianao, ka hamela ahy hanokatra an'ity Baiboly ity, ary hanome ahy Soratra iray Ianao. Efa nandre olona aho nilaza fa efa nanao an'izany Ianao." Ary rehefa nosokafany izany, dia Malakia 4 ilay izy:

> *Indro, Aho* manome ho. . .na *maniraka* ho *aminareo an'i Elia mpaminany mialoha an'*ilay—ilay *andro* mahatahotra *an'ny* T*OMPO:*

239 Hoy izy hoe, "Nitsangana avy teo aho resy lahatra tsara fa hivady izahay na inona na inona." Hitanareo?

> *Fa, indro, avy ny andro, izay handoro tahaka ny fatana; ka ny mpirehareha rehetra, eny,*. . .ireo *rehetra izay manao* ratsy, *dia ho* vodivary: *ary avy ny andro izay handoro azy ireo, hoy ny* T*OMPON'ny maro,* ka *tsy hisy havela amin'izy ireo na ny fakany na ny sampany.*

> *Fa ho anareo izay matahotra ny anarako*. . . *ny Masoandro* (M-a-s-o-a-n-d-r-o) *Masoandron'ny fahamarinana* dia hiposaka *miaraka amin'ny fanasitranana ao amin'ny elany*;. . .

240 "Ilay masoandro mamiratra amin'ny heriny." Oh! Ny herin'ny Zanak'Andriamanitra mamiratra eo afovoantsika izao hariva izao. Mitsangana eo afovoan'ireo fanaovan-jiro volamena fito ao amin'ny maha-olona fito sosona Azy eto amin'ny maha-mpitsara iray. Amin'ny maha-Anankiray izay nijaly sy maty ho antsika, ka nandray ny fitsarana Masina teo amin'ny Tenany, ary nanitsaka ny famihazan-divay, ny firehetan'Andriamanitra. Ho an'ilay mpanota dia fivarinan-drano mampahatahotra Izy, ho anareo fanahy very eo ambonin'ny ranomasim-piainana. Fa ho an'ilay Fiangonana, dia Mpamonjy mora iray, mifikitra ao amin'ny fitsaharana, ka mandre an'ilay renirano miboiboika raha mandry ianareo ary mitsahatra afa-po tanteraka ao amin'i Kristy. Fotoana iray toy ny inona! Mamiratra eo ambonintsika miaraka amin'ny Tarany mafana hoe, "Aza matahotra, Izaho no Izy izay nisy, izay misy, ary ho avy. Izaho no Tsitoha, tsy misy Ankoatrako. Izaho no sady Alfa no Omega, ary Izaho no hanome maimaim-poana ho an'izay mangetaheta ny avy amin'ny loharanon'ny ranon'Aina." Oh, teny fikasana iray toy ny inona ary resa-pitiavana iray toy ny inona izany! Ary ny Zanak'ondry eo afovoan'ilay Tanàna izay tsy mila jiro, fa Izy no Masoandron'ny Fahamarinana miaraka amin'ny fanasitranana ao amin'ny Elany.

Izy no Lisin'ny Lohasaha, ny Kintan'ny Maraina sy Mamiratra,
Izy no tsara indrindra amin'ny alinalina ho an'ny fanahiko.

Ao amin'ny alahelo dia Izy no mpampionona ahy, ao amin'ny olana dia Izy no tohako,
Izy no miteny amiko hametraka eo Aminy ny ahiahiko tsirairay. Haleloia!
Izy no Lisin'ny Lohasaha, ny Kintan'ny Maraina sy Mamiratra,
Izy no tsara indrindra amin'ny alinalina ho an'ny fanahiko.

241 Eny, tompoko! Oh, io Kintan'ny Maraina lehibe io rehefa mivoaka mba hamiratra izy, miarahaba ilay andro miposaka, miantsoantso mafy azy, manao hoe, "Vonona hiposaka ny andro, ho avy tsy ho ela ilay Zanaka," ary manosika ny Tenany mivoaka Izy ao ambadik'ireo kintana hafa rehetra (Oh, oadray.) miaraka amin'ny fanasitranana eo amin'ny Elany.

242 Ankehitriny miverina amin'ny hafatsika. Ary mamarana isika ankehitriny, mba ho vonona ho an'ny rahampitso hariva, satria amin'ny sivy latsaka fahefany ny ora, tsy te-hitazona ny rehetra ela loatra izahay, mba ahafahantsika ho eto fotsiny.

243 Eny àry, ny Masoandron'ny fahamarinana miaraka amin'ny fanasitranana eo amin'ny Elany. Ankehitriny ny Tarehiny. Mpitsara iray Izy, na zavatra hafa iray mba haneho fa tao amin'ny andron'ny Tompo izy. Mino an'izany ve ianareo? Tao amin'ny andron'ny Tompo izy ary nahita ny Tompo amin'ny maha-mpitsara iray; tsy amin'ny maha-mpisorona, tsy amin'ny maha-mpanjaka, fa amin'ny maha-mpitsara iray. Mpitsara iray Izy. Tsy mino an'izany ve ianareo? Ny Baiboly no milaza fa Mpitsara iray Izy. Ary eto Izy dia niakanjo tanteraka tahaka ny Mpitsara, maneho an'izay Nataony; ny naha-izy Azy: ny naha-izy Azy ho an'ilay mpanota, ny naha-izy Azy ho an'ilay Kristiana. Ary indro Izy mitsangana ankehitriny miaraka amin'ny feon'ny rano be, ka ny Tarehiny dia tahaka ny masoandro mamiratra amin'ny heriny.

244 Ankehitriny ireo vokany, ny andininy faha-16. "Ary . . ." Tsia, mamelà ahy, ny andininy faha-17 ilay izy:

*Ary rehefa nahita azy aho, dia niankohoka teo antongony tahaka ny maty . . .*

245 Oadray! Tsy afaka nitsangana intsony ilay mpaminany, nahita fahitana iray tahaka an'izany. Izy fotsiny—nandreraka ny heriny fotsiny Izy, ka niankohoka avy hatrany teo an-Tongony tahaka ny maty izy. Diniho ankehitriny:

*. . . Fa nametraka ny tànany ankavanana teo amiko izy, nanao tamiko hoe, Aza matahotra; Izaho no voalohany sy ny farany:*

246 Oh, oadray! Tsy mpaminany iray, Andriamanitra! "Izaho no voalohany sy ny farany. Izaho no voalohan'ny Fanambarana, ny faran'ny Fanambarana. Izaho no Izy izay nisy, Izaho no Izy izay misy, Izaho no Izy izay ho avy." Ndao jerentsika:

> *Izaho no . . . Izaho . . .*
>
> *. . . Fa nametraka ny tànany ankavanana teo amiko izy, nanao tamiko hoe, Aza matahotra; Izaho no voalohany sy ny farany:*
>
> *Izaho no ilay velona, ary efa maty; nefa, indro, velona mandrakizay aho,* (Izao ankehitriny izao. Ary avy eo dia niantsoantso izy:) *Amena; ary manana ny fanalahidin'ny helo sy . . . ny fahafatesana.*

247 Ankehitriny, aza matahotra. Nahoana isika no hatahotra? Nahoana ilay Fiangonana no diso tamin'ny fitandremana Ny . . . fieritreretana Ny Teniny? Ndao isika hijanona eto mandritry ny iray minitra fotsiny, satria mamarana isika. Nahoana no matahotra mihitsy ity Fiangonana ity? Inona no mba Nampanantenainy ka tsy Nasehony teo anatrehantsika? Nahoana ianareo no hatahotra fanasaziana na ny rahatrizay? "Aza matahotra! Izaho no Izy izay nisy, Izy izay misy, sy ho avy. Izaho no voalohany sy ny farany. Izaho no manana ny fanalahidin'ny helo sy ny fahafatesana eto mihitsy." Nahoana? "Efa naharesy Aho ary nandresy ny helo sy ny fahafatesana (Izany hoe ny fasana sy ny hadesy; ny fahafatesana izy tenany, ny hadesy izy tenany.) ho anareo. Efa naharesy azy rehetra Aho. Naharesy ny helo Aho, ny fahafatesana, ny fasana." Rehefa teto an-tany Izy, dia Izy irery no lehi- . . .

248 Olona maro no nikatsaka handresy. Efa fantatrareo ve izany? Nikatsaka ny handresy an'izao tontolo izao i Napoléon, ary nataony izany tamin'ny faha-telo amby telopolo taonany. Tamin'ny faha-fito ambin'ny folo ka hatramin'ny faha-dimy amby roapolo taonany, dia mpandrara iray i Napoléon, tsy nino ny fisotroana na inona na inona izy. Nandeha nankany Frantsa izy. Tsy Frantsay izy, avy tamin'ny nosy iray izy, nandeha nankany izy mba hanohitra an'i Frantsa mihitsy aza satria tsy tiany izy, tsy tia an'i Frantsa. Fa resy izy. Ary nandroso izy ka nandresy an'i Frantsa, ary nentiny ireo Frantsay ireo ka nandresy an'izao tontolo izao. Ary tamin'ny faha-telo amby telopolo taonany dia nipetraka izy ka nitomany satria tsy nisy olon-kafa ho resena intsony, ary maty alikaolika iray. Resy, tsy afaka nandresy ny tenany akory aza izy. Hitanareo? Ary avy eo dia nahita ny waterloo-ny tao Waterloo, nahita ny fiafarany tao Waterloo izy. Efa tany aho ka nahita an'ireo famantarana tranainy an'ireo vakoka sy ny sisa tany, rehefa tany amin'ilay firenena izahay. Ankehitriny, alaintsika io mpandresy io, nanomboka izy raha mbola lehilahy tanora iray ary naka an'ilay lafiny ratsy mba handresy, ary maty izy, fahafahambaraka iray.

249 Fa nisy Lehilahy tanora hafa iray tonga teto amin'izao tontolo izao indray mandeha. Maty teo amin'ny faha-telo amby telopolo taonany Izy ary nandresy ny zavatra rehetra izay azo noresena Izy. Rehefa teto an-tany Izy dia nandresy ny firehetam-po Izy, fireharehana, nandresy ny aretina Izy, nandresy ny devoly Izy. Rehefa maty Izy, dia nandresy ny fahafatesana Izy. Rehefa nitsangana Izy, dia nandresy ny helo Izy. Niakatra Izy ary nandresy ny zavatra rehetra izay nanohitra ny taranak'olombelona, nankao amin'ny famihazan-divain'Andriamanitra izany ary nanitsakitsaka an'izany ka nandresy ny fahafatesana, ny helo, ny fasana, ny aretina, ireo fombafomba, ny zavatra hafa rehetra, ary naharesy an'izany rehetra izany, ka nitsangana tamin'ny andro fahatelo ka nandresy ny rivotra rehetra teny ambony, ary nanaisotra an'io zavona teo anelanelan'Andriamanitra sy ny olona io, na nampifandray ny Lanitra sy ny tany niaraka. Voninahitra! Oh, oadray! Fioo!

250 Io Izy mitsangana eo ilay Mpandresy Mahery satria Notriariny roa ilay voaly, indro eo Izy. Manana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny helo mihantona eo amin'ny Valahako, "Aza matahotra." Nametraka ny Tànany ankavanana (ny Heriny) teo aminy, ary nanangana azy tamin'ny herin'ny Tànany ankavanana, nanao hoe, "Aza matahotra, Izaho no Izy izay nisy, sy Izy izay misy, ary ho avy. Izaho no voalohany sy ny farany. Izaho no Izy izay velona, ary efa maty, fa velona mandrakizay indray. Amena!" Oh!

He! Indro ilay mpandresy mahery,
He! Indro Izy amin'ny fahitana mazava,
Mitsangana eo Izy, ilay mpandresy mahery,
Satria Notriariny roa ilay voaly.

251 Amena! Nesoriny niala teo amin'ny olombelona ny sakana rehetra, mba ahafahan'izy ireo hifandray tahaka ny tao amin'ny sahan'i Edena. Ankehitriny, ny olona . . . Saika hateliko ilay izy, saingy ho lazaiko izany. Faratampon'ny hery ny olona. Tsy mino an'izany ianareo, saingy izany izy. Ny olona iray nanolo-tena tanteraka ho an'Andriamanitra dia faratampon'ny hery. Tsy nilaza ve Izy, ao amin'ny Marka 11:22 hoe, "Na inona na inona zavatra lazainareo, ka tsy misalasala ao am-ponareo, dia hiseho izany. Afaka mahazo an'izay nolazainareo ianareo"?

252 Inona no mitranga rehefa mihaona ireo faratampon'ny hery anankiroa? Rehefa tonga miaraka Andriamanitra sy ny olona, faratampon'ny hery anankiroa, dia misy zavatra tsy maintsy mihozongozona. Zava- . . . Na inona na inona nolazainareo tamin'io hery mamoron'ny faratampon'ny herin'Andriamanitra io, mahafantatra fa Izy no nampanantena an'izany, ary Izy no nilaza an'izany tao amin'Ny Teniny, dia mamorona hery iray izany izay mandeha eto ka manao an'ireo zavatra hiseho, ireo zavatra izay tsy misy, izany no manao, an'ireo toy ny hoe misy

izy ireo, satria nihaona ireo faratampon'ny hery anankiroa. Mitsangana eo Izy! Oh, tsy mahafinaritra ve Izy!

253 Ndao jerentsika raha manana zavatra tsara sasantsasany amboniny isika. Ny andininy faha-18, ankehitriny ny andininy faha-19. Jaona; inona no nitranga rehefa nahita ny Tarehiny izy? Ilay vokany? Lavo teo an-Tongony izy; tsy afaka nitsangana intsony mihitsy izy, reraka tanteraka ny ain'olombelony, tsy afaka nanao an'izany mihitsy izy. Mpandresy iray Izy, efa nandresy Izy.

254 Ankehitriny dia manome baiko iray Izy, ary avy eo dia manomboka mamarana an'ilay toko isika, ity andininy faha-19 ity:

> *Soraty ireo zavatra izay efa hitanao, sy ireo zavatra izay misy, ary ireo zavatra izay hisy rahatrizay;*

255 Nandray ny toko faha-20 isika:

> *Ny zava-miafin'ireo kintana fito izay efa hitanao teny amin'*ny *tànana ankavanana*, . . . dia *ireo fanaovan-jiro volamena fito. Ireo kintana fito dia ireo anjely* fiton'*ny fiangonana fito: ary ireo fanaovan-jiro fito izay efa hitanao dia ireo fiangonana fito.*

256 Oh! Manapaka fofon'aina izany, ry sakaiza. Mahita Azy mitsangana eo ao amin'ny faratampony . . . ny faratampon'ny Maha-Andriamanitra Azy. Izy no Mpitsara, ny Mpisorona, ny Mpanjaka, ny Voromahery, ny Zanak'ondry, ny Liona, ny Alfa, ny Omega, ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina; Izy izay nisy, izay misy, ary ho avy. Nanitsaka ny famihazan-divay an'ny firehetan'Andriamanitra, ary nahafaly ny zavatra rehetra, hany ka hoy Andriamanitra teo amin'ny hazo fijaliana . . . Rehefa nitsangana Izy, dia hoy Izy hoe, "Vita ilay izy!" Nahafaly an'Andriamanitra izany, hany ka ilay Fanahy izay niala Taminy dia niverina tamin'ny marainan'ny Paska ka naka Azy sy nanangana Azy indray ho an'ny fanamarinana antsika.

257 Niandrandra i Jaona teo ka nahita Azy nitsangana teo niaraka tamin'ny tongotra varahina, maso tahaka ny lelan'afo nandeha nandroso sy niverina nanerana ny tany. Nahita Azy i Daniela fitonjato taona talohan'io, tao amin'ilay toerana iray ihany, ilay karazana iray ihany, olona iray ihany nitsangana teo, ilay Fahagolan'ny andro, ary anankiray tahaka ny Zanak'olona izay nikambana Taminy, ka napetraka teo Aminy ny fitsarana rehetra, nitsangana teo amin'ny Seza fiandrianana Fotsin'ny Fitsarana.

258 Eo am-pahitana an'ireo zavatra ireo, dia tokony ho karazan'olona inona isika, ry sakaiza? Andriamanitra hitahy anareo no fivavako. Hitanareo? Tianareo ve Izy? Mino Azy ve ianareo? Nampifikitra ny fanahinareo tao Aminy ve ianareo?

259 Ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny.

260 Am-pilaminana sy moramora fotsiny, raha hihira am-pilaminana isika hoe, *Nampifikitra Ny Fanahiko Teo Amin'Ny Seranan'Ny Fitsaharana Aho,* "Tsy handre an'ireo fivarinandrano manonjanonja mandefa ny fanahiko lavitra intsony aho, fa hiresaka fiadanana mamy ho an'ny fanahiko Izany." Ampilaminana ankehitriny, am-panajana, ny olona rehetra.

> Nampifikitra ny fanahiko teo amin'ny seranan'ny fitsaharana aho,
> Tsy hisosa eo amin'ilay ranomasina masiaka intsony aho;
> Mety mitroatra eo amin'ilay tafio-drivotra masiaka, lalina ny rivo-doza,
> Voaaro mandrakizay ao amin'i Jesosy aho.
>
> Nampifikitra ny fanahiko teo amin'ny seranan'ny fitsaharana aho,
> Tsy hisosa eo amin'ilay ranomasina masiaka intsony aho;
> Mety mitroatra eo amin'ilay tafio-drivotra masiaka, lalina ny rivo-doza,
> Voaaro mandrakizay ao amin'i Jesosy aho.
>
> Mamirata eo amiko, (Aoka ireo taratry ny Voninahitra, Tompo,) Tompo, mamirata eo amiko,
> Aoka hamiratra eo amiko ilay Hazavana avy eo amin'ny tranon-jiro;
> Oh, mamirata eo amiko, Tompo, mamirata eo amiko, (Ndao isika hanandratra ny tànantsika mankany Aminy.)
> Aoka hamiratra eo amiko ilay Hazavana avy eo amin'ny tranon-jiro.
>
> Hitovy amin'i Jesosy, (Eny, Tompo.) hitovy amin'i Jesosy,
> Eto an-tany dia maniry mafy ny hitovy Aminy aho;
> Mandritry ny diam-piainana rehetra manomboka eto an-tany ka hatrany amin'ny Voninahitra,
> Mangataka fotsiny aho ny hitovy Aminy.

[Manomboka misamonomonona ny isan'andininy Rahalahy Branham—Mpand.]

> . . . O Mpamonjy mahagaga,
> Eto an-tany dia maniry mafy ny hitovy Aminy aho;
> Mandritry ny diam-piainana rehetra manomboka eto an-tany ka hatrany amin'ny Voninahitra,

261 Tianareo ve ny hanana Ny Fiainany mipetraka ao anatinareo, mampitaratra Ny Fanatrehany? Raha tianareo, ka mbola tsy nanana an'izany ianareo, dia hitsangana ve ianareo ho an'ny vavaka? ireo izay te-ho tsarovana ao amin'ny vavaka. Andriamanitra hitahy anareo.

Tao amin'ny fihinanam-bilon'i Betlehema . . .
(Mijanòna mitsangana fotsiny ankehitriny, mijanòna eo fotsiny . . . ) . . . no tonga ny Vahiny iray, (Ho vahiny iray ianareo ho an'izao tontolo izao.)
Eto an-tany dia maniry mafy ny hitovy Aminy aho;
Mandritry ny diam-piainana rehetra, manomboka eto an-tany ka hatrany amin'ny Voninahitra,
Mangataka fotsiny aho ny hitovy Aminy.

Hitovy amin'i Jesosy fotsiny, hitovy amin'i Je- . . .
(Izany no faniriako.)
Eto an-tany dia maniry mafy fotsiny ny hitovy Aminy aho;
Mandritry ny diam-piainana rehetra, manomboka eto an-tany ka hatrany amin'ny Voninahitra,
Mangataka fotsiny aho ny hitovy Aminy.

[Manomboka misamonomonona ny isan'andininy Rahalahy Branham—Mpand.]

. . . tsotra, manetry tena sy tsotra.

262 Ankehitriny, Ray any An-danitra, maro ireo mitsangana izay maniry handray Anao. Reraka ny amin'ity fanaraha-driandrano manerana ity izy ireo, tsy mahafantatra izay alehany, entin'ny onjam-piainana; nefa mahafantatra fa angamba alohan'ny misandratr'andro dia hijanona tsy hitempo ilay fo, avy eo ilay fivarinan-drano lehibe, ireo rian-drano, eo alohan'izy ireo, fanahy iray manara-driandrano. Efa nitovy tamin'ny tenany izy ireo, efa nitovy tamin'izao tontolo izao izy ireo, saingy te-hitovy Aminao izy ireo ankehitriny, Tompo. Raiso ho ao amin'Ny Fanjakanao izy ireo, Anao izy ireo, Ray, satria Ianao no mahafantatra ny fon'izy ireo sy ny fisainan'ny fony. Ary efa Voasoratrao izany, ary nilaza an'izany tamin'ireo Molotrao manokana hoe, "Izay mandre Ny Teniko, ka hino an'Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana Mandrakizay." Nilaza koa Ianao, Tompo hoe, "Sambatra izay mamaky sy mihaino ny tenin'ny faminanian'ity Boky ity, fa antomotra ny andro." Fantatr'izy ireo fa antomotra ny andro. Tsy afaka manara-driandrano intsony izy ireo, Tompo. Atsipazo ilay tadin'aina, sintony mankao amin'ny Tenanao izy ireo, Tompo. Enga anie izy ireo handeha manomboka amin'ity hariva ity, mampitaratra ny Hazavan'i Jesosy Kristy. Apetrako Aminao izy ireo, Andriamanitra Ray, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Enga anie izy ireo hanaraka ny Tompo am-panetre-tena ao amin'ny batisa eto amin'ny fiangonana; apetraho ao amin'ny fiainan'izy ireo ny Fanahy Masina mba ahafahan'izy ireo hitovy amin'i Jesosy amin'ny sisa amin'ny andron'izy ireo. Mangataka an'izany amin'Ny Anarany izahay.

Hitovy amin'i Jesosy fotsiny, hitovy . . .

263 Ny sasany aminareo izay mitsangana eo akaiky na mipetraka eo akaikin'ireo olona ireo, izay Kristiana, atsory ny tànana ka hazòny ny tànan'izy ireo ary raiso ny tànan'izy ireo. Apetraho eo amin'izy ireo ny tànanareo, "Derao Andriamanitra ho an'ny fanahinareo." Feno ankizy sy ny sisa ny alitarantsika eto, tsy afaka hitondra azy ireo eto isika.

> Manerana ny diam-piainana, manomboka eto antany ka hatrany amin'ny Voninahitra,
> Mangataka fotsiny aho ny hitovy Aminy.

> Mamirata eo amiko, Oh, mamirata eo amiko,
> Aoka ilay Hazavana avy eo amin'ny tranon-jiro, hamiratra eo amiko;
> Oh, mamirata eo amiko, Tompo, mamirata eo amiko,
> Aoka ilay Hazavana avy eo amin'ny tranon-jiro, hamiratra eo amiko.

264 Mahatsapa ho tena tsara ve ianareo? Tsy mahatsapa ho tsara ve ianareo? Tsy faly ve ianareo fa Kristiana iray? Raiso ny tànan'ny olona iray izay mipetraka eo akaikinareo ankehitriny, raha mbola hihira hira fiderana iray isika hoe, *Handeha Ao Amin'Ny Hazavana Isika,* io Hazavana tsara tarehy io, ny Hazavan'i Jesosy Kristy Tompo voaseho tao amin'ny nofo.

> Handeha ao amin'ny Hazavana isika, tena Hazavana tsara tarehy,
> Tonga eo amin'izay amiratan'ireo andon'ny famindrampo;
> Mamiratra manodidina antsika rehetra, andro aman'alina,
> Jesosy, ilay Hazavan'izao tontolo izao.

Hirao izany, ny olona rehetra:

> Handeha ao amin'ny Hazavana isika, Hazavana tsara tarehy izany,
> Tonga eo amin'izay amiratan'ireo ando, an'ny famindrampo;
> Mamiratra manodidina antsika rehetra, andro aman'alina,
> Jesosy, ilay Hazavan'izao tontolo izao.

> Avia, ianareo olo-masin'ny Hazavana rehetra ambarao,
> Jesosy, ilay Hazavan'izao tontolo izao;
> Amin'izay fotoana izay dia haneno ireo lakolosin'ny Lanitra,
> O Jesosy, ilay Hazavan'izao tontolo izao.

Atsangano ny tànanareo ankehitriny:

Handeha ao amin'ity Hazavana ity isika, Hazavana tsara tarehy,
Tonga eo amin'izay amiratan'ireo andon'ny famindrampo;
Mamiratra manodidina antsika rehetra, andro aman'alina,
Jesosy, ilay Hazavan'izao tontolo izao.

Hanohy handeha ao amin'ity Hazavana ity isika, tena Hazavana tsara tarehy Izany,
Tonga eo amin'izay amiratan'ireo andon'ny famindrampo Izany;
Mamiratra manodidina antsika rehetra mihitsy, andro aman'alina,
Jesosy, Izy no Hazavan'izao tontolo izao.

Handeha ao amin'ity Hazavana ity isika (Hazavan'ny Filazantsara), Hazavana tsara tarehy,
Tonga eo amin'izay amiratan'ireo andon'ny famindrampo;
Mamiratra manodidina antsika rehetra, andro aman'alina,
Jesosy, ilay Hazavan'izao tontolo izao.

265 Miverina any amin'ny voalohany, amin'ny Pentekosta rehefa nilatsaka teo amin'ilay Fiangonana ny Fanahy Masina. Nanohy nidina hatrany amin'i Smyrna ilay Hafatra; nitsangana teo i Irenée, ilay olo-masin'Andriamanitra malaza, niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, herin'Andriamanitra, nanangana ny maty, nanasitrana ny marary, nandeha tao amin'ny Hazavana Izy. Tonga taoriany i Colomba, ilay olo-masin'Andriamanitra mahery malaza. Maro tamin'ireo olo-masina malaza hafa no nanohy nitondra ny Hafatra, nandeha tao amin'ilay Hazavana, ilay Hazavan'ny Filazantsara, ilay Hazavana iray ihany izay namiratra tamin'ny Andron'ny Pentekosta; Kristy mitsangana eo afovoan'ny Olony, ary ireo fanaovan-jiro volamena fito ireo mampitaratra ny Famirapiratany tahaka ny masoandro eo afovoan'ny hafanany.

266 Eto amin'ny 1961 isika izao:

Handeha ao amin'ity Hazavana ity isika, tena Hazavana tsara tarehy Izany,
Tonga eo amin'izay amiratan'ireo andon'ny famindrampo Izany;
Oh, mamiratra manodidina antsika rehetra andro aman'alina,
O Jesosy, ilay Hazavan'izao tontolo izao.

Ndao isika hitsangana:

Hanohy handeha ao amin'ity Hazavana ity isika, tena Hazavana tsara tarehy Izany,
Tonga eo amin'izay amiratan'ireo andon'ny famindrampo Izany;
Mamiratra manodidina antsika rehetra andro aman'alina,
Jesosy, ilay Hazavan'izao tontolo izao.

Tianareo ve Izy?

Tiako Izy, tiako Izy,
Satria (satria fotsiny) nitia ahy mialoha Izy,
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

267 Tsy miverina mankany amin'ireo zavatr'izao tontolo izao intsony indray. Maty aho ho an'izao tontolo izao ary izao tontolo izao dia maty amiko. Mandeha ao amin'i Kristy fotsiny aho, tarihin'ny Fanahy Masina. Tiako Izy satria tia ahy Izy, ary mampamiratra an'ireo Fitahiany eo amiko, manome ahy ny tànana ankavanan'ny fiombonana ao amin'Ny Fanjakany. Ankehitriny dia zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra isika, ary tsy mbola mampiseho an'izay haha-izy antsika amin'ny farany izany; saingy fantatsika fa hanana vatana iray tahaka ny Vatany manokana be voninahitra isika, satria hahita Azy arak'izay maha-izy Azy isika.

Noho izany dia handeha ao amin'ny Hazavana isika, Hazavana tsara tarehy,
Izay tonga eo amin'izay amiratan'ireo andon'ny famindrampo;
Mamiratra manodidina antsika rehetra andro aman'alina,
Jesosy, ilay Hazavan'izao tontolo izao.

268 Tianareo ve Izy? Fantatrareo, aorian'ilay hafatra mandidy sy ny sisa, dia tiako ny handre ny olona miditra ao amin'ireo hira fiderana sy mandeha manompo ka mihira ao amin'ny Fanahy. Tsy misy na inona na inona tsara kokoa noho ny fihirana tsara fahiny. Marina izany. Tiako ny fihirana pentekotista tsara tamin'ny fanao fahiny; tsy ireo feo nofanina tafahoatra izay hazonina hany ka midridridridry izy ireo ka mivadika mangana eo amin'ny tarehy, ary tsy mahafantatra izay hirainy. Tiako ny olona iray izay angamba tsy mahay mampiara-peo kanefa manana Fitahiana Pentekotista iray, ankehitriny dia mihira ny amin'izany izy. Oh, ahoana—be voninahitra toy ny ahoana ireo hira milantolanton'ny hazo fijaliana! Oh, oadray!

Ny hira fampiravantsika ankehitriny:

Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,
Ry zanaky ny alahelo sy fahoriana;
Hanome fifaliana sy fiononana ho anao izany,
Raiso Izany na aiza na aiza alehanao.

Rahampitso hariva amin'ny fito ora, amin'ny fito ora marina, no manomboka ireo fotoana.

Amin'ny Anaran'i Jesosy no iondrehana,
Miankohoka eo an-Tongony,
Hosalorantsika Mpanjakan'ny mpanjaka any Andanitra Izy,
Rehefa mifarana ny diantsika.

Ndao isika rehetra hihira ankehitriny:

Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,
Ry zanaky ny alahelo sy fahoriana;
Hanome fifaliana sy fiononana ho anao izany,
Oh, raiso izany na aiza na aiza alehanao.

Anarana sarobidy, Oh tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra;
Anarana sarobidy, Oh tena mamy! (Tena mamy!)
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra.

269 Ankehitriny, nahavita an'ilay izy isika izao hariva izao. Ilay. . . vao avy nanontany ahy ankehitriny hoe, "Raha hisy fotoana amin'ny maraina?" Tsia, tsy rahampitso, mahazoa fialan-tsasatra tsara rahampitso. Rahampitso hariva angamba, tsy afaka hahavita an'ity hafatra ity aho, noho izany dia halaiko izy ny andro manaraka. Amin'ny fotoana rehetra tsy ahavitako ny. . . an'ity hafatra ity manontolo, dia entiko izy ny andro manaraka. Fa nahavita an'ity isika, mino aho fa vonona ho an'ireo Taom-Piangonana ianareo. Sa tsy izany? Eny àry.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika raha mbola mihira ampilaminana ankehitriny:

Amin'ny Anaran'i Jesosy no iondrehana, (Ny lela rehetra hiaiky an'izany.)
Miankohoka eo an-Tongony,
Hosalorantsika Mpanjakan'ny mpanjaka any Andanitra Izy,
Rehefa mifarana ny diantsika

Anarana sarobidy, Oh tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra;
Anarana sarobidy, Oh tena mamy! (Tena mamy!)
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra.

*Ny Fahitana Tao Patmo* MAG60-1204E
(The Patmos Vision)
Andian'Ny Fanambaran'i Jesosy Kristy

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady hariva, 4 Desambra, 1960, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonampeo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2020 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org